**Amin'ny anaran'Andriamantira, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo**

# NY FAHALALANA MIKASIKA NY FINOANA ISLAMO

(Ny Imam Saîd Abou Mourtadha)

Amin'ny anaran'Andriamanitra, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

Lazao hoe: "Izy no Andriamanitra tokana.
Andriamanitra Ilay hany ianteheran'ny rehetra,
sady tsy niteraka Izy no tsy nateraka,
ary tsy misy na iray aza mitovy Aminy".

"Marina ny tenin'Andriamanitra"

# Teny fanolorana

Amin'ny anaran'Andriamanitra, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

Ny fahalalana dia tsy azo raha tsy avy amin'ireo tompon'ny fahalalana sy ny fahafantarana irery ihany. Ary eto ny hevitry ny fahafantarana dia tsy ilay heviny amin'ny ankapobeny sy malalaka akory, fa fahalalana Ilay Mpahary Tsitoha sy be voninahitra, ary fiaingana ho any amin'ny sehatry ny fahamasinany amin'ny alalan'ireo dindony sy ireo zava-boahariny , ka hiezaka isika noho izany hanandratra ny fahazavan'ny fahalalana; nefa tsy misy na iza na iza hifehy izany fahalalana izany manoloana an'Andriamanitra, sady tsy mendrika an'Andriamanitra izany. Saingy hiezahantsika kosa ny maka ny fahalalana izay azontsika fantarina avy amin'ity tontolo mahatalanjona ity, ary izany indrindra no handidian'Andriamanitra Ilay be voninahitra antsika ny fikaroham-pahalalana amin'ny teniny hoe:
**« Hamafisina, fa tao anatin'ny fahariana ny lanitra sy ny tany manontolo, ny fifandimbiasan'ny alina sy ny andro, ireo sambo izay mikorisa eny ambony ranomasina ka manome fahasoavana ny olombelona, ny ranon'orana izay arotsak'Andriamanitra avy any an-danitra, izay mamelona ny tany taorian'ny naha-karankaina azy, ary dia mivelona sy miriaria ao aminy avokoa ireo zava-manan'aina rehetra, ny fiovaovan'ny fitsokan'ny rivotra, ary ny rahona mitanjozotra manao ny asany eo anelanelan'ny lanitra sy ny tany, dia tena porofo famantarana ho an'ireo vahoaka mampiasa ny fisainany»** (Al baqara 2.164).

eo ihany koa ny tenin'Ilay be voninahitra hoe: **« Ireo izay mandefa eritreritra amin'ny fahariana ny lanitra sy ny tany manontolo, ary manao hoe: "Tompo Zanaharinay ô! Tsy noharianao amin'ny tsisy antony mihitsy izao zavatra rehetra izao»** (Al Imran 3. 191).

Ka izany dia fahalalana azontsika atao tsara ny misintona tombontsoa aminy mba hahatongavana any amin'ireo fahalalana sansantsasany mikasika an'Andriamanitra. Fa ny zava-boahary tsirairay dia famantarana amin'ireo famantarana maron'Ilay Mpahary, porofon'ny heriny sy ny fahalalany ary ny fahendreny sy ny fahariany, ary tsy mitombina velively, sady ara-boajanahary ny hahatakaran'ny zavatra iray manam-petra ny tsy hita fetra na dia lalina aza ny fahalalany.

Ary misy ihany koa ny fandrarana araka ireo teny masina (hadisy) ny amin'ny fieritreretana ny momba an'Andriamanitra tanteraka, ilay maha izy Azy; fa ny fampirisihana amin'ny fandinihana ireo zava-boaharin'Andriamanitra Tsitoha sy be voninahitra no misy.

Ny olombelona dia toy ireo siny, ka samy manana ny hadiriny sy habeny ny tsirairay, ka tsy mety hihitatra mihoatra izay habeny sy hadiriny izay efa voafetra; marefo fisainana tokoa noho izany ny olona iray mitondra kaopy ka mila hiezaka haka ny ranomasina manontolo amin'izany; satria na dia mandraraka ny ranomasina ao anatin'izany kaopiny izany aza izy dia tsy misy afa-tsy izay homby ny kaopiny ihany no tafiditra ao voalohany, fa ny sisa ambiny rehetra dia tsy isalasalana fa very maina sy foana fotsiny ihany, ary tsy misy fahendrena intsony.

Ka noho izany, ny fahafantarana an'Andriamanitra dia midika ny fahalalana ireo anarany sy ireo toetrany, ary fankatoavana sy fanekena ireo mpaminany sy iraka, satria izy ireo no mitondra any amin'ny làlana marina sy azo antoka mankany amin'Andriamanitra (Allah), tahaka izany koa ireo mpandimby ara-pinoana sy mpitarika feno fahamendrehana, izy ireo no mpandimby ara-boajanahary sy araka ny lalàna ary eken'ny saina an'ireo mpaminany sy iraka, izany dia ho fanohanana sy fanamafisana ny fanazavana ny hafatra, ary fampiharana ny lalàn'Andriamanitra marina araka ny tokony ho izy eto an-tany.

Ny fahalalana tena marina dia tsy maintsy tsoahina avy amin'ny Bokin'Andriamanitra an-tsoratra, izay tsy ahitana fahadisoana na oviana na oviana, boky nidina avy amin'Ilay hendry sy be voninahitra, dia ny Boky masina Kor'any izany, torak'izany ihany koa ny bokin'Andriamanitra am-bava, dia ireo mpanazava tena marina ny bokin'Andriamanitra, an-tsoratra, tsy iza fa ireo taranaky ny Mpaminany feno fahadiovana (ho eo amin'izy ireo anie ny fitahian'Andriamanitra), mpitarika ny mpino silamo, sy mpitondran'izao tontolo izao ho any amin'ny fahatsarana sy ny fahazavana.

Isika ankehitriny dia ao anatin'ny fotoanan'Ilay mpitarika farany (ho eo aminy anie ny fitahian'Andriamanitra), ka miaina eo ambany fitarihany mendrika sy malalaka; finaritra isika amin'ny fisiany feno fahasoavana izay hamenoany ny rariny sy ny hitsiny ny tany taorian'ny nahafeno tsindrihazolena sy habibiana azy, araka ny fanambarana izay nataon'ny Raibeny ilay voafidy ho Mpaminany (ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahian'Andriamanitra).

Ka ao anatin'ny fanjavonan'izy ireo (ho eo amin'izy ireo anie ny fitahiana'Andriamanitra) dia tsy maintsy isika maka ny fahalalantsika tena marina, amin'ireo mpitari-dalana mendrika antsika, dia ireo manam-pahaizana ara-pinoana lehibe hiverenana, satria izy ireo no mpandimby toerana ilay Mpitarika (ho eo aminy anie ny fitahian'Andriamanitra), iraka avy aminy izy ireo ho amin'ity vahoaka feno fitahiana ity.

Ny manam-pahaizana ara-pinoana lehibe indrindra Al Imam Assayed Asshirazy (ho eo hatrany anie ny voninahiny sy ny fanohanany) tamin'ny taona iray izay namenoan'ny soratanany ny tontolo; sy nampamanitra nanentoento ny fotokevitra araka ny finoana Islamo madio mangarahara, satria dia nanoratra ary nanoratra hatrany hatrany izy, ary nihoatra ny 1065 ny asa sorany na boky izany na takelaka taratasy.

Ka ity boky ity “ny fahalalana mikasika ny finoana Islamo”dia namerina nanonta azy izahay noho ny filàna azy fatratra tokoa, indrindra fa ho an’ireo tanora namana…manantena fitahiana sy fanekena avy amin’Andriamanitra isika.

## Fampidirana

Amin’ny anaran’Andriamanitra, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

Dera amam-boninahitra ho an’Andriamanitra Tompon’izao tontolo izao, ary fitahiana sy fandriam-pahalemana ho an’i Mohammad sy ireo taranany feno fahadiovana, ary ny ozon’Andriamanitra ho an’ireo rehetra fahavalony.

Ankehitriny dia efa miseho lany maneran-tany  ny hetsika samihafa miantso any amin’ireo finoana sy fotokevitra isan-karazany; ka efa samy nanomana ny heriny sy ny tanjany avy ny tsirairay amin’izy ireny, mba hampielazana ny foto-pinoany, ary miezaka mafy araka izay tratra hisintonana olona maro ho any aminy..ka aiza ho aiza amin’izany sehatra izany ny anjara toeran’ny mpino silamo?

Ny valiny:  tena marina ny anjara toeran’ny mpino silamo dia tsy misy zavatra ho lazaina!  Fa nahoana?

Ny valiny: topazo maso ireo firenena mpadala ny finoana Islamo, firifiry ny antso hitanao anatin’izany firenena izany ho any amin’ny finoana Kristianisma sy Jodaisma, ny kaominisma sy ny demokrasia, ny fandefasana vondron’olona amina toerana maro, ny fanomezana

Ianja ny fisiana ara-materialy ! ny hevitr'izany dia ny fisian'ny hetsika ara-potokevitra sy ara-pinoana!

Ankoatra izany, mandehana eran-tany ianao, moa ve mba mahita fiantsoana mavitrika ho any amin'ny finoana Islamo?

Amin'ny alalan'izany fampitahana kely sy fitsidihana toerana haingana izany dia fantatsika ny fetran'ny fiantsoana ho any amin'ny finoana Islamo, ary ny fampielazana izany.

Saingy, moa ve azo atao ny mangina nefa izany ny zava-misy?

Manery antsika noho izany ny andianteny ao amin'ny Kor'any feno fahendrena: **« Nahoana ireo lehilahy sasantsasany amin'ny foko tsirairay no tsy manovo fahalalana mikasika ny finoana, ka hananarany ireo vahoakany amin'ny fiverenany mba hitandreman'izy ireo »** (Taoba 9.122)

«**Ry Iraka! Ampitao izay nampidinina taminao avy amin'nyTompo Zanaharinao** » (Al Maidah 5.67).

« **Fa ianareo no vahoaka mendrika indrindra notsongaina tamin'ireo olombelona rehetra, satria ianareo no hampirisika ny olona amin'ny fanaovan-tsoa sy handrara azy tsy hanao ny ratsy** » (Al Imaran 3.110)

« **tsy misy afa-tsy ny fampitan-kafatra ihany no iantsorohanao** » (Al Imran 3. 20).

Ireo andian-teny roa momba ny fampielezana ireo na dia nandeha tamin'ny Mpaminany aza (ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahian'Andriamanitra) dia : **« Tena manana ohatra fakan-tahaka tsara tokoa ianareo amin'ny Irak'Andriamanitra »** (Al Ahzab 33.21)

Eto dia misy fanontaniana tokony hipetraka amin'ny tena ; dia ny hoe ahoana ny fomba hampielezantsika ny finoana ?
Ny valiny : ny fampielezana dia amin'ny fomba maro samihafa, ary amin'ny fomba mendrika indrindra sy amin'ny hery rehetra : niteny Ilay avo indrindra hoe : **« Ary aoka ianareo hiomana tsara araka izay vitanareo, amin'ny hery rehetra sy i reo soavaly voaomana »** (Al Anfal 8.60)

Ary ahoana no azon'ny mpino silamo atao ny mangina nefa ny fiantsoana ho amin'ny tsy finoana sy ny fiainana tsy misy lalàna efa mipariaka mihoatra ny fefy ?

Moa ve tsy ireo tanorantsika no mivoaka maro avy ao amin'ny finoan'Andriamanitra ? Ary moa ve tsy ny firenentsika no toerana hitsahin'ireo mpitsiriritra sy tsy mpino ? Ary moa ve tsy ny Kor'any ilay lalàm-panorenantsika no efa navela any an-damosina ?

Tena marina izany dia ampahan-dresaka ihany, ary ampy ho an'izay efa nandre sy nahita !

Noho izany, adidy tsy maintsy ataontsika ry mpino silamo namana ; amin'ny endriny ankapobeny araka ny tenin'ny Mpaminany: « ianareo rehetra dia tompon'andraikitra.. » (hadisy), sy ireo namana manam-pahaizana amin'ny endriny manokana araka ny Kor'any : **« Nahoana ireo mpampianatra ara-pinoana (rabbin) sy ireo mpanora-dalàna no tsy mba nanakana azy ireo.. »** (Al maidah 5.63) no miezaka araka izay vita :

Amin'ny alalan'ny fanoratana mifandraika amin'ny zava-misy eo amin'ny manodidina.. ary amin'ny alalan'ny teny avy ao am-po mifototra amin'ny fanatsarana…sy fo voazavan'ny fahamarinana, ho fampijanonana ny fanenjehana sy fiantsiana, ary famaliana ireo teny fandrangitana sy fandrabirabiana ho amina toerana tokony hisy azy, fa raha tsy izany dia hiandry fotsiny isika ! **« Tsy nanao ratsy tamin'izy ireo Izahay, fa izy ireo ihany no mpanao ny tsy rariny** » (Az zoukhrouf 43.76)

## Moa te-hahafantatra ve ianao ?

Misy amin'ny olona no tsy te-hahafantatra ! Misy  amin'izy ireo ihany koa anefa no te-hahalala, saingy ao anatin'ny fihetseham-po fotsiny izany ! Ary ao ireo izay te-hahafantatra ny marina tokoa na dia mifanohitra amin'ny sitrapony aza izany, nefa vitsy izy ireo. Ka aiza ho aiza amin'ireo vondrona ireo no misy anao ?

Tsy isalasalana fa hiteny ianao hoe : izaho dia isan'ireo izay te-hahafantatra ny fahamarinana ;  eny fa na dia mifanohitra amin'ny foto-pinoako sy ny fihetseham-poko ary ny filàko aza izany.

Noho izany manontany anao izahay :

Iza no nahary anao ?

Ka ny valin'izany fanontaniana izany dia tsy maintsy ny iray amin'ireto zavatra roa ireto :

1- Andriamanitra no nahary ahy..Ilay Mpahay, Ilay Mpahefa, ary Ilay be fahendrena.

2- Ny voary no nahary ahy.

Raha miteny ianao hoe: Andriamanitra no nahary ahy..dia tsy misy fikarohana ataonao. Fa raha miteny kosa ianao hoe: ny voary no nahary ahy, dia milaza isika : inona io voary io?
Hilaza ianao hoe: ny voary dia ny tany, ny rano, sy ny hazavana ary ny rivotra…

Manontany izahay:
Moa ve ireo zavatra ireo mahalala sy mahefa, mandre sy mahita?

Tsia! Ka ahoana no hahariany nefa tsy manana fahalalana akory izy, tsy manana fahatsapana; ka hahariany ireo zavatra tonga lafatra, sy voary feno fahendrena ireo?

Mahatoky ve ianao fa ny voary no nahary ny lampy (takamoa) mandeha amin'ny herin'aratra?

Ka ahoana no inoanao fa ny voary no nahary ny olombelona manana lela sy maso roa, ary orona sy sofina roa, saina sy fieritreretana?

Noho izany: ny voary dia tsy ho Andriamanitra sy ho Mpahary mihitsy.
Raha tsy izy àry ny voary; dia mitombina ny tenin'ireo mpino an'Andriamanitra tokana; dia ny hoe: ny tena Mpahary dia Allah (Andriamanitra) Ilay Avo indrindra.

## Moa ve hitanao?

Moa ve hitanao ny latabatra iray norafetan'ny mpandrafitra?
Moa ve hitanao ny sary iray nataon'ny mpanao sary?
Moa ve hitanao ny trano iray naorin'ny mpanao trano?
Moa ve hitanao ny tanimboly iray novolen'ny tantsaha?
Moa ve hitanao ny lalana norarian'ny mpiasa vato?
Moa ve hitanao ny boky nosoratan'ny manam-pahaizana iray?
Moa ve hitanao ny fiarakodia iray novokarin'ny mpamokatra?
Moa ve hitanao ny finday navoakan'ny mpamorona?
Moa ve hitanao ny fitaovana mpanome rivotra navoakan'ny mpandinika?
Moa ve hitanao ny sekoly harindran'ny tale?
Moa ve hitanao ny tanàna iandraketan'ireo mpitondra ny fitantanana ny momba azy?

Moa ve hitanao ny andrim-by narendrik'ireo mpandrendrika vy? Moa ve hitanao? Moa ve hitanao? Ny hamalianao izany fanontaniana rehetra izany moa dia ny hoe: eny.

Moa ve ny masoandro mibaliaka eny an-danitra; ny volam-penomana anatin'ny alina maizina, ireo kintana mamirampiratra miposaka eny amin'ny habakabaka; ny rahona matevina manelanelana ny lanitra sy ny tany, ny biby manidina eny amin'ny rivotra, ny biby milomano anaty rano, ny ahitra maitso eny amin'ny tany, ny voly amin'ny karazany samihafa, ny olombelona amin'ny fahariana azy mahatalanjona; izany rehetra izany ve dia tsy misy mpahary sy mpitantana? Tsia! Tsia dia tsia tokoa!!

## Inona no nohariany?

Mitondra fanoherana eto ireo mpandinika ara-kolontsaina sasany ka milaza hoe: inona no noharian'Andriamanitra?

Ny valiny: tena marina Andriamanitra dia nahary ny olombelona, ny biby, ny zava-maniry sy ny hafa maro…
Dia hilaza izy hoe: tsia! Ireo zavatra ireo dia tsy nohariana: fa ny olombelona sy ny biby ary ny zava-maniry, izy rehetra ireo dia avy amin'ny tany sy ny rano ary ny hafanana avokoa, nandalo dingana nifangaro izy ireo mandra-pahatongany amin'izao endriny izao!

Mahagaga tokoa izany valinteny izany, ary tsy marina!!

Voalohany; miteny isika: iza no nandrafitra ny rano sy ny tany ary ny hazavana, ka nanjary olombelona sy biby ary zava-maniry?

Faharoa, miteny isika: iza no nampisy ny rano sy ny tany ary ny hazavana?

Fahatelo, miteny isika: iza no nampisy ny fanahin'olombelona tao anatin'ny olombelona, sy ny nahabiby ny biby tao aminy, ary ny naha zava-maniry ny zava-maniry tao aminy?

Ary moa fantatrao inona no noharian'Andriamanitra? Tena marina Izy dia Tsitoha.
Nandrafitra ny olombelona sy ny biby ary ny zava-maniry Izy tamina singa voalohany tany am-piandohana. Ary nahary izany singa voalohany izany; avy eo nampisy ny fanahy tao anatin'ny vatana voarafitra araka ny endriny.

Moa ve tsy hitanao, raha mahita trano iray ianao; moa tsy mino ny fisian'ireo mpanorina izany, ary ny vy sy ny hazo dia tsy mpanorina akory, fa ny mpanao trano no nanangana ny trano?

Koa aoka ianao hanavaka an'Andriamanitra Tsitoha, manoloana izany ohatra izany: fa Andriamanitra Tsitoha no nahary ny vatana, avy nahary ireo zavatra rehetra mandrafitra azy, manaraka izany dia nanome endrika voafaritra mampiavaka azy: toy ny fanahy ny hafa ankoatra azy.

Fa ny mpanao trano kosa, izy no nandrafitra sy nampifangaro ireo singa rehetra efa nisy, dia toy izany.

Noho izany: ny filazana ataon'ireo mpandinika ara-kolontsaina sasany, fa ny olombelona dia avy amin'ny tany, sy raotran-dranomasina, fa tsy nahary na inona na inona Andriamanitra! Fahadisoana miharihary izany.

Moa hitanao, iza no nahary ny ranomasina?
Avy eo, iza no namboatra izany raotra avy aminy izany? Avy eo; iza no namboatra ny tany avy amin'izay raotra izay? Ary iza no nandrafitra ny olombelona avy amin'ny tany, sy ny hafa ankoatrany? Aorian'izany rehetra izany, iza no nampisy ny fanahy na ny aina, ny saina, ny fihetseham-po ary ny fandinihana?

Tena marina ny olona dia mahatoky: ny mpamboatra fiaramanidina sy sambo, ny fiarakodia sy ny fiarandalamby.

Nefa avy eo, tsy mahatoky ilay mpahary ny vorona sy ny rivotra, ny trondro sy ny rano, ny bibidia eny an-kianja; ny rahona eny amin'ny habakabaky ny lanitra. Tokony hiverina hieritreritra tsara izy, ary handinika ireo izay manodidina azy, amin'ireo zava-boahary isan-karazany aman-tapitrisany maro, ary ampitaha izany amin'ireo voatran'olombelona izay bitika: toy ny penina, ny taratasy, ny tsihy (lamaka); ka mino amin'izay ve ianao aorian'izany: fa ireo zava-namboarina bitika ireo dia nisy namboatra azy, ary ny manodidina azy kosa tsy nisy mpahary? Tsy mitombina izany raha tsy ho an'ireo mpanohitra be fahatany, na ny tsy misaina.

## Te-hahita an'Andriamanitra aho!

Nandray ny masolavitrany i 'Ala, dia naka any Mohammad hiaraka taminy ho any an-tany efitra, ary niakatra teo ambony havoana izy, dia nanomboka nitazana ny lanitra tamin'ny masolavitra, ny faravodilanitra, ary ny sisin-dranomasina, ny hazon'antrendry sy ireo hazo maro, tamim-pitandremana fatratra sy amim-pahatoniana!
Dia niteny taminy i Mohammad hoe: inona no ilainao?
Namaly 'Ala: te-hahita an'Andriamanitra aho, nefa tsy nahita Azy, ka raha misy marina araka ny voalazanao sy ny namanao Izy dia tokony hohitako.
Tsy niteny taminy i Mohammad, fa naka ny masolavitra teny an-tanany, dia nanomboka nijery tamin'ny alalan'izany nanandrify ny lohan'i 'Ala, sy ny tratrany, ny kibony, ary nanandrify ny tongony, tamim-pitandremana fatratra sy amim-pahatoniana. Dia nilaza taminy i 'Ala: inona no ilainao? Namaly i Mohammad: mila mahita ny sainao aho, saingy tsy hitako izany, ka raha misy marina izany araka ny voalazanao, ary milaza ianao fa manantsaina dia tokony hohitako.
Niteny 'Ala: ka mihevitra ahy ho adala izany ianao? Namaly i Mohammad: ka ahoana àry no heverako anao ho manantsaina, nefa izaho tsy mahita akory ny sainao? Niteny i 'Ala: moa ve tsy hitanao

fa ny fihetsiko, sy ny asako; ary ny teniko rehetra dia ambany rindran-damina iray, ka izany rehetra izany dia dindon'ny saina, na dia tsy mahita ny saiko aza ianao; nefa tsy maintsy manaiky ny fisian'ny saiko ianao, rehefa mahita ny dindony maneho ny fisiany.

Teto dia namerina namaly an'i 'Ala indray i Mohammad tamin'ny alalan'ny teniny ihany; ka nilaza hoe: tena marina ianao, na dia tsy mahita an'Andriamanitra aza, dia efa mahita ny tandindon'ny fisiany; dia ny lanitra sy ny tany izany, ny tendrombohitra sy ny ranomasina, ary ny hazo, izany rehetra izany dia tandindon'ny fisian'Andriamanitra, ka tsy maintsy manaiky ny fisian'Andriamanitra ianao, na dia tsy mahita Azy aza.

Dia nisaotra an'i Mohammad i 'Ala, ka niteny taminy hoe: sitraka ho anao, novahanao ny olana tao an-tsaiko, izay tsy nisy namaha izany talohanao.

Ka dia nanaiky ny fisian'Andriamanitra tokoa izy, ary nanjary mpifikitra sy mpankafy tanteraka tamin'Ilay Mpahary.

## Fanakorontanana

Firifiry ireo porofo tsy mitombina sy fanohanan-kevitra tsy marina, hitanao izy ireny amin'ny bokin'ireo tsy mpino an'Andriamanitra, izay avy amin'ny teny notaterina tsy misy loharano nipoirany, na hevi-diso tsy misy lanjany akory.

Ary any amin'iza moa no tena handefasana azy ireny?

Ho any amin'ireo tanora namana, izay tsy mbola nanandrana akory ny voaloham-pahalalana ny sasany amin'izy ireo. Noho izany, hitantsika fa ny porofon'izy ireo dia mirodana avy hatrany raha vao manoloana ny fiantefan'ny fahamarinana voalohany: **« Ny mifanohitra amin'izany anefa, alefanay hanohitra ny hadisoana**

**(hevi-diso) ny fahamarinana, izay hanitsaka ny lohany, ary indro ny hevi-diso fa nanjavona»** (Al Anbiya 21.18). ary raha manjaka ny hazavana, na dia hazavan-dabozia ihany aza izany manoloana ny haizina mipariaka maneran-tany, handrava ny haizina izy ka hanome fahazavana ny manodidina azy.

Inona ireo porofon'izy ireo tsy mitombina ?

"Tena marina ny tontolo dia fanilo tsy hitsahatra hirehitra"!
"Tena marina ny tontolo dia tsy nisy Andriamanitra na olombelona nahary"!
"Tena marina fa isika no namorona Andriamanitra, fa tsy Andriamanitra no namorona antsika"
"Kisendrasendra no niforonan'ny tontolo"!
"Tsy hitantsika ny Mpahary, ka ahoana no inoantsika Azy"!
Ary ny ohatra hafa ankoatra izany amin'ireo filazana tsy misy fototra iorenany.

Eny: ny lainga dia tsy mitondra afa-tsy fanakorontanana fotsiny, sy ny mitovy amin'izany. Ka iza no nilaza taminao: fa ny tontolo dia fanilo tsy hitsahatra ny hirehitra? Na ny tontolo dia tsy noharian'Andriamanitra? Ary inona no porofo amin'izany? Ary raha tsy Andriamanitra no nahary anao; dia iza àry no nahary anao?

Ary inona no hevitry ny hoe kisendrasendra izay ampifandraisina amin'ny fahariana ny tontolo? Moa ve ny kisendrasendra dia mahavita tokoa ny fahariana? Fahariana penina, na boky famakian-teny ho an'ny kilasy voalohany any amin'ny ambaratonga voalohany?

Ka raha tsy mahavita mahary ireo zavatra roa ireo ny kisendrasendra, dia ahoana no hahariany ireo kintana sy biby aman-tapitrisany?

Manaraka izany: inona moa ny kisendrasendra? Inona ny heviny? Ary ahoana no hanazavanao azy? Ho fanampin'izany, ny tsy fahitana maso ny zavatra iray dia tsy midika ny tsy fisiany ihany koa.
Moa ve hitanao ny sainao? Moa ve hitanao ny fanahinao?
Marina fa tsy mahita an'Andriamanitra ianao, nefa lavinao ve ireo dindony porofom-pisiany? Ary raha tsy dindon'Andriamanitra izy ireny, dia an'iza àry?

Fanakorontanana izany! Maneho ny haizina sy ny habadoana, ary ny misary bado! Fahajambana, na misary jamba!

Izany dia efa fomban'ireo mpankahala ny fisian'Andriamanitra hatrany amboalohany, hitanao izy ireo ao amin'ny Kor'any manohan-kevitra amina habadoana, ary tsy mijanona mandinika manoloana ny fiantefan'ny porofo voalohany.

Dia toy izany no nataon'izy ireny, ary mbola mitohy mandraka ankehitriny!

Inona ny vokatsoan'ny fahalalana?

Avelao izahay; fa tsy misy hidiran'Andriamanitra ny ataonay!

Izany teny marary izany no mifanehitra aminao ataon'ny olona izay manjaka ao aminy ny materialy!!
Ary raha misisika aminy ianao dia hiteny anao izy hoe: inona àry ny vokatsoan'ny fahalalana? Ary raha ataontsika hoe misy Andriamanitra, dia inona no ho azontsika aorian'izany? Ary inona no mampiavaka ny tsy mpino sy ny mpino? **« Tsia! Fa rakotr'ireo asa (ratsy) nataony ny fon'izy ireo »** ( Al moutaffifina 83.14)

Ny fahalalana dia misy tombontsoa roa:

1- maneho ny maha olombelona
2- ny valisoa sy ny fitsarana.

Maneho ny maha olombelona, raha misy mpanao soa mendrika ohatra any ho any, ka namorona ary namokatra, namboatra ka nanao izany ho tonga lafatra, ary nanome anjaram-pivelomana araka ny filàna isan-karazany, sy nanomana ireo fomba samihafa enti-miaina. Moa ve amin'ny maha olombelona tsy mendrika ny hankasitrahana tanteraka izy, ary homen-danja sy hisaorana?

Moa ve hitanao ny olona iray mitondra fanampiana amin'ny filàntsika iray monja, ahoana ny fahitantsika ny tenantsika feno fisaorana sy fanamboniana azy mitafotafo? Ka ahoana ny amin'izay handraisantsika fahasoavana sesehena; marain-tsy hariva dia miaina anatin'ny fahasoavany sy ny fitsimbinany hatrany isika? Ka ny fanaovantsika tsinontsinona izany fahasoavana izany dia midika tsy firaharahana sy fikomiana ratsy, ka vao mainka ny fanaratsiana sy ny fanaovam-pahotana?
Moa ve fantatrao amin'izany ny hevin'ny fahalalana amin'ny maha olombelona?

Fa ny amin'ny valisoa sy fitsarana kosa, tena marina ny olona mpitsipaka an'Andriamanitra miankindoha tanteraka amin'ny materialy, ary miaina anaty fahotana dia tsy mendrika ny fanamboniana sy ny fanajana akory; tsy hahazo fahatsarana sy valisoa, fa ny mifanohitra amin'izany: mendrika azy ny hahazo latsa sy fanambaniana, ary fanaratsiana.

Moa hitanao ve ny olona izay mandika lalàna,inona no mahazo azy?

Tena marina ny olona manao tsinontsinona ny soa nataonao taminy, ahoana no hifanenanao aminy anatin'izany tsy firaharahana izany, tsy ampatsiahy azy soa fanindroany intsony ianao, na fanamboniana sy fanaovan-tsoa aorian'izany? Fa, ny fahasoavana aminy dia very maina sy zava-poana ihany. Izy raha ny marina dia toy ny olona miala ivelan'ilay maha olombelona, satria tsy mahay misaotra ilay mpanao soa azy, ary tsy manaja ilay mpahary sy mpanome anjara-pivelomana azy.

Ka moa aorian'izany, mety amin'ny olona ve ny miteny hoe: sahirana miasa aho? Ary asa inona moa no lehibe lavitra mihoatra ny fahalalana? Ary zavatra inona no manan-danja mihoatra ny fahafantarana an'Ilay Mpahary sy Mpanome anjara-pivelomana?

Tena marina Andriamanitra Ilay Tsitoha dia efa nanomana ho an'ny mpitsipaka sy mpikomy, mpanao ratsy sy mpanonta karazam-pamaizana amin'ny endriny samihafa: famaizana eto an-tany, sy famaizana any an-koatra.

Ka ny famaizana eto an-tany, dia: ny tebiteby, ny tsy filaminan-tsaina, ny fikorontanana, ny aretina, ny fahantrana: **« Fa izay mino an'Andriamanitra, dia hitaridàlana ny fony Izy»** (At-taghaboun 64.11) ary **« Moa tsy amin'ny fiantsoana an'Andriamanitra va, no mampitony ny fo? »** (Ar-ra'd 13.28). **« Fa izay misintaka ny fampahatsiarovako kosa, dia hiaina fiainana feno fahasahiranana »** (Ta ha 20.124)

Hiteny ianao, fa ahoana izany ?
Miteny isika : tena marina Andriamanitra dia nametraka rindran-damina ho an'ny fiainana ambonin'ny tany, ka fahasimbana ny tsy fisian'izany, ary ny mpankahala dia tsy maintsy handrava izany, satria tsy mino an'Andriamanitra izy, ka ahoana moa ny lalàny ? Ary raha rava ny lalàna dia hikorosofahana ny fiainana an-tany amin'ny lafiny rehetra, toy ny hoe raha dikaina ny fitsipi-dalàna nataon'ny zanak'olombelona dia hiely ny famonoan'olona, sy ny halatra ary ny korontana ao amin'ny firenena.

Izay ny mikasika ny famaizana eto an-tany.

Fa ny momba ny famaizana any an-koatra kosa, dia aoka ianao hihaino: **« Nanomana rojo-vy ho an'ireo tsy mpino tokoa Izahay, sy gadra-vy, ary afo mamaivay »** (Al Insân 76.4).

Ary ity andininy manaraka ity moa dia manambatra ireo famaizana roa ireo : **« Tsy maintsy ampanandramanay ny famaizana izy ireo eto an-tany, mialohan'ny famaizana lehibe »** (As-sajdah 32.21)

## Tsy misy fotoana izy..

Fanontaniana izay miverimberina eo imolotra : tamin'ny fotoana inona no nisian'Andriamanitra Ilay Tsitoha ?

Ny valin'izany: tsy misy fotoana mamaritra an'Andriamanita na oviana na oviana. Inona no hevitr'izany?

Ny heviny : marina fa Andriamanitra dia nisy talohan'ny zava-drehetra, ary hitoetra mandrakizay aorian'ny zava-drehetra, ka tsy miavaka eo anatrehany noho izany ny volana Mouharram manoloana ny volana Joumada ; na ny andro zoma amin'ny andro alahady, na ny taona fahavalopolo manoloana ny taona fahasivifolo.

Tena marina ny fotoana dia toy ny renirano mikoriana, mikoriana amin'ny tsirairay izay ao anatin'ny fotoana, tahaka ny ikorianan'ny renirano amin'ny harambato izay ao anaty rano. Fa Andriamanitra Ilay Avo indrindra kosa, dia ivelan'ny fotoana Izy, fa tsy andalovan'ny fotoana, sahala amin'ny olona izay ivelan'ny renirano, tsy mikoriana aminy ny rano.

Noho izany : tsy misy fotoana mamaritra an'Andriamanitra Ilay Tsitoha.

Fa Izy Tsitoha no nahary ny fotoana, avy eo manafoana ny fotoana, ary mijanona mitoetra hatrany Izy.

Araka izany, manatsoaka hevitra isika :

1- Nisy talohan'ny fotoana Andriamanitra.
2- Tsy misy fotoana mamaritra an'Andriamanitra mihitsy, fa ivelan'ny fotoana mandrakariva Izy.
3- Hisy hatrany Andriamanitra aorian'izany, ary tsy misy fotoana mifehy Azy.

## Tsy manana vatana Izy

Ahoana Andriamanitra Ilay Tsitoha?
Ny valiny: tena marina Andriamanitra dia tsy manana endrika.

Tsy vatana Andriamanitra: toy ny olombelona, sy ny zava-maniry, ny biby ary ny zavatra tsy mananaina. Ary tsy manana maso, na sofina, na lela na tanana, na tongotra ihany koa Izy. Ary tsy mena na mavo, na fotsy na maitso.

Tsy matory Izy, na tezitra na mihomehy, tsy matahotra na kanosa.

Tsy misy olona mahita Azy, na eto an-tany izany na any an-koatra, eny fa na dia ny lehibe indrindra amin'ireo Mpaminany aza, Mpaminany Mohammad (ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahian'Andriamanitra).

Tsy misy nofo sy rà ary taolana izy, ary tsy singam-pahazavana ihany koa, na tara-pahazavana.

Tsy manana toerana ho azy Izy: tsy any an-danitra, ary tsy ambony seza fiandrianana, tsy eny amin'ny habakabaka, na eny amin'ny planeta, na ety an-tany sy ny mitovy amin'izany.

Fa, Izy Ilay Andriamanitra (Allah), tsisy zavatra toa Azy; tsy misy mitovy Aminy, tsisy toerana mamaritra Azy, tsy mandrakotra Azy ny fotoana, tsy iharan'ny trangan-javatra Izy, na endrika mamaritra Azy.

Ka hanontany ianao hoe: mitombina ve ny zavatra toy izany? Ny valiny ao anatin'ny fahamorana sy fahatsorana tanteraka:

Tsy maintsy mihaino amin'ny alalan'ny saina ianao, moa ve fantatrao ny endrikendriny?
Tsia, tsy fantatrao ny fihodirany..na ny toerany, na ny fotoanany, na ny bikany, eny, tsy fantatrao ny tena fahamarinany, ka moa fantatrao ve ny momba izany rehetra izany?

Tsia, mazava loatra.

Ka raha tsy fantatrao ireo zavatra ireo, dia hankahala ny saina ve ianao? Tsia, mazava loatra.
Ahoana no hanekenao ny fisian'ny saina? Hamaly ianao: satria hitako ny dindony. Dia toy izany koa Andriamanitra Ilay Avo indrindra. Satria Izy dia tsy misy endrika, ary tsy fantatra ny tena momba Azy.

Na izany aza anefa, dia manaiky tanteraka ankitsipo ny fisiany isika, satria mahita ireo dindona maneho ny fisiany: ny zavatra rehetra dia dindony.

Hiteny ianao hoe: ka nahoana àry ianareo no mampitovy an'Andriamanitra amin'ny saina?

Milaza izahay: mba hampanakaikezana izany amin'ny fisainana: mety misy zavatra tsy manam-batana sy endrika, tahaka ny mety fisian-javatra tsy fantatra ny tena marina aminy, fa fantatra amin'ny dindony fotsiny.

## Anisan'ny famantarana ny tontolo

## 1: Ny habakabaka

Moa ve misy zavatra fantatrao ny amin'ny habakabaka midadasika mampatahotra?
Miteny ny fahalalana feno fandrosoana ankehitriny: fa ny tany dia manalavitra ny masoandro 92,5 tapitrisa km, ary manalavitra ny volana 240.000 km.

Ka raha manakaiky ny masoandro ny tany, dia ho may ny tontolo iainana sy ny mananaina rehetra, fa raha manalavitra tanteraka ny tany kosa ny masoandro, dia hivaingana avokoa ny mananaina rehetra, noho ny hatsiaka mafy mihatra aminy.

Ary raha manakaiky ny volana ny tany, na manalavitra azy, dia mahatonga ny fihitaran'ny ranomasina, ka hiteraka tondradrano, ary mety hitresaka ny tendrombohitra vokatry ny fisintonan'ny tany.

Misy fisalasalana ve aorian'izany, ny amin'Ilay Mpahary?

**«Jereonareo izay any an-danitra sy ety ambonin'ny tany»** (Younous 10.101); **« Hankalazaina anie, Ilay Nametraka eny an-danitra ireo kintana, ary Nametraka ny hazavana (ny masoandro), sy ny volana mpanazava»** (Al-fourqane 25.61).

Lazaintsika fanindroany amin'ireo mpifikitra amin'ny ara-materialy, sy ny mpandala ny ara-boajanahary ary ireo tsy mpino hoe: moa ve ny voary moana sy jamba ary marenina sy bado no namboatra izany halavirana izany amin'ny refiny maty paika sy an-tsipirihany?

Ary inona izany voary izany, ka nahary sy nandrefy ary nandrindra?

Misy teny hafa voatatitra ihany koa mikasika io habakabaka io:

Miteny ny fahalalana feno fandrosoana ankehitriny: fa ny vondron-kintana,dia ahitana kintana maro sesehena, any ho any amin'ny 100 miliara (lavitrisa) any!

Ary mba fantatrao ve ny lavitrisa, misy firy hetsy? Misy hetsy arivo!

Moa ve mihevitra ianao fa ireo kintana ireo dia bitika, tahaka ny hahitanao azy amin'ny maso?

Nefa fantaro, fa ny sasany amin'izy ireo dia lehibe lavitra mihoatra ny haben'ny tany, ny sasany mitovy amin'ny tany!

Ary moa fantatrao fa milomano anaty habakabaka izy ireo; tahaka ny olombelona milomano anaty rano? **«samy milomano amin'ny toerana hiodinany avy ny tsirairay»** (Al Anbiya 21.33) (ya-sin 36.40)

Moa ve mifandona ireo kintana ireo, na ireo planeta? Tsia!
Ka tokony tsy ho gaga ianao raha mahafantatra fa ny olombelona, na dia manan-tsaina aza izy, sy manana fahitana ary fikasana dia mifandona amin'ny rahalahiny olombelona manan-tsaina sy fahitana ary fikasana ihany, anaty làlana malalaka, na eny afovoan'ny renirano. Ny zava-misy anefa, zara raha misy olona roapolo eny an-dàlana ohatra! Nefa ireo kintana, na dia maro sesehena lavitra aza dia tsy mifandona mihitsy?

Tsy porofo ve izany, maneho Ilay Mpahay, Mahefa, ary Mahita; nandrindra izany araka ny lamina tonga lafatra, ary nandamina azy tamim-pandaminana mahatalanjona! **«Moa misy fisalasalana va mikasika an'Andriamanitra, Ilay Mpahary ny lanitra sy ny tany»** (Ibrahim 14.10).

Tianao ho fantatra ve ny hadirin'ny habakabaka mahatalanjona? Eny: tianao mazava loatra, ka aoka ianao hihaino araka izay voalazan'ny fahalalana feno fandrosoana ankehitriny:

Raha mandrehitra lampy amin'ny toerana iray isika, ka matanjaka ny hazavany, dia mandeha 186 000 km isa-tsegaondra.

Misy amin'ireo kintana, tonga ety amintsika ny hazavany anatin'ny segaondra vitsivitsy.
Misy amin'ireo kintana, tonga ety amintsika ny hazavany anatin'ny volana vitsivitsy.
Misy amin'ireo kintana, tonga ety amintsika ny hazavany anatin'ny taona maromaro.
Ary misy amin'ireo kintana, tonga ety amintsika ny hazavany aman-tapitrisany taona!!

Ary voalaza, fa tena misy amin'ireo kintana no tsy tonga ety amintsika ny hazavany, noho ny halavirany diso tafahoatra mihoatra antsika.

Firy noho izany no mety hadirin'ity tontolo ity? Ary iza no nahary ireo kintana? Iza no nampisy io habakabaka midadasika io?

Ary iza no mamatsy hazavana ireo kintana? Iza no mampandeha izany hazavana izany amin'ny rindran-damina manokana? Moa ve misy andriamanitra hafa miaraka amin'i Allah (Andriamanitra)
Manaraka izany, efa noeritreretinao ve ity toe-javatra bitika ity: tena marina ny jiro solika, dia mandany fatrana solitany rehefa mirehitra. Ary ny lampy mandeha amin'ny herin'aratra, dia mandany ampahana herin'aratra rehefa mirehitra. Fa saingy inona kosa no mampirehitra ny masoandro?
Ary raha ohatra ny lampy mandeha amin'ny herin'aratra (takamoa) mandany kilowatt iray anatin'ny ora iray, nefa tsy manazava afa-tsy faritra kely ihany, dia firy no lanian'ny masoandro amin'ny angovo, nefa izy manazava ny tany, ary manazava ihany koa ny ankamaroan'ireo kintana sy ny habakabaka?

Eny: tena marina ny masoandro dia mandany fatra maro amin'ny angovo, izay tsy misy mahalala ny fatrany afa-tsy Andriamanitra Tsitoha irery ihany, ary Andriamanitra Ilay be voninahitra no

mamatsy angovo mampirehitra azy, Izy no mahalala ny tena marina ny angovo mampirehitra ny masoandro; ary ny fahalalana moa dia efa tonga amin'ny ampahany amin'izany; ary mety ho tonga amin'ny ampahany hafa ihany koa amin'ny hoavy.

## 2: Ny tany

Mihevitra ve ianao fa ny tany no lehibe indrindra amin'ireo planeta misy eto amin'ity tontolo ity? Araka ny mahazatra, dia mety mihevitra izany fiheverana izany ianao, hitanao ho kely ny masoandro sy ireo kintana ary ny volana! Nefa tsy araka izany, fa ny masoandro dia lehibe mihoatra ny tany, satria ny manodidina ny masoandro dia manatombo 325 avo heny noho ny manodidina ny tany, ary ny vesatry ny masoandro dia manatombo 332 avo heny mihoatra ny an'ny tany.

Araka ny voalazan'ny fahalalana feno fandrosoana ankehitriny.

Ary mety hihevitra koa ianao, fa ny masoandro no lehibe indrindra amin'ireo vainga! Tsia!
Ny tononkalo Emenita dia milaza mikasika ny volana fa : Lehibe noho ny masoandro izy, 500 avo heny, na dia malefaka 50 ambanin'ny hazavan'ny masoandro aza ny hazavany!

Ary efa henonao ve ny anarana hoe: “Canopus”? matanjaka lavitra noho ny masoandro izy, 2500 avo heny!

Ka inona no lanjany tany izay misy ahy sy ianao? Ary inona no lanjatsika?
Tena marina, raha atao ny fampitahana amin'ny lafiny iray monja dia mampihomehy sy mampitomany:
Koa nahoana no manambony tena ny olombelona, mankahala Ilay Mpahary azy; sy Mpahary ity tontolo mankadiry ity?
Eto dia hiverina any amin'ny tany isika:

Vainga bitika tokoa ny tany, ao anatin'ny tontolo midadasika, kanefa na izany aza dia mifanao ambaratonga maro izy; ka ahitana karazan-javatra maro, hita ao ny harena an-kibonitany, ireo renirano; ireo hazandrano, ireo vorona, ireo bozaka, ireo hazo, ireo biby, ary ny olombelona.

Ka raha hitanao, iza àry no nahary ny tany? Ary iza ihany koa no nahary izay rehetra eo aminy? Tsy iza fa Allah (Andriamanitra).

Andriamanitra tokana irery ihany: no Mpahary ny tany; sy ny zava-drehetra.

## 3: Ny zava-maniry.

Moa ve ianao mba efa nandinika ny amin'ny zava-maniry indray andro?
Hoe: ahoana no hitsiriany, ary ahoana no maha maitso azy, ahoana no hivoahan'ny voninkazo, ary ahoana no hahavokaran'ny voankazo?

Izany dia noho ny rano, ny tany, ny rivotra, ny hazavana, ny tanim-boly na saha iray.
Ahoana no hisian'ny loko samihafa, sy tsiro isan-karazany, ary hanitra samy manana ny azy??

Ary ahoana ny hazo tokana ihany, nefa ny raviny manana ny endriny, ny voniny miloko, ny voany manana ny habeny, ary ny tsirairay dia samy manana ny tsirony?

Ka iza àry no namboatra izany rehetra izany?

Avorio avokoa ireo manam-pahaizana maneran-tany, ka hanontanio izy ireo: vitanareo ve, amin'ny fiarahanareo rehetra, miaraka amin'ny famatsiana ny rehetra izay tadiavinareo, ny fanamboarana hazom-

boasary, ka hita ao avokoa ireo mampiavaka azy amin'ny an-tsipiriany, eny fa na dia tsy araka ny fomba namboaran'Andriamanitra azy aza izany, amin'ny fitsiriany sy ny fahavokarany?

Hamaly anao amin'ny valinteny tokana izy ireo:

Tsia! Tsy vitanay!

Koa nahoana àry no mitsipaka Ilay Mpaharin'ny zava-maniry ny olombelona, fahariana izay tsy vitan'ny manam-pahaizana manontolo ny manao azy? Ary firifiry amin'ny tontolon'ny zava-maniry no ahitana tranga mahatalanjona, izay voatatitry ny Bokin'Andriamanitra sy ny fahalalana feno fandrosoana ankehitriny.

Tao amin'ny fikambanana momba ny zava-maniry tany Londres, dia namoaka tatitra ny manam-pahaizana iray mikasika ny zava-maniry, "Lexi" izay nitsidika ny Nosy Madagasikara, ary nanamarina izay voalazan'ny Dokotera Solomon Osborn, manam-pahaizana momba ny Jeografia, fa any Madagasikara dia misy hazo mihinana olona.

Ka voalaza tao anatin'ny tatitra fa:

Ilay hazo dia mitovy amin'ny hazon'ny "conifère", ary ny vahatrany dia ahitana vona lehibe, ny ravina eo amin'ny dia efatra ihany, ka ny halavan'ny ravina iray dia 4m, ny sakany eo afovoany dia 80cm, ary ny tendron-draviny dia 40cm, mitsotsorika midina ambany izy miala avy eny amin'ny tendron'ny hazo, ka mirefarefa amin'ny tany, mitovy amin'ny hoditr'omby, ary ny sisin'ireo raviny dia misy nifiny.
Ahitana ireo voninkazo eny amin'ny tendron'ny hazo, mitovy amin'ny zinga lehibe, ka mivoaka tsikelikely avy eny ny fofona, izay mahatonga ny olona ho fanina, miraraka avy eny koa ny tsiranoka ka mahavery ny fisainan'ny olona!

Ary ny tompon-tany, rehefa ao anatin'ny fetin'izy ireo ara-pinoana, dia manao an-tsapaka an'izay hatolotra ho sorona ho an'io hazo io!

Ka tratran'ny an-tsapaka tamin'ny fotoana nahateo ity manam-pahaizana mikasika ny zava-maniry voalaza teo ity ny vehivavy iray; ka voatery niakatra ilay hazo, ary efa niraikitra ilay voninkazo ny molony roa, ary niakatra ireo ravina nikaraviravy tety ambany; ka nanarona azy manontolo!
Ary dia very saina noho izany ilay vehivavy; nijanona nikombona tamin'ilay vehivavy nandritra ny herinandro ireo ravina, dia niverina naka ny toerana nisy azy teo aloha ireo ravina, ka indro fa tsy nisy tavela ny vatan'ilay vehivavy afa-tsy ny lohany tapaka sy niantona.

Ka iza noho izany no nahary ny zava-maniry, ary nanao azy amin'ny karazany samihafa?
Moa ve tsy anisan'ny famantarana avy amin'Andriamanitra ny zava-maniry? Ary porofom-pisian'Andriamanitra Ilay Tsitoha: ka isaky ny zavatra tsirairay dia misy famantarana! Maneho fa Izy Andriamanitra dia Tokana.

Ao anatin'ny boky Kor'any dia misy fanondroana izany:

**« Ary eny ambonin'ny Tany, dia misy ireo ampahantoerana mifanakaiky, ireo zaridainam-boaloboka, ary ireo voamadinika, ireo hazo palma mitangorona, na mifanelanelana voatondraky ny rano iray ihany, nefa ataonay ambony ny tsiron'ny sasany amin'ny sasany hafa. Izany dia porofo ho an'ireo olona izay manan-tsaina** »( Ar-ra'd13.4)

## 4:Ny biby

Tena marina Andriamanitra Ilay avo indrindra dia nahary ny zavatra tsy misy aina, ka niala taminy ny fahatsapana sy ny hetsika, amin'ny ankapobeny. Ary nahary ihany koa Izy ny zava-maniry, ka novatsiany ny fanahim-pitomboana, ary nanaraka azy ihany koa ny fisefoana (famoahana sy fampidiran-drivotra), araka ny fahalalana feno fandrosoana ankehitriny.

Nahary ny biby Izy, ka nampidiriny tao ny fitomboana, sy ny fahatsapana, ary ny fihetsehana, ka ny biby dia manana ny toerany ambony raha mihoatra amin'ny zava-maniry, nefa ambanin'ny olombelona izy..satria tsy nomena saina; tsy mba toy ny olombelona.
Hiteny ianao hoe: avy aiza no hahafantarantsika fa tsy manana saina ny biby, nefa dia maro ny zava-mahatalanjona sy mahavariana hitantsika amin'ireo biby maro isan-karazany?

Ny valiny: tena marina ny biby efa hatramin'ny fotoana ela teo amin'ny tantara no mijanona amin'ny fombany hatrany mandraka ankehitriny, ary izany dia porofo maneho ny tsy fananany saina, fa ny fihetsika rehetra ataony dia tsy inona fa efa raikitapisaka aminy, fa ny olombelona kosa, dia tsy mitsahatra mandinika sy mivoatra, ary izay dia ampy ho porofo maneho ny fisian'ny saina mitoetra ao aminy, fa tsy toy ny an'ny biby.

Ka ny fisian'ireo karazam-biby mahatalanjona, sy ny fihetsik'izy ireo mahavariana dia porofo lehibe maneho ny fisian'Ilay Mpahary, Mpahalala, Mahefa ary be fahendrena.

Moa ve hitanao, iza amin'ny rehetra eto an-tany no afaka hamboatra moka iray na tantely iray monja? Tsia! Ary ireo manam-pahaizana dia efa miaiky izay tsy fahafahana mamboatra izany! Ka iza àry no hitanao fa nahary ireo biby aman-tapitrisany aman-tapitrisany ireo? Tena marina, dia Izy Andriamanitra, Izy irery ihany!
Ary efa maneho izany ny ao anatin'ny boky masina Kor'any:

**«Ireo izay antsoinareo ankoatra an'Andriamanitra, dia tsy afa-mahary na lalitra iray akory aza, eny fa na dia hikambana aza izy ireo, amin'izany»** (Al hadj 22.73)

Ka iza no hitanao fa afaka manome ny fanahy?

Mety hiteny ny fetsifetsy hoe: afaka manao izany aho, asiako rano eo amin'ny toerana maloto, dia manaranaka eo amin'izany ny moka! Valiantsika izy hoe:

1- Andriamanitra ihany no manao izany, fa tsy ianao, satria efa fomba nataon'Andriamanitra ny fahariana ny moka eo amin'ny toerana mando sy maloto, fa raha mahavita mahary moka marina ianao, dia amboary tsy amin'izany toerana izany izy.

2- Raha ianao no nahary azy, araka ny fihevitrao, moa ve lahy sa vavy izy? Ary inona avy ireo fizarana ao aminy, sy ireo fitaovany?

3- Ary raha mahavita mahary moka marina ianao, dia avelao vonoinay ny moka, avy eo, omeo fanahy fotsiny izy!! Fa izay mahavita mahary moka manontolo, dia tsy tokony tsy hahavita hanome fanahy manontolo ilay moka ihany koa.

Indro misy tantara kely mifono fahagagana mahafinaritra, notaterin'ny mpampianatra Ahmad Amiin hitoetra haharitra anie izy, ao amin'ny boky "ny fahafenoana ao anatin'ny finoana Islamo", avy amin'ny Dokotera Abdoul Mohsine Mohammad Saleh, mpampianatra ao amin'ny sampam-pampianarana siansa, ao amin'ny Oniversiten'i Le Caire, momba ilay vitsika fotsy; ka nilazany hoe: " ny vitsika fotsy dia biby kely, miaina amina vondrona maromaro, ambony tokoa ny fahaizan'izy ireo miara-miaina, nefa na dia eo aza izany fahamboniana izany, dia mitondra fanapotehana izy ireo, ary ny fanimbany any amin'ny faritra atsimo dia heverina ho maivana ihany, raha ampitahaina amin'izay mitranga any amin'ny faritra mafana, izay hanorenan'izy ireo fonenana maro lehibe, ka ny iray amin'izay fonenana izany dia ahitana vitsika an-tapitrisany miaina ao ambanin'ny tany; ka tsy hita mihitsy ety ivelany; ary manimba ny ao ambany ao, saingy tsy n'iza n'iza mahatsapa izany.

Ka dia manao lava-bikitsika izy ireo, na lalana ambanin'ny tany maro, miafina ihany koa anaty varavaran-kely sy varavarana, ary ny tafon-trano; dia mihinana ny hazo; sy ireo fantsona milevina anaty rindrina vita amin'ny tany.

Nandritra ny andro maromaro, dia taitra ny mponina tao amin'ny tanàna kely iray, tao amin'ny ivon- toerana "Abou Hims", tao an-

tanànan'i Al bouhaira ('Azabatou Chibli) izay nahitan'izy ireo ny tenany fa tsy teo intsony ny tanànany, tsy teo intsony ny fonenan'izy ireo, resin'ny fahavalony izy ireo, dia ireo vitsika fotsy izany, tamin'ny fitaovam-piadianan'izy ireo nahafaty, ka namela azy ireo tsy hisy fonenana.

Izao indray; dia avy ianao miaraka amiko, hitsidika tranom-bitsika iray tamin'ireo tranom-bitsika maro lehibe izay naorin'ireo vitsika fotsy, tao afovoan'i Afrika.

Hahita tranom-bitsika avo lehibe ianao anaty rivotra, mahatratra 6m ny haavony miala amin'ny tany, ary ny manodidina ny fotony dia mahatratra eo amin'ny 15m eo ho eo.

Raha ny marina izy, dia toy ireny lapa tamin'ny vanim-potoana fahampanjaka ireny, voarafitra tamin'ny fomba manokana, satria manana endrika andry boribory izy, lehibe ny fanambaniny dia mihakely ny tendrony, ka miraikitra amin'ny fotony izy, ary ny akora namboarana azy dia vita tamin'ny fotaka nampifangaroan'ny vitsika tamin'ny rorany, ka lasa mafy tokoa, izay toy ny toerana feno fitaovam-piadiana ireny.

Ka izany fonenana lehibe izany dia misarona, toy ny fasana, toerana izay hitoeran'ny maty, nefa ao anatiny dia hifamezivezen'ireo vitsika aman-tapitrisany, izany dia iray amin'ireo tranom-bitsika maro, mahita koa ianao etsy ankilany hafa lapa vita tamin'ny fomba manokana ihany koa, ka raha manontany izany amin'ny iray amin'ny tompontany ianao, dia hanambara aminao izy fa "boussole" izany.

Ary amin'ny alalan'izany tranom-bitsika izany, no hahafantaran'ny mponina ireo vazan-tany efatra (avaratra, atsimo, atsinanana, andrefana), any an-tany efitra, sy any an-tendrombohitra: satria ilay tranom-bitsika dia manana tafo roa malalaka mitodika any atsimo sy any avaratra.

Ka tsy mitombina mihitsy ny hisian'ny fitsipika hafa amin'ireo tranom-bitsika namboarin'ny vitsika fotsy ireo, noho izany dia manana

fahatokisana amin'ny hakingan'izy ireo mahavariana tanteraka ny mponina, ary tsy misy n'iza n'iza mahalala ny fahendrena ambadika fonosin'izany fitsipi-dalàna izany!

Ary raha mandeha any amin'ny toerana fahatelo ianao, dia hahita tranom-bitsika miantona, izay namboarin'ny sasany tamin'ireo karazam-bitsika, miraikitra amin'ny sampan-kazo, sy ny rantsany.

Efa tafahoatra lavitra tokoa ny hakingan'ireo karazam-bitsika hafa izay miaina amin'ny faritra be orana, manorina rakotra izy ireo, na fanakonana, avy eny ambonin'ny trano ka midina mirefarefa ambany, toy ireny manorina saron-trano amin'ny toerana manorana ireny, toy ny any Angletera, na ny hafa, ka rehefa milatsaka mafy iny ny orana, dia mikoriana amin'ilay sarona ny rano, ka latsaka alavitra, fa tsy manimba ny trano.

Misy koa any ho any; karazana vitsika, monina amina toerana maina, sady mafana be, ka mamboatra lavaka ambanin'ny tany ny vitsika, ary rehefa mahita fahamainana izy; dia mametraka ny tranony eo, ka miaraka aminy amin'izany ny fahafantarana ara-boajanahary mitoetra ao anatiny; mba hahavitany izany tranga rehetra izany, ka dia manao làlana ambanin'ny tany izy; izay mandeha metatra maromaro miala avy eny ambonin'ny tany, ary dia tonga amin'ny toeran'ny rano lalina mihitsy aza, ka amin'izay fotoana izay, dia mivoaka avy amin'izy ireo ny eton-drano, ka miparitaka manerana ny tranom-bitsika; ka mamorona rivotra mando, sahala amin'ireny fitaovana fampangatsiahana rivotra ireny.

Eto indray, dia andao ianao hiaraka aminay hitsidika ny iray amin'ireo tranom-bitsika, miorina ambonin'ny tany, ao anatiny dia hahitanao tanàna mirindra, monina ao ireo vitsika an-tapitrisany maro, ka mitondra azy ireo ao ny mpanjaka vavy iray sy mpanjaka lahy iray, ary vahoaka izay ahitana miaramila sy mpiasa, isaky ny andraikitra efa voafaritra avy, ka tsy misy manohitra, ary isaky ny trano dia samy manana ny fitsipika manokana izay tandreman'ny

tsirairay avy, efa hatramin'ny taranaka nifandimby ela, tahaka ny tsiambaratelo tsy misy mahalala afa-tsy izy.

Ankehitriny indray, dia entiko ianao ho any amin'ny efitra malalaka lehibe, izay eo afovoan'ny trano, izany dia efitra midadasika sady madio, nomanina amin'ny fiverenan'ny mpanjaka vavy avy any amin'ny fetim-panambadiany teny amin'ny rivotra!
Rehefa vita ny fiarahan'izy ireo, dia miveriny ny mpanjaka vavy ary miaraka aminy ny mpanjaka lahy mba hidiran'izy ireo ny efitry ny mpanjaka, ary tsy miala tao intsony izy ireo aorian'izany, anatina taona maro, mety hahatratra 30 na 50 taona?

Rehefa izany, dia mihintsana ny helatry ny mpanjaka lahy sy vavy, ka tonga ireo mpikarakara na ny mpiasa, ka misafosafo ny mpanjaka vavin'izy ireo.

Ary dia manodidina ny mpanjaka lahy sy vavy ny mpiambina manokana, amin'ireo miaramila matanjaka, izay tsy variana mihitsy amin'ny fiambenana.
Dia tonga ireo mpiasa manome sakafo ny mpanjaka lahy sy vavy sakafo voatokana ho an'ny mpanjaka, ary dia miseho eny amin'ny mpanjaka vavy  ny fitondrany ireo atody, ka mihitatra ny hadirin'ny kibony, eny fa dia mitombo in-jato avo heny mihoatra ny kibony ara-dalàna ny haben'ny kibony mitondra atody, ary tsy afaka mifindrafindra toerana intsony izy, tsy ela aorian'izany dia manatody izy.

Misy moa karazany izay manatody manodidina ny 36 000 atody ao anatin'ny iray andro, na 13 tapitrisa atody, ao anatin'ny taona iray.
Ny renim-bitsika tena mavitrika tokoa amin'ny fanatodizana dia ilay karazany atao hoe:" Makirotirmis", satria isa-tsegaondra dia efa manatody iray izy, ary mitohy izany fanatodizany izany, tsy misy fiatoana mandritra ny 30 taona, ka dia manatody any ho any amin'ny 946 tapitrisa any izy!!

Ary mijoro aorian'ilay mpanjaka lahy kosa ireo ampahana vitsika mpiasa, tsy mampitony ny fihetsik'izy ireo, ka rehefa manatody ilay renim-bitsika dia mibata izany izy ireo ho any amin'ny efitrano manokana, mitovy amin'ireny efitrano fandraisana marary ireny, mandrapahafoin'ny atody.

Ary rehefa avy namela ny efitry ny mpanjaka ianao tamin'ny varavarana iray tamin'ireo varavarana maro tao aminy, dia hahita indray eo alohanao ireo toy ny làlana maro sy làlan-kely izay mampifandray ireo efitra aman'arivony.

Dia ahitana efitrano mihidy, fonjan'ny tranom-bitsika izay hitondrana ireo azo babo tamin'ireo biby hafa mbola velona, avy eo atsipin'izy ireo ao anatin'izany fonja izany, eo ambany fiarovana henjana tokoa.

Aorian'izany, dia manafika ny voafonja ireo vitsika fotsy mba hihinana azy tahaka ny ataon'ireo karazam-biby hafa mirangorango.

Ary mety hita amin'ireo tranom-bitsika hafa koa, ny toeram-pitehirizana sakafo izay ilain'ireo vitsika amin'ny fotoana hafa, raha mitodika eny ambonin'ny tranom-bitsika ianao dia hahita efitrano lehibe, izay mampifandray ireo efitrano maro, ary mety harafitra indray ny tendron'ny tranom-bitsika lehibe mba hidiran'ny rivotra ao anatiny.

Raha mandavaka maro eo amin'ilay tranom-bitsika ianao, dia hahita zavatra maro mafy mivahavaha, izay mety mitranga eo alohanao, izy ireny dia mpiambina ny tranom-bitsika, miaritory manao ny fiambenana mandritra ny alina, sy ny andro; ka izy ireny no mijoro eo amin'ireo lavadavaka, toy ny mihomana amin'izay mety ho fanafihana.

Avy eo dia tonga ireo vitsika mpikarakara ka omen'ireo mpiambina toerana malalaka izy ireo mba hivezivezeny amin'ny fanaovany ny asany amin'ny fanamboarana ireo lavadavaka, mba hiverenan'izany toy ny teo aloha.

Ireo mpiambina dia manana andraikitra hafa iraisana ihany koa, miaraka amin'ireo mpikarakara rehefa mandao ny tranony izy ireo mitady sakafo, ka hitanao izy ireo manodidina ireo mpikarakara manerana ny lafiny efatra, mba hanohitra ny zava-dratsy mety hahazo azy ireo avy any amin'ireo fahavalo.

Ary rehefa miverina any amin'ny tranony ireo mpikarakara dia mijoro eo am-baravarana ireo mpiambina manokana, manakana ireo biby kely hafa tsy hiditra, izay mety misisika any anelanelan'ireo vitsika.

Moa hitanao, iza no nahary ny vitsika? Ary iza no nampisy tao anatin'izy ireo izany fihetsika mahatalanjona izany? Iza? Ary iza? Moa tsy Izy Andriamanitra Ilay be voninahitra? Andriamanitra irery ihany.

**"Tsy misy biby eny ambonin'ny tany ka tsy any amin'Andriamanitra ny anjaram-pivelomany, ary fantany ny toerany sy ny fitobiany"** (Houd 11.6).

## 5- Ny olombelona

Mihevitra ve ianao fa vainga bitika? Ary ao aminao no iforetan'ny tontolo lehibe? Ny olombelona…inona moa ny olombelona? Moa ve hitanao..fa ianao dia mikasika ny tenanao hatramin'ny voalohany nahatsapanao ka mandraka ankehitriny, ary aorian'izao andro izao, ka mandritra ny androm-piainanao, moa ve fantatrao izay ao anatin'ny tenanao?

Tsia!! Tena marina ianao tsy mahalala izay ao an-dohanao, sy ny sofinao, ary ny masonao sy ny lelanao..ny ao am-ponao sy ny havokavokao..sns!

Tena marina tsy mahafantatra ianao..ary tsy mahafantatra ihany koa ny mpitsabo faran'ny manam-pahaizana indrindra eto ambonin'ny tany!

Moa ve ianao mila porofon'izany?

Tsy maintsy efa henonao, fa ny mpitsabo eropeana, ny tena andraikitr'izy ireo dia ny fandraisana fahalalana voafaritra iray, inona moa no tiana hambara amin'izany? Ny heviny dia ny fandraisan'ny mpitsabo taova iray amin'ny vatana amin'ireo taova marobe: ny maso..ny sofina..ny tenda..ny fo..ny havokavoka..sy ny hafa.

Fa ny ambiny amin'ny fizaran'ny vatana, dia tsy ananany fahalalana.

Ny dikan'izany: ny mpitsabo, nandalina fahalalana nandritra ny 20 taona, ohatra; avy eo nivoaka ny sekoly, nefa tsy mahafantatra afa-tsy ny aretin-tsofina izy, na maso, sy ny fitsaboana azy.

Ary moa ve mahafantatra ny fitsaboana rehetra ny aretin'ny maso izy? Tsia! Ka ahoana ireo jamba, izay niharan'ny fahajambana, sy nandalovan'ny aretina samihafa?

Manaraka izany, mampiasa fitaovana isan-karazany koa izy, ireo fanafody mba hitsaboana.

Moa ve tsy marina izay rehetra notanisantsika izay?

Noho izany, miteny isika: ahoana no hahazoan'ny olombelona miteny fa tsy misy Ilay Mpamboatra ny olombelona?
Tena marina, ny olona, taorian'ny fahalalana, ny fianarana, ny sekoly, ny fampianarana, dia mahafantatra ampahan-javatra momba ny maso, na ny sofina ohatra, ka moa ve azony atao ny miteny: fa ny mpamboatra ny maso sy ny sofina ary ireo taova maro sisa amin'ny olombelona dia ny kisendrasendra?
Tsia! Tena marina izany dia fomba fisainan'ny bado!

Fa ny fomba fisainan'ny marani-tsaina kosa: "Mihevitra ve ianao fa vainga bitika? Ary ao aminao no iforetan'ny tontolo lehibe?"

Aoka ianao hihaino:
Miteny ny Dokotera Johson Eric: "ny atidohan'ny olombelona, izay milanja mahatratra 1400g, dia manana rafitra mahavariana, lavitry ny vinavina sy ny nofinofy, ka raha atambatsika izay rehetra eto an-tany, ny fitaovam-pifandraisana, ny finday, ny radara, ny fahitalavita, ka afaka manova azy rehetra isika ho singa bitika mitovy lanja amin'ny atidoha, izany dia tsy hahatratra akory na dia ampahany kely amin'ny laharan'ny atidoha ny fiasany".

Ka olona iza àry no milaza fa tsisy mpamorina sy mpamboatra ny télégraphe, telefaona,sy ny radara ary ny vata fahitalavitra? Tsy misy saina tsotra izao izay miteny izany.

Ka moa ve ny atidoha izay ambony fiasa amin'ny rehetra dia nohariana tsisy mpamorina?
**"Nohariana avy amin'ny tsy misy va izy ireo, sa izy ireo no mpahary?"** (Atoor 52.35)

Ankoatra izay..

Hitanao tokoa ny rà, moa ve fantatrao, inona izy io? Mamaly araka ny mahazatra ianao: izy io dia ranoka miloko mena.

Milaza ny fahalalana feno fandrosoana ankehitriny: ny rà dia fitambaran'ny sela mena miisa 25 ka hatramin'ny 30 tapitrisa, sy sela fotsy miisa 50 tapitrisa any ho any. Ary ny sela tsirairay dia misy fahatsapana sy mihetsika..kisendrasendra ve izany, sa iza no nahary, Mpahalala sy Mahefa?

**Ny maso…**

Mahita azy ianao, ary mahita ny olona tsirairay, ka moa ve efa mba nieritreritra ny aminy ianao, sy izay rehetra ao aminy?

Ny siansa dia manambara: fa ny maso, dia mitondra 130 tapitrisa amin'ireo mpandray hazavana, izay mitoetra amin'ny sisin'ny hoza-madiniky ny maso, ka iza àry no hitanao fa namboatra izany mpandray hazavana izany?

Tsy iza, fa Izy Andriamanitra..eny, Andriamanitra irery ihany.

Moa hitanao ny "Camera", fitaovana fakan-tsary?

Raha miteny aminao ny mpiteny hoe: tena marina ny "camera" dia izy tenany ihany no namboatra azy taloha, mahatoky izany ve ianao? Tsia! Ary tsy misy mahatoky izany teny izany ny manan-tsaina.

Ka ahoana no hahatokisan'ny olombelona, fa ny maso nohariana tao anatin'ny kisendrasendra tsy nisy mpahary, nefa etsy andaniny, lazaina hatrany fa ny "camera" dia namboarin'ny olona nanana fahaizana tamin'izany?

**Ny sofina..**

Miteny ny manam-pahaizana "Corthy": "fa ny ampongan-tsofina izay ao anatin'ny sofina, dia mitondra karazam-pantsona madinika manana endrika mihorongorona sy antsasam-paribolana; ary ny singam-pantsona iray monja dia ahitana antsasam-paribolana madinika miisa 4000; mifandray amin'ny hozamadiniky ny fihainoana; ao anatin'ny maso"

Fanampin'izany, ao anatin'ny sofina, dia ahitana selam-pihainoana100 000 !!
Ka moa ve izy ihany no nahary ny tenany taloha..sa namboatra azy ny voary izay sady tsy manam-pahalalana no tsy manam-pahefana?

Ny fitaovana mpandray feo, tsy azo eken'ny fisainana, fa izy dia voavoatra nefa tsisy mpamboatra sy mpanao, nefa izy no tsotra indrindra raha mihoatra amin'ny sofina, eny, tena tsotra, ka ny zavatra tena tsotra ve mitady mpahay sy mahefa, fa ireo feno fahasarotana sy fitaovana hafa tsy mitady?

**Ny endriky ny olombelona..**

Efa mba nieritreritra ny endriky ny olombelona ve ianao indray andro? Ary firifiry anefa ny olombelona eto ambonin'ny tany?

Ary firy amin'izy ireo no mitovy amin'ny endriky ny hafa ny endriny?

Ary ahoana no nanamboarana io endrika io, izay tsy hoe zavatra tsotra, ary samihafa amin'ny endrika iray ny endrika hafa? Nefa fantatra fa ny endriky ny rehetra, raha tsy ny vitsy indrindra, dia ahitana maso roa, sy orona iray, lela sy molotra roa, saoka, takolaka roa.

**Ny amin'ireo tsipitsipika madinika amin'ny rantsan-tanana indray:**

Mahagaga sy mahatalanjona tokoa izy ireo!

Tena tsipika madinika tokoa izy ireo, hita isaky ny rantsana, ka moa ve amin'ireo rantsana aman-tapitrisany maro, misy mitovy ve ireo tsipika madinika ireo?

Tsia! Ka niainga avy amin'izany fahasamihafana izany no niforonan'ny fampiasana ny dian-tondro amin'ny raharaham-panjakana.

Ka iza àry no namboatra ny sofina, ny maso, ary ny orona, ny lela, ny endrika, ny tànana roa, ireo rantsan-tànana sy ireo tsipitsipika madinika eo aminy?

Ary iza no namboatra ireo taova rehetra sy sela amin'ny vatan'olombelona iray? Tsy iza fa Andriamanitra.

**" Na dia hiova ho penina fanoratana aza ny hazo rehetra eto an-tany, ary ho ranomainty ny ranomasina rehetra, ka hampiana ranomasina fito hafa indray, dia tsy ho lany akory ny Tenin'Andriamanitra »** (Loqman 31.27).

## Ireo Mpaminany sy ireo Iraka

Nahoana no ireo mpaminany?

Eto dia misy fanontaniana tsy maintsy apetraka; dia ny hoe: nahoana no ireo mpaminany?
Miteny isika amin'ny valiny hoe: nahoana ny fitondram-pahefana?

Hiteny ianao: tena marina izy ireo dia natao handamina ny fiaraha-monina, ary hampitoetra ny fahamarinana.

Miteny isika: ireo mpaminany dia nalefa noho izany tanjona izany indrindra, ary ny ambonin'izany.
Hiteny ianao: ary inona no ambonin'izany?

Miteny aho: tena marina izy ireo, no maka fanapahan-kevitra ny amin'ny sori-dalan'ny fanahy, fa tsy any anaty bokim-boambolam-panjakana akory izany.

Eto dia misy fanontaniana telo:

1- Moa nandamina fiaraha-monina ve ireo mpaminany, ary inona no fandaminana nentiny?
2- Ary raha ny fanjakana no mitondra fandaminana; dia inona no ilàna ny mpaminany?
3- Ary ahoana no handraisan'ny mpaminany hevitra ny amin'ny sori-dàlan'ny fanahy?

Eny: izany fanontaniana izany dia mitaky antsika hitsangana hieritreritra tsara manoloana azy, ary indrindra amin'izao vanim-potoana izao, izay efa nampihen-danja, sy nampitsilopilopy ny fahalalana mikasika ny faminaniana, ary nampihena ihany koa ny drafim-pampianaran'ireo mpaminany anatin'ny fiaraha-monina, niha nanalavitra ny olombelona koa ny vonam-pifandraisana tamin'ireo mpaminany; na dia milaza aza izy ireo fa mpanara-dia azy ireo.

## Ny fanontaniana voalohany:

Moa nandamina fiaraha-monina ve ireo mpaminany?

ary inona no fandaminana nentiny?

Eny: ireo mpaminany dia nitondra fanapahan-kevitra tamina zavatra telo:

1- Ny sori-dàlan'ny tsirairay manoloana ny tenany.

2-Ny sori-dàlan'ny tsirairay manoloana ny fiaraha-monina.

3- Ny sori-dàlan'ny tsirairay manoloana ny Tompony.

1- Ny fandiovana ny fo amin'ny fitsiriritana, ny fialonana, ny hakanosana, ny fahihirana, ny tsy fahalalana, ary ny fandiovana ny toetra amin'ireo aretina isan-karazany, amin'ny alalan'ny fiarovana

etsy ankilany, ary amin'ny alalan'ny fitsaboana etsy andaniny, ny fandiovana ny vatana amin'ny fahalotoana maro, araka izay voalaza anatin'ny boky amin'ny antsipirihany, izany rehetra izany dia sori-dàlan'ny tsirairay manoloana ny tenany.

2- Ary ny fandaminana ny amin'ny fomba fivarotana sy fividianana, ny fampanofana, ny fametrahan-javatra, ny fanomezana, ny fampihavanana, ireo zavatra novolena, ireo vokatra voatondraky ny orana, ny ady, ny fandriam-pahalemana, ny fanambadiana, ny fisaraham-panambadiana, ny fitsarana, ny fijoroana vavolombelona, ny famaizana, ny honitra, izany rehetra izany dia sori-dàlan'ny tsirairay manoloana ny fiaraha-monina.

3- Ny vavaka fanompoana (salat), ny fifehezana (syam); ny fiderana sy ny fankalazana, ny fivahinianana masina (hajj) sy ny fanokanan-tena hivavaka, izany rehetra izany dia sori-dàlan'ny tsirairay manoloana ny Tompony.

Noho izany, afaka miteny: eny, nandamina fiaraha-monina ireo mpaminany.

Ka izany moa no loha-hevitra lehibe ny amin'ny fandaminana nentin'ireo mpaminany.

## Ny fanontaniana faharoa

Ary raha ny fanjakana no mitondra fandaminana; dia inona no ilàna ny mpaminany?

Izany fanontaniana izany dia misy hitovizany akaiky amin'ny fanontaniana hoe: raha toa ka mpiasa tsy manam-pahalalana dia efa

afaka mandrafitra vato hifampitaingitaingina, dia inona intsony no ilàna ny injeniera sy ny mpanao trano?

Tena marina ireo vondrona roa ireo dia samy afaka mampisy endrika trano, saingy aiza ho aiza ny endriky ny trano izay naorin'ny Injeniera, manoloana ny trano naorin'ny mpiasa tsotra tsy mahalala afa-tsy mametraka biriky ambony rihatra fotsiny?

Hiteny ianao hoe: ahoana izany?

Miteny izahay: tena marina ny rindran-damina nentin'ireo mpaminany dia lavitry ny tsy rariny sy ny tsindrihazolena rehetra, ny fahotana sy ny faharatsiana, fivilian-dalana sy ny fihoaram-pefy, ary tsy ferana misy ny fihoaram-pefy ataon'izay mihoa-pefy amina trangan-javatra faran'izay vitsy, saingy tsy midika ho fahalemen'ny lamina akory, izay mifanohitra tanteraka amin'ny fandaminana apetraky ny fanjakana, satria izany dia feno tsindrihazolena sy tsy rariny.

1/ Ny ady izay nataon'ilay Mpaminan'ny finoana Islamo, (ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahian'Andriamanitra) izay mihoatra ny 80, izy rehetra dia fiarovantena avokoa, nefa na izany aza dia tsy nisy afa-tsy 1400 no maty tamin'ny vondron'ny mpino silamo sy ireo mpanompo sampy, nefa ny Mpaminany (ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahian'Andriamanitra) dia tsy nandrafitra afa-tsy:

a- Vahoaka

b- Firenena

d- Foto-pinoana

e- Fitsipi-dalàna

Ka ireo tranga efatra ireo dia mitohy hatramin'izao fotoana izao.

Nefa ianao mahita, fa ny fanjakana, izay tsy manao afa-tsy ny fanorenam-panjakana.. firy anefa ny olona namoy ny ainy? Ary eto, dia tsy maintsy hiteny ianao:

Ka inona àry ny tombontsoa nentin'ireo firenena naorin'ireo mpaminany? Nefa iaraha-malala, fa ny firenenan'ireo mpaminany, raha atao hoe naharitra, dia tsy nisy intsony na kely na maro, efa rava sy potika, eny fa na ireo mpitondra firenena mandala ny finoana, sy lalàm-pinoana ary drafi-pitondran'ireo mpaminany aza, ampy ho an'izany ny porofo anankiroa:

Ny voalohany: ny firenena nentin'ny kristianina, ny fahapotehana izay nataon'ny mpitondra fiangonana, dia maro lavitra tsy voatanisa.

Ny faharoa: ny firenena islamika, tena marina ireo faharatsiana nataon'ireo mpitondra nandritra ny fitondrana Oumawiya dia efa ampy ho porofo amin'ny filazantsika.

Noho izany, inona no tombontsoa tamin'ny rindran-damina nentin'ireo mpaminany, araka ny voalazan'ny tantara tamintsika fa tsy nisy fanaovana tsindrihazolena ireo vahoaka?

Ny valin'izany: tsotra dia tsotra tokoa!

Inona àry izany?

Ny fitondram-panjakana izay nitsangana tamin'ny anaran'i Mesia, ary ny fitondram-panjakana niorina tamin'ny anaran'ny finoana Islamo; na dia tsy nampihatra ny fitsipi-dalàn'i Mesia, sy ny fitsipi-dalàna araka ny finoana Islamo ara-bakiteny aza, dia tsara lavitra mihoatra ny fitondram-panjakana tsy nitsangana tamin'ny anaram-pinoana, eny fa na dia hita ao aza ny zavatra mivoana sy ny fivilian-dalana, satria ny fivilian-dalan'ny fitondrana eo ambanin'ny finoana dia bitika lavitra, manoloana ny fivilian-dalan'ny fitondrana izay tsy niorina tamin'ny anaran'ny finoana.

Ka hanome ohatra roa ihany ny amin'izany isika:

Ny voalohany: ny fitondrana nentin'i De Gaulle, ilay frantsay, niaina teo ambany halokaloky ny demokrasia, sy teo ambany haloky ny tolom-piavotana frantsay, ary ny haloky ny raiben'ny lalàna sy fahamarinana, teo amin'ny fivoarana vaovao, ka moa ve ny faharatsiana nentin'izany fitondrana izany maro mihoatra ny faharatsiana nentin'ny fitondrana kristianina, izay teo aloha, hatramin'ny fitsaram-panadihadiana azy?

Tena marina, ny fitondrana nentin'i De Gaulle dia nahafaty olona hatramin'ny roa hetsy, tao anaty ampahan-tany kely monja, antsoina hoe: Alzeria, ary nitondra loza mahatsiravina ihany koa, saika nampihorohoro ny lanitra sy nampitresaka ny tany ary nampikoro ny tendrombohitra! Izany rehetra izany dia tao anatin'ny taona vitsy monja.

Ka moa ve ny fitondram-pinoana kristianina dia nanao toy izany fihetsika izany?

Ary izany no hahafantarana, fa ny fitondrana eo ambany haloky ny finoana dia tsara lavitra mihoatra ny fitondrana tsy eo ambany haloky ny finoana.

Noho izany, miharihary ny fahasamihafana mivandravandra eo amin'ny rindran-damina nentin'ireo mpaminany, sy ny fitsipi-dalàm-pitondram-panjakana, na dia misy aza ny fivilian-dalana eo amin'ny fitondram-pinoana, fivilian-dalana lehibe miala amin'ny drafi-piainana nentin'ny mpaminany voairaka.

Ary moa ve misy misalasala ny amin'ny fahasamihafana mazava, eo amin'ny trano naorina teo ambany fiahian'ny taotranon'ny Injeniera mahefa, na dia ao aza ireo mpiasa mivoana sy nanohitra ny drafitra, manoloana ny trano naorina teo ambany fiahian'ny taotranon'ny tantsaha tsy mahay, na dia nanaraka ny baikony aza ireo mpiasa?

Tena marina, fa ny fahasamihafana eo amin'ireo trano roa ireo, dia sahala amin'ny alaviran'ny tany amin'ny habakabaky ny lanitra, ka izany no mampiavaka ireo endri-pitondrana roa ireo.

Ny faharoa: ny fitondran'i  Staline, niaina teo ambany halokaloky ny kaominisma, izay endri-pitantanana tsara indrindra araka ny fiheveran'ireo mpandala ny foto-kevitra Kaominisma, izay namono; sy nandripaka, ary nanao vonomoka tantsaha 22 tapitrisa, tamin'ny fampiharana ny lalàn'ny fambolena iraisan'ny daholobe.

Ilay fitondran'ny mpiasa sy ny tantsaha, araka ny fiheveran'izy ireo.

Moa ve ny fitondrana Oumawiya; nifandray tamin'ny finoana Islamo nanao izany fihetsika izany koa?

Tena marina, ny fitondrana Oumawiya, na dia isan'ny fitondrana nanao faharatsiana indrindra aza, izay somary nohamaivanina, namonoana an'ny Imamo Houssein (ho eo aminy anie ny fitahian'Andriamanitra), sy ireo mpitarika sasany, nandravana ny Ka'aba, ary namelana an'i Madina tsy hisy fady.

Saingy, moa ve ny fitondran'olon-tokana tamin'izany namono sy nandripaka olona 22 tapitrisa?

Raha nahazo vahana tsara ny fitondran'i Staline, dia angamba nanao halozana goavana mihoatra azy ireo.

Raha fintinina: tena marina, ny rindran-damin'ireo mpaminany, na inona na inona fanovana nataon'ireo mpitondra, dia tsy hitovy velively amin'ireo fitsipi-dalàna ankoatrany, ary ampy ny fandrefesana ara-tantara, araka ny fahalalana ny amin'izany.

2/ Ny fahantrana, izay niafina tao anatin'ny fisiana, nandritra ny fotoana maron'ny fitondrana islamika, ary izany indrindra no nahitantsika ny Imam mpitarika ny mpino (ho eo aminy anie ny fitahian'Andriamanitra): miteny hoe: "ary angamba.." henoy, ary diniho ity  teny ity: "ary angamba eto Hijaz na Al Yamama, no misy ny tsy manana fitsiriritam-bola, sy tsy manana fotoanan'ny hanoanana" (Nahjoul balagha: Boky 45 And.13).

Fa ny eo ambany fitondrana tsy mandala finoana kosa, dia hitanao ny fahantrana sy ny mahantra (mitovy isa amin'ny fasika sy ny vatokely ary ny vovoka).

3/ Ny fanoherana na fihoaram-pefy, tamin'ny fotoanan'ny fitondrana mandala ny finoana Islamo, dia tsy mba nisy mpangalatra, eny fa na hatramin'ny valopy tonga nandritra ny herintaona aza, dia tsy voasokatra raha tsy amin'ny alalan'ny tànana enina, tamin'ny faritra lehibe notantanan'ireo mpitondra tamin'izany.

Fa ny eo ambany fitondrana tsy mandala finoana kosa, firifiry ny mpangalatra hitanao manerana ny tanàna, sy isan'andro?

4/ Ny fahafahana, nahazo vahana tokoa ny fahafahana teo ambany fitondrana mandala ny finoana, na kely na maro, izay tsy hitanao ny mitovy amin'izany teo ambany fitondrana tsy mandala ny finoana.

Ary ampy ho porofo anao, Ibn Batouta, mpitety tany malaza, efa saika nahatety ny antsasaky ny tany izy; teo ho eo amin'ny 25 taona teo: ampahefana taon-jato; ary tsy nosakanana mihitsy izy tamin'izany, ary tsy notakiana taminy ny taratasy fanamarinana, na ny mitovy amin'izany.

Ka moa ireo ohatra ireo, sy ohatra aman'arivony maro, tsy ampy ho fanamarinana ny filazana fa: ny rindran-damin'ireo mpaminany, na dia ovain'ny olona aza izany, dia tsara lavitra mihoatra ny fitsipi-dalàna entin'ny olontsotra, ary mbola hitsahin'ireo mpitondra ihany izany?

Ka ahoana àry, efa nandalovan'ny fanovana avokoa ireo rindran-damina roa ireo?

Ny rindran-damina napetraky ny olombelona dia niharan'ny fanovana bebe kokoa, raha mihoatra ny fanovana nihatra tamin'ny rindran-damina nentin'ireo mpaminany..araka ny fanadihadiana voalaza natao tamin'ireo fitsipi-dalàna roa ireo.

Ny rindran-damin'ireo mpaminany, dia toy ny trano miorina, ka mitaky ezaka sy fotoana lava ny fandravana azy, fa ny rindran-damina nataon'ny olombelona kosa, dia tahaka ny trano efa hianjera, ka ampy handrodanana azy ny kapoka mora foana!

## Ny fanontaniana fahatelo

Ary ahoana no handraisan'ny mpaminany hevitra ny amin'ny sori-dàlan'ny fanahy?

Tena marina, mazava loatra izany, tsy mitaky porofo intsony, ho an'izay manana fahalalana kely ny amin'ny sori-dàlana nentin'ireo mpaminany, ary izany no mampiavaka tanteraka sy fahasamihafana lehibe, eo amin'ny fitsipi-dalàna nentin'ireo mpaminany, sy ny fitsipi-dalàm-pirenena:

Satria ny firenena, dia mandrindra ny fitsipi-piaraha-monina, mba hiaro ny olona tsy hanao tsy rariny sy hihoa-pefy, fa iza kosa no hiaro ny mpitondra fanjakana tsy hanao tsindrihazolena, nefa eo am-pelatanany ny lalàna, ka lalaovina amin'izay hitiavany azy?

Ary iza ihany koa, no hiaro ny olona amin'ny asa saina sy ny tebiteby; indrindra amin'izao fotoam-piainana efa ratsy izao?

Ary iza no hitondra vatsim-panahy ho an'ny fanahy, ary iza no hitantana azy eny an-dalana ao anatin'ny haizin'ny nofinofy sy ny vinavina?

Ary iza ..ary iza.

Ka moa ve ianao efa naheno sy nahita fitondrana, na fitsipi-dalàna, tsy mandala finoana, efa niresaka izany?

Ary raha niresaka aza, dia anjorom-bala ihany izany, fa tsy tena vaindohan-draharaha!

Ho eo amin'ny finoana àry isika:

Miteny izy hoe: ry mpitondra, tena marina ianao dia manana Tompo amboninao, mahalala izay ataonao, miandry hatrany izay mpanao ny tsy rariny Izy, aza ataonao mamitaka anao izay hitanao manodidina anao, ireo fitaovam-piadiana maro samihafa, ny hery sy ny tanjaka, satria izany eo anatrehan'ny Tomponao dia bitika mihoatra ny atôma,"handripaka ireo mpanjaka Izy, ary hampadimby ireo hafa indray" (Al iqbal p.59, Doua Al iftitah)

Miteny izy hoe : Ry olombelona, tena marina fa manana Tompo ianao izay miaro anao amin'ny zavatra rehetra, koa aza kivy, fa miantehera Aminy, ary mangataha famonjena Aminy. **Fa izay mino an'Andriamanitra, dia hitari-dàlana ny fony Izy** (At-taghaboun, 11) **Moa tsy amin'ny fiantsoana an'Andriamanitra va, no mampitony ny fo?** (Ar-ra'd, 28)

Miteny izy hoe: ry fanahy, aza mivadibadika havia sy havanana ianao, ao anatin'ny haizin'ny nofinofy, sy ny lainga ara-pilozofia: izany no fiandohanao..ary izany no miandry anao..izany no fanombohanao ary izany no fiafaranao.

Ary hiteny izy hoe: vokiso fanompoana sy fankatoavana ny fanahinao, ary ampifandraiso amin'Ilay Mpahary lehibe ny fanahinao, ka hangataho ny fangorahany sy ny fanampiany, mitondrà tena araka ny fitondrantenany, raiso ny fahalalam-pomba araka ny fahalalam-pombany, fa ho be voninahitra sy ho ambony ianao, ary ho feno fahasambarana sy hafaliana.

Ka aorian'izay resaka lava izay, miteny isika hoe: moa ve fantatrao ny valin'ny fanontanianao izay nilazanao hoe: nahoana no ireo mpaminany?

Ka ny valiny: izy ireo dia nalefa ho an'ny vatana sy ny fanahy.

Fa ny fanjakana dia ho an'ny vatana ihany.

Manarak'izany:

Tena marina, ny rindran-damina napetraky ny olombelona ho an'ny vatana dia tsy ampy ihany koa, araka ny hitanao. Fa ny rindran-damina izay nentin'ireo mpaminany ho an'ny vatana kosa dia feno tanteraka araka ny henonao.

Ho fanampin'izany: ireo mpaminany dia mampilaza am-pifaliana ny amin'ny paradisa fa ny sakany dia toy ny lanitra sy ny tany.

## Tokana ny antso

Sadiq: ireo mpaminany dia niantso ho amin'ny zavatra tokana ihany, fa tsy nisy fifanipahan-kevitra niharihary teo amin'izy ireo, izy rehetra dia mpirahalahy, avy amin'ireo reny sy ray samihafa, ho any amin'Andriamanitra Ilay avo indrindra ny antson'izy ireo, ary tsy nifanaraka raha tsy tamin'ny sampan-javatra madinika, fa tsy tamin'ny foto-pinoana akory.

Baqir: ary ahoana? Isika anefa mahita tsara ny fahasamihafana miharihary amin'ny antson'ireo mpaminany!

Sadiq: ireo mpaminany dia miantso ho amin'ny:

1- Foto-pinoana

2- Ny fitondrantena

3- Ny fitsipi-dalàna

Ary mijery isika, moa ve misy ny fahasamihafana amin'ireo trangan-javatra ireo?

Ny amin'ny foto-pinoana moa dia misy telo:

a) Ny finoana an'Andriamanitra, ny mahatokana Azy, ny fahamarinany, ny mahatompon'ny toetra tsara rehetra Azy, tsy misy Aminy ny faharatsiana rehetra.

b) Finoana ireo mpaminany sy ireo mpandimby azy. Efa naniraka ireo mpaminany Andriamanitra, ary nanome azy ireo mpandimby mba hitantana ny olona amin'ny fahitsiana sy hanavotra azy ireo.

d) Finoana ny fitsanganana amin'ny maty, ka ny mpanao tsara dia hovaliana fahatsarana, ary ny mpanao ratsy kosa, hahazo faharatsiana araka ny asany.

Ka tsy misy fahasamihafan-kevitra eo amin'ireo mpaminany ny amin'ireo foto-pinoana ireo.

Mpaminany iza no niteny fa tsy misy Andriamanitra, na manao tsy rariny Izy, na manana toetra ratsy Izy?

Na mpaminany iza no niteny fa tsy misy mpaminany hafa afa-tsy izaho, na tsy nametraka mpandimby?

Na mpaminany iza no nanda ny fitsanganana amin'ny maty, sy nilaza fa ny fiainana an-tany ihany, fa tsy misy paradisa sy afobe izany?

Baqir: isika dia mahita tokoa ny fahasamihafana lehibe eo amin'ireo boky avy any an-danitra, amin'ny famaritana an'Andriamanitra, ary mahita ihany koa isika tsy fitoviana lehibe eo amin'ireo mpaminany, misy amin'izy ireo no manda mpaminany tokana na maro; ary mahita fahasamihafana koa isika amin'ny fitsanganana amin'ny maty? Ka ahoana ny amin'izany?

Sadiq: tena marina isika tsy milaza ny tsy fisian'ny fahasamihafana amin'ireo boky voalaza fa avy any an-danitra, tahaka ny tsy hilazantsika ihany koa fa izay miantso faminaniana dia marina avokoa.

Fa milaza kosa isika: ny finoana tena marina iray, izay nentin'ireo mpaminany feno fahamarinana, dia izay mitory an'Andriamanitra, sy ny faminaniana, ary ny fitsanganana amin'ny maty, ka porofo mazava miharihary izany.

Fa ny amin'ireo boky voalaza fa mifandray amin'ny faminaniana kosa nefa lainga, dia mamaritra an'Andriamanitra amina toetra tsy mendrika Azy! Ary ny amin'ireo olona mpandainga milaza ho mpaminany dia fanaovana tsy rariny sy fihantsiana fifampifahavalozana lehibe izany! Ka tsy asiantsika resaka moa ny amin'izany, satria ny resaka dia ny amin'ny fahamarinana, fa tsy ny amin'ny fahadisoana..

Ao anatin'ny boky avy an-danitra, fa tsy eny am-pandehanana noforonina ilazana mpaminany marina, ary tsy mpandainga ihany koa.

Ny fehinteny:

Marina tokoa fa ireo mpaminany dia niantso ho any amin'ny fanompoana an'Andriamanitra, Ilay Mahay sy Mahefa, Ilay Hendry sy Marina, nifampatoky ny andaniny sy ankilany, ny teo aloha manambara ny fihavian'ny ato afara, ary ny ato afara manamafy ny teo aloha.

Ary ny teo afovoany, manamafy ny teo aloha, sy manambara ny fihavian'ny ato afara, samy nanambara ny amin'ny fitsanganana amin'ny maty izy ireo, ny antsipirihan'ny endri-pisehoan'izany, ary ny ambangovangon'ny mampiavaka izany.

Baqir: efa fantatsika ny fomba nifanarahan'ireo mpaminany ny amin'ny foto-pinoana. Fa ahoana kosa ny fomba nifanarahan'izy ireo ny amin'ny fitondrantena?

Sadiq: mazava loatra ny amin'izany, satria ny fitondrantena dia mizara ho:

Fahamendrehana: toy ny fahamarinana, fanajam-pitokisana, ny fahamenarana, ny fanatanterahana ny teny, ny fahamboniana, ny hafanam-po, ny fahasarotam-piaro ara-drariny, ny fahalalahan-tànana, ny fahitsiana, ny filazana ny marina, ny fampihavanana ary ny ankoatra izany.

Famelana ny faharatsiana: toy ny fialonana, ny fahihirana, ny fahakanosana, ny famotehana, ny fifaliana amin'ny fahavoazan'ny hafa, ny famadihana, ny famitahana, ny fanoherana, ny tsy rariny, ary ny hafa ankoatra izany.

Ka ny tenin'ny mpaminany tsirairay dia miantso ho any amin'ny fahamendrehana, ary fialana tanteraka amin'ny faharatsiana.

Ka nahatonga ny Mpaminan'ny finoana Islamo (ho eo aminy sy ny fianakaviana anie ny fitahian'Andriamanitra) nilaza hoe: “Nalefa marina tokoa aho, mba hameno fatra ireo fitondrantena mendrika” (Makarimoul Akhlâq p.8 – Bihâroul anhâr v.16 p.210)

Baqir: tavela aminao sisa ny fanazavana ny amin'ny fomba niraisan'ireo mpaminany ny amin'ny fitsipi-dalàna?

Sadiq: toe-javatra mazava koa ny amin'izany. Satria izy ireo dia niantso ho amin'ny: vavaka fanompoana (salat), ny fifehezana (syam), harena fiantrana (zakat), sy fivahinianana masina (hajj), ary ny ankoatra izany.

Ary niantso ihany koa ho amin'ny fifampitondrana sy fifandraisana marina, ho amin'ny fitsipi-dalàna mahitsy, ary dia toy izany..

Eny, misy tokoa ireo fahasamihafana, eo amin'ireo karazam-pivavahana, amin'ny fombafomba sy ny toetra mampiavaka, manaraka ny zava-misy, toy ny anaty finoana tokana ahitana fahasamihafana, araka ny zava-misy sy ny trangan-javatra, ohatra: ao anatin'ny finoana Islamo:

Samihafa ny vavaka fanompoan'ny olona manao dia lavitra sy ny vavaka fanompoan'ny olona eo an-toerana.

Ny fifehezana dia ho an'ny olona mitoetra eo an-toerana, fa tsy an'ny mpandalo.

Ny tolona (jihad) ho an'ny matanjaka, fa tsy ho an'ny osa. Ary ny hafa ankoatra izay.

## Ny mpaminan'ny finoana Islamo (saws) **(ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahian'Andriamanitra)**

Ny mpaminany Abrahama (Ibrahim), Noa (Nouh), ary Lota (ho eo amin'izy ireo ny fitahian'Andriamanitra) dia nanana anjara asa lehibe notanterahana, nefa tsy nisy nahafantatra ny fampianaran'izy ireo, afa-tsy olom-bitsy, satria tsy nifikitra araka ny tokony ho izy tamin'Ilay Mpahary ny olombelona, ary tsy nametraka lalàna ihany koa teo amin'ny fiainana izay nodiaviny.

Nifarana ihany koa ny fotoanan'ny Mpaminany Mosesy (Moussa) (ho eo aminy anie ny fitahian'Andriamanitra); ka niova nahamenatra tanteraka ny bokiny, tsy tavela taminy intsony ny fahatokisana azy.

Rehefa tapitra ny vanim-potoanan'ny Mpaminany Jesosy (Issa) (ho eo aminy anie ny fitahian'Andriamanitra), dia tsy nisy tavela ny fampianarany afa-tsy ny mitovitovy aminy izay niharam-panovana, tafiditry ny fanompoan-tsampy, sy ny nofinofy ary angano, mahita

izany ny olontsotra, ka ahoana ny Mpaminany mifandray tanteraka amin'ny faminaniana?

Ka tsisy tavela noho izany, afa-tsy ny anjara andraikitr'ilay Mpaminanin'ny finoana Islamo (ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahian'Andriamanitra), izay nosafidin'Andriamanitra hameno tanteraka ny fitsipi-dalàna, ary hameno ihany koa ny finoana..ka noho izany, ny finoana nentiny dia misolo toerana ireo finoana rehetra teo aloha, ary ny fitsipi-dalàny dia mitoetra hatrany amparany mandrakizay.

Namatsy fiarovana matanjaka ity finoana ity Andriamanitra; niaro azy tamin'ny fahadisoana Izy, na nisy aza ny fitsapana nentin'ny andro sy ny alina, na tsy nisy, ary efa niteny Andriamanitra Ilay Mahery hoe: **"Izahay tokoa no nampidina ny Kor'any, ary Izahay no Mpiaro azy"** (Al Hidjr 15.9).

Ary niteny Izy**:"Fa izay mandray finoana hafa ankoatra ny Islamo, dia tsy ho voaray izay rehetra hataony"** (Al Imran 3.85).

Niteny Izy: **"fa Irak'Andriamanitra, ary farany amin'ireo Mpaminany izy"** (Al Ahzab 33.40)

Ary mbola niteny Izy: **"mba hampandreseny azy manoloana ny finoana rehetra, na dia mankahala izany aza ireo mpampitambatra (mpanompo sampy)"** (At-taobah 9.33 – As-saff 61.9)

Ary ny olombelona, rehefa mampitaha ny fampianarany amin'ny fampianaran'ireo mpitarika sangany izay miantso fa izany dia avy amin'ireo mpaminany, dia mahita tokoa ny elanelana lavitra! Ary fahasamihafana lehibe! Ary mahita ihany koa ny fampianaran'ny Mpaminanin'ny finoana Islamo fahafenoana vaovao, mifanaraka sy mety amin'ny fitondrana ny fiainana ara-piaraha-monina, sy ny ara-toe-karena, ary ny ara-politika sy fampianarana, ary fandraharahana, sy ny hafa ankoatra izany.

Fa ny fampianarana ambiny sisa kosa: na tery loatra, na diso mivaha, na feno mihoatra, na tsy ampy mihitsy, ary miseho eny aminy ny taratry ny fitsapana, ary tsy mety amin'ny finoana sy ny fiainana an-tany.

Zaki: ahoana ny mikasika ny Mpaminanin'ny finoana Islamo?
Mahmoud: ny mikasika azy amin'ny ankapobeny:
Ny anarany: Mohammad, Ahmad, Mahmoud, Aboul Qassim, Al Mostafa.
Ny rainy: Abdoullah Ibn Abdoul Motalib.
Ny reniny: Amina Bint wahab.
Ny fokony: Koraish
Toerana nahaterahany: Makka Almokarrama, Al Hijaz, tao amin'ny Nosy arabo.

Teraka ny andro zoma izy, faha 17-n'ny volana rabiyou'l awwal, taorian'ny vaomangirandratsy, taon'ny elefanta, tao Makka be voninahitra, tamin'ny vanim-potoanan'ilay mpanjaka marina (Kisra).

Ary nahazo ny hafatra izy ny 27-n'ny volana Rajab; taorian'ny nahafeno 40 taona azy, rehefa nidina teo aminy ny Anjely Jibrail (Gabriela) (ho eo aminy anie ny fitahian'Andriamanitra), ilay Anjely lehibe, ka tamin'izany fotoana izany ny Mpaminany dia tao Hira, tendrombohitra iray ao Makka, ka nidina taminy ny toko voalohany indrindra tao amin'ny Kor'any, dia ny hoe:

**"Amin'ny anaran'Andriamanitra, Ilay be Fiantrana, Ilay be Indrafo.Vakio amin'ny anaran'ny Tomponao, Ilay Nahary…"** (Al 'Alaq 96.1-19); dia nitsangana ny Mpaminany (ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahian'Andriamanitra) nanaparitaka ny hafatry ny Tompony, dia nanomboka nivezivezy sy nihodina nanerana ny làlana izy, ary nilaza hoe: "ô ry olombelona! Aoka ianareo hiteny hoe: tsy misy andriamanitra afa-tsy Allah (Andriamanitra) dia ho tafita".

Tamin'izany fotoana izany moa dia tao anatin'ny fanompoan-tsampy ny vahoaka tao Makka, ary nanomboka nandrabiraby sy nihomehy

ny Mpaminany izy ireo, eny fa dia nampijaly azy mihitsy, ka nilazany hoe: “tsy nisy mpaminany nijaly, toy ny nijaliako” (Al manâqib v.3 p.247- Kachfou-l-ghomma v.2 p.537), ary tsy nisy nino azy, afa-tsy andiany vitsy dia vitsy!

Ka ny voalohany tamin’izany, Imamo mpitarika ny mpino Ali Ibn Abi Talib (ho eo aminy anie ny fitahian’Andriamanitra), avy eo ny vadiny Khadija (ho eo aminy anie ny fitahian’Andriamanitra), ary hafa maromaro.

Ary rehefa nihamaro ny fanoherana nataon’ireo mpanompo sampy azy; dia nifindra monina tany Madina izy.

Ka io fifindra-monina io, no fiatombohan’ny tantaran’ny mpino silamo.

Ary dia maro ny mpino silamo tany, ka teraka ny firenena islamika, izay nahazo hery sy nitombo anisa, ka nihitatra ho fivavahana sy fandrosoana maneran-tany: ny maha avy any an-danitra azy, sy ny maha fiainana azy eto an-tany.

Tonga tamin’ny Mpaminany (ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahian’Andriamanitra) ireo ady sy fifandonana samihafa nandritra ny fitoerany tao Madina, izany rehetra izany dia vokatry fanenjehan’ireo mpanompo sampy sy ireo Jiosy, ary ireo Kristianina ny mpino silamo.

Ka tamin’izany ady rehetra izany, ny Mpaminany (ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahian’Andriamanitra) nirona hatrany tamin’ny fandriam-pahalemana, sy ny famindram-po ary ny fahamendrehana, ka noho izany indrindra no nahavitsy ny maty tamin’ireo mpifanandrina roa, ny mpino silamo sy ny hafa ankoatra, nandritra ny ady rehetra, izay nahatratra teo amin’ny 1400 teo ho eo ny maty, araka ny voarakitry ny tantara.

Hatramin'ny nahazoan'i Mohammad (ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahian'Andriamanitra) ny hafatra, ka mandra-pahafatiny, dia nilatsaka taminy ny boky Kor'any masina, avy amin'Andriamanitra Tsitoha, nilatsaka tsikelikely araka ny fisehoan-javatra, mandra-pahafenon'izany boky manan-danja izany, tao anatin'ny 23 taona.

Nandrindra ny finoan'ny mpino silamo, sy ny fiainany an-tany ny Mpaminany (ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahian'Andriamanitra), ary nampianatra azy ireo ny boky sy ny fahendrena, nametraka fitsipi-dalàna ho azy ireo, lalàna mikasika ny fanompoana, ny fomba fifandraisana, ny fiainam-panambadiana, ny ara-politika, ary ny hafa.

Ary rehefa feno ny finoana, dia nilatsaka ny tenin'Andriamanitra Tsitoha hoe:

**"Fa ankehitriny, dia nataoko ho lavorary ny finoanareo, ary notanterahiko teo aminareo ny fahasoavako. Ary ankasitrahako ho finoanareo ny finoana Islamo"** (Al Ma-ida 5.3)

Tratran'ny aretina kely ny Mpaminany (ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahian'Andriamanitra), rehefa nihamafy izany, ka nitondra azy ho any amin'ny fahafatesana tamin'ny andro faha 28-n'ny volana Safar, ka nampandro sy namono lamba azy, ary nivavaka ho azy, sy nandevina azy ny mpitarika ny mpino Ali Ibn Abi Talib (ho eo aminy anie ny fitahian'Andriamanitra), ka nalevina tao Madina izy, izay fasany ankehitriny.

Ny Mpaminany (ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahian'Andriamanitra) tamin'ny fihetsiny rehetra dia ohatra velona ambony, teo amin'ny fametraham-pitokisana, ny fahadiovam-po, ny fahamarinana, fitondrantena tsara, ny fahalalana, ny fifehezantena, ny famelana, ny indrafo, ny fahalalahan-tanana, ny hafanam-po, ny fitandremantena, ny fahatahorana an'Andriamanitra, ny tsy fifikirana amin'ny fiainana an-tany, ny fahamendrehana, ny tsy fanaovam-

pahotana, ny fahitsiana, ny fanetrentena, ary tolona amam-piezahana.

Ny vatan'ny Mpaminany dia tsara tokoa araka ny tokony ho izy: antoniny sy mifanaraka, ny endriny mazava toy ny volam-penomanana.

Raha tsorina: nanambatra ny fahamendrehana rehetra izy, nandray ny fahamasinana amam-boninahitra, toeran'ny fahalalana sy ny fahitsiana ary fahamendrehana, foiben'ny finoana sy fiainana an-tany, tsy nisy toa azy tamin'ireo taloha, ary tsy hisy hitovy aminy mandrakizay.

Izany ilay Mpaminanin'ny mpino silamo, ary izy ilay mpamoaka lalàn'ny finoana Islamo: ny finoany no tsara indrindra amin'ireo finoana rehetra, ny bokiny no tsara amin'ireo boky rehetra, ary tsy misy fahadisoana tonga eo anatrehany, na avy aoriany, nampidinina avy amin'Ilay be fahendrena sy be voninahitra.

## Ireo fitondrantenan'Ilay Mpaminanin'ny finoana Islamo (saws) **(ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahian'Andriamanitra)**

Sa'ad: tanisao amin'ny andalana vitsivitsy ireo fitondrantenan'ny Mpaminanin'ny finoana Islamo, sy ny tantarany?

Abbas: ny Mpaminanin'ny finoana Islamo Mohammad (ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahian'Andriamanitra) dia manana fahamendrehana, sy fitondrantena tsara, ary tantara madio mangarahara, ny tantara dia tsy nitahiry fitondrantena mitovy tahaka ny an'ny Mpaminany tany am-boalohan'izao tontolo izao, ka

mandrak'ankehitriny! Ary izany moa tsy hoe filazana feno lainga, fa manamporofo izany ny boky tantara sy fanazavana ny Kor'any, ary ireo tantara samihafa, sy ny ankoatra izany.

Ka hitanisa ampahany amin'izany isika, amin'ny ankapobeny, izay mifanaraka amin'ny boky marim-pototra, ary ezahina ho fintinina:

Ny Mpaminany (ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahian'Andriamanitra) dia olona nanam-paharetana indrindra.

Mafana fo indrindra amin'ny olona.

Mahitsy indrindra amin'ny olona.

Maotina indrindra amin'ny olona.

Malala-tanana indrindra amin'ny olona, tsy mba matory miaraka amin'ny vola aman-karena mihitsy izy, ary raha misy tahiry eo aminy, nefa tsy mahita izay homena izany izy, na tsy misy tonga eo aminy hatramin'ny alina, dia tsy mitoetra ao an-tranony izy raha tsy manome izany ho an'ny olona.

Namboatra kiraro koa izy. Ary nanjaitra akanjo.

Nanampy ny vadiny tamin'ny asa an-tokantrano, ary nandidy hena niaraka tamin'ny vadiny.

Olona saro-kenatra indrindra ihany koa ny Mpaminany, tsy mifantoka maharitra mijery ny endrik'olona ny masony.

Namaly ny fanasan'ny olon'afaka, sy ny andevo tamin'izany fotoana izany izy.

Ary nanaiky hatrany ny fanomezana izy, na dia ronono indray misotro aza izany, ary mankasitraka izany izy, ary mihinana.

Tsy mihinana zavatra omena noho ny fiantrana anefa izy.

Tsy manambony tena amin'ny fanomezana valinteny an'ireo mpanompo sy mahantra.

Tezitra noho ny anton'Andriamanitra , Ilay Tompony, mahery sy be voninahitra, ary tsy tezitra noho ny anton'ny tenany.

Manatanteraka hatrany ny fahamarinana izy, na dia misy fahavoazana miverina aminy sy ireo mpanaradia azy aza.

Natolotra azy ny fandresena ireo mpanompo sampy tamin'ny alalan'ny mpanompo sampy ihany, ary vitsy dia vitsy izy tamin'izany, ka tao anatin'ny filàna olona iray monja hanampy ny isa miaraka aminy, nefa nanda izy, ka niteny hoe: tena marina izahay tsy mila fandresena amin'ny alalan'ny mpanompo sampy.

Namehy ny vato teo amin'ny kibony koa ny Mpaminany hiadiana amin'ny hanoanana.

Mihinana izay misy eo izy.Tsy manda izay hitany. Tsy mampifady ny tenany ny sakafo azo hohanina izy. Ary tsy mihinana miankina izy, na toerana ambony fihinanana.

Tonga manatrika ny sakafom-panambadiana izy, ary mamangy ny tsy salama. Manaraka ny fitondrana razana izy. Ary mandeha irery anatin'ireo fahavalony tsy misy mpiambina. Olona be fanetretena izy, ary feno fahatoniana indrindra tsy mba manambony tena. Farany mahay miresaka izy ary tsy mba manalava resaka. Mahay milaza vaovao tsara indrindra izy. Tsy mba mampatahotra azy ny zavatry ny fiainana an-tany. Tafiany izay zavatra hitany azo atao fitafiana. Ny perany dia vita amin'ny volafotsy, anaovany amin'ny ankihikelin'ny tànany havanana, ary angamba anaovany amin'ny tànany havia ihany koa. Miara-mitaingina aminy aoriany ny mpanampiny, na ny ankoatrany.

Mitaingina izay azony taingenana izy, indraindray soavaly, indraindray apondra, indraindray koa mandeha an-tongotra izy, tsy

misy kapa, tsy manao ambony akanjo, tsy misy fonoloha, tsy misy satroka. Mitia ranomanitra izy. Fa mankahala fofon-dratsy. Mipetraka miaraka amin’ny mahantra. Ary mihinana miaraka amin’ny sahirana. Manaja ireo olon’ny fahamendrehana noho ny fitondrantenan’izy ireo. Ary mifanerasera amin’ireo olo-manankaja amin’ny fanaovan-tsoa azy ireo.

Mifandray amin’ireo manana rohim-pihavanana aminy izy, ka tsy misy hanavahany. Tsy mandiso na iza na iza izy.

Manaiky ny fialantsinin’izay mialatsiny aminy izy.

Misangy izy, saingy tsy miteny afa-tsy ny marina ihany.

Mihomehy izy, nefa tsy mikakakaka.

Mijery ny lalao azo atao izy, fa tsy mba mankahala.

Miharitra izy amin’ny ireo feo ambony atao aminy.

Nanana ondry izy, ka nivelona tamin’ny rononon’izy ireo, izy sy ny vadiny.

Nanana mpanompo lahy sy vavy izy, ka tsy nanambony tena tamin’izy ireo mihitsy tamin’ny sakafo sy fitafy. Nivoaka tany amin’ny sahan’ireo mpanara-dia azy. Tsy nanambany ny mahantra noho fahantrany, na noho ny kilemany sy ny aretiny. Tsy matahotra mpanjaka noho ny fanjakany. Miantso ny rehetra ho any amin’Andriamanitra amin’ny antso tokana.

Andriamanitra dia nanambatra ireo toetra mendrika ho an’ny Mpaminany, ary ny politika feno tanteraka, nefa izy niaina tao amin’ny tanànan’ny habadoana sy tany efitra tsy itoerana, tao anatin’ny fiandrasana ondry, sady kamboty, tsy manan-dray sy reny.

Isan’ny toetran’ny Mpaminany (ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahian’Andriamanitra) ny miarahaba voalohany izay olona

mifanena aminy. Ary izay niaraka taminy nanao zavatra, dia niharitra ny Mpaminany, mandra-pandehan'ilay olona voalohany.

Ary mbola tsy mandray ny tànany akory ny olona dia efa manolotra ny tànany izy, izay vao manolotra ny tànany ilay olona.

Rehefa mihaona amin'ny iray amin'ireo mpanara-dia azy izy, dia manomboka amin'ny fandraisan-tànana, avy eo mandray tsara izany, ary mamihina mafy tanteraka.

Ary tsy mitsangana izy, na mipetraka raha tsy ao anatin'ny fahatsiarovana an'Andriamanitra hatrany.

Ary raha misy olona mipetraka eo aminy, ka ao anatin'ny fivavahana izy, dia manamaivana izany vavaka izany, avy eo manatona ilay olona, ka milaza hoe: misy zavatra ilainao ve? Ary rehefa vita ny ilain'ilay olona, dia miverina amin'ny fivavahany izy.

Ary ny fomba fipetrahany matetika dia: mamoritra ny ranjony roa; ka mitazona izany amin'ny tànany roa.

Tsisy fomba nanavahana ny resadresany teo am-pipetrahana nataony tamin'ny an'ireo mpanara-dia azy, satria rehefa vita ny resany dia mitoetra mipetraka eo ihany izy.

Ary tsy mbola nanatsotra ny tongony roa teo anatrehan'ireo mpanara-dia azy mihitsy izy.

Ary matetika rehefa mipetraka izy dia mitodika hatrany any amin'ny Qibla (Ka'aba).

Nanaja izay olona nandroso tao aminy izy, eny fa dia namelatra ny akanjony hipetrahana ho an'ny olona tsy misy rohim-pihavanana taminy akory. Nahafoy ny ondana izay tao ambaniny ho an'izay tonga tao aminy izy, ka raha nanda ilay vahiny dia noreseny lahatra mba hanatanteraka.

Izay rehetra mihaino azy; dia mihevitra fa izy no malala-tànana indrindra amin'ny olona, satria dia omeny izay olona mipetraka eo aminy avokoa izay mety ho anjarany amin'ny fijerena ny endriny. Ka ny fipetrahany, ny fihainoany, ny resany, ny fahatsoran'ny dinidinikany, ary ny toro-heviny dia ho an'izay rehetra mipetraka eo aminy.

Nefa ny fiarahany mipetraka amin'ny hafa, na izany aza dia fipetrahana feno henatra sy fanetretena tanteraka, ary fahatokisana.

Nilaza Andriamanitra hoe: **"Fa noho ny Indrafo avy amin'Andriamanitra, dia nalefaka tamin'izy ireo ianao! Fa raha ianao no sarotiny sy mafy fo, dia ho nisintaka ny manodidina anao izy rehetra"** (Am Imran 3.159).

Niantso ireo mpanara-dia taminy tamin'ny anaran'ny zanak'izy ireo ny Mpaminany, ho mari-panajana sy ho famalifaliana ny fon'izy ireo. Ary nanome anarana fiantso izay olona tsy nanana izany anarana izany, ka niantso izany olona izany tamin'ny anarana nomeny azy.

Ary niantso ihany koa ireo vehivavy tamin'ny anaran'ny zanak'izy ireo, ary izay tsy nanan-janaka moa dia nomeny anarana fiantso azy.

Niantso ihany koa ireo zaza-madinika tamin'ny anaran'ny zanak'izy ireo izay mety any aoriana, ka nampalefaka ny fon'izy ireo.

Olona lavitry ny hatezerana ny Mpaminany (ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahian'Andriamanitra).
Ary haingana indrindra amin'ny fankasitrahana. Mora antra olona indrindra izy, mpanao tsara indrindra aman'olona, hahazoan'ny olona tombontsoa indrindra. Ary tsy mba misy feo miakatra amin'ny resadresaka izay ataony.

Ary rehefa mitsangana avy amin'ny fipetrapetrahany izy dia miteny hoe: "voninahitra sy fiderana ho Anao ry Tompo, mijoro vavolombelona aho fa tsy misy andriamanitra afa-tsy Ianao,

mangataka famelan-keloka Aminao aho, ary mibebaka Aminao”. Ary niteny hoe: (Jibrail no nampianatra ahy izany).
Olona mahay miteny indrindra izy.

Mamy teny indrindra amin’ny olona ihany koa.

Miteny fohy nefa mavesa-danja.

Mamela ny fitenenana.

Raha miteny, tsy mba be resaka.

Ny resany dia toy ireny vato-na perla milahatra tsara ireny.

Mamintina resaka indrindra amin’ny olona, ary toy izany no nahatongavan’ny Anjely Jibrail taminy.

Miaraka aminy hatrany ny fahaizana mamintin-dresaka, mahafehy ny rehetra isaky ny mila izany izy.

Mahafehy zavatra maro ny resany, tsy ampiana, ary tsy analana, resaka mirindra mifanarakaraka.
Isaky ny resany dia misy fiantoana, ka mahatadidy tsara izany ny mpihaino, ary mifantoka tanteraka.
Ambony ny feony,( izany hoe tsy misy feo migobona).

Manana filantoam-peo tsara indrindra amin’ny olona izy.

Mangina maharitra izy.

Tsy miteny tsy amin’antony izy.

Tsy miteny zava-dratsy izy.

Tsy miteny afa-tsy ny fahamarinana izy, ao anatin'ny hafaliana sy fahatezerana.

Manohitra ny olona izay miresaka ratsy izy.

Manao sarin-teny amin'izay olona tsy maintsy resahiny izy, nefa tsy tian'ilay olona izany.

Ary raha nangina izy; dia ireo mpanara-dia azy indray no miresaka.

Ary tsy mifandrombaka fitenenana aminy izy.

Manoro hevitra tanteraka, sy mananatra izy.

Olona mitsiky sy mihomehy matetika izy manoloana ireo mpiara-dia aminy, ary gaga amin'izay voafetra ny valisoany.

Mifandray sy mifanerasera tanteraka amin'izy ireo ny tenany.

Ary rehefa mihomehy izy dia hita hatramin'ny vazany.

Ary raha misy miantso azy ny iray amin'ireo mpanara-dia azy, dia miteny izy hoe: inty aho!

Ary ireo mpanara-dia azy dia tsy nitsangana nanohitra azy, rehefa nahafantatra fa tsy tia izany izy.

Rehefa mandalo ireo ankizy izy, dia miarahaba azy ireo.

Nentina teo aminy ny lehilahy iray, ka raiki-tahotra teo am-pahitana ny Mpaminany, dia nilaza taminy ny Mpaminany: aoka ianao ho tony, fa tsy mpanjaka aho, tsy inona fa zanaky ny vehivavy koraisita, izay nihinana kitoza.

Niara-nipetraka tamin'ireo mpanara-dia taminy izy, ary nifanosona tamin'izy ireo, tena tahaka ny iray amin'ireo mihitsy, ka rehefa misy vahiny tonga, dia tsy mahalala hoe iza amin'izy ireo izy! Fa manontany mihitsy azy..ka niangavy azy ireo mpanara-dia taminy mba hipetrahany amina toerana iray hahafantaran'ny vahiny azy, ary dia namboatra toerana avoavo tamin'ny tany izy ireo, dia nipetraka teo ambonin'izany izy.

Ary dia niteny izy hoe: mpanompo ihany aho, mihinana tahaka ny mpanompo mihinana., ary olona matahotra indrindra ny Tompony izy.  Sy feno fahatahorana Azy tanteraka, ary feno fahalalana Azy indrindra.

Matanjaka indrindra amin'izy ireo amin'ny fankatoavana Azy.

Manam-paharetana indrindra amin'izy ireo amin'ny fanompoana Azy.

Izy no fatra mpitia indrindra ny Tompony, ary tsy mba mpifikitra amin'izay ankoatrany.

Nanatanteraka ny fivavahany izy, ka tresaka mihitsy ny faladian-tongony noho ny halavan'ny fitalahoana nataony teo am-pitsanganana.

Ary misy feo heno eto an-tany raha mitsahatra ny ranomasony noho ny hamaroan'ny fahatahorany sy fifantohany.

Nifehy izy, ary nambara, fa toa tsy mihinana mihitsy.

Ary nihinana izy, ary nambara, fa toa tsy mifehy mihitsy.

Nadio tokoa ny vatany.

Nadio ny fitafiany.

Nibango ny volony izy, ary nandamina ny volom-bavany.

Nanadio ny nifiny.

Nanamanitra ny vatany izy, hany ka heno eny lavitra ny hanitra tsara avy aminy; ary nahafantatra avy hatrany ny olona fa izy no tompon'izany, rehefa mandeha alina any aminy noho ny fofony manitra.

Mampangirana ny volony izy. Mampihinana ny noana. Mampitafy ny mitanjaka. Mampitaingina ny mpandeha an-tongotra. Manampy ny olona amin'izay filàny. Manefa ny trosan'izay hivesaran-trosa.

Olona faran'ny mafana fo ny Mpaminany (ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahian'Andriamanitra), ka nilazan'i Ali (ho eo aminy anie ny fitahian'Andriamanitra) hoe: "efa hitako ny andron'i Badr, ary niaro ny Mpaminany izahay, ka izy no akaiky indrindra ny fahavalo taminay, isan'ny olona nahery fo tokoa izy tamin'izay fotoana izay". (Makarimoul Akhlâq p.18)

Niteny Imamo Ali (ho eo aminy anie ny fitahian'Andriamanitra): "rehefa nihamafy ny toe-draharaha, ary nifandona ny vahoaka andaniny sy ankilany, dia niaro ny Irak'Andriamanitra izahay (ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahian'Andriamanitra), ka tsy nisy n'iza n'iza akaiky ny fahavalo mihoatra azy" (Makarimoul Akhlâq p.18).

Izy dia malala-tànana indrindra. Nitanisa ny toetrany ny mpitarika ny mpino (ho eo aminy anie ny fitahian'Andriamanitra), ka nilaza hoe: malala-tànana indrindra amin'ny olona izy, mafana fo indrindra amin'ny olona izy, marim-pitenenana indrindra amin'ny olona izy, mpanatanteraka andraikitra indrindra izy, malefaka indrindra

amin'olona izy amin'ny fihetseham-po, mpanaja vady indrindra izy amin'ny olona, izay sambany mahita azy dia raiki-tahotra.

Ary izay mifanerasera aminy, ka mahafantatra dia tia azy.

Nilaza ny olona iray: fa tsy nahita ny toa azy talohany sy taoriany.

Ary tsy nisy zavatra nanontaniana azy mihitsy ny amin'ny finoana Islamo, ka tsy nomeny.

Nisy lehilahy tonga teo aminy, ka nangataka taminy, dia nomeny ondry nameno vohitra roa, ary dia niverina tany amin'ny vahoakany, dia nilaza: midira amin'ny finoana Islamo ianareo, fa i Mohammad dia nanome fanomezana, ho an'izay tsy matahotra fahantrana.

Ary tsy nangatahana zavatra mihitsy izy, ka niteny hoe: tsia.

Tsy mandray (swadaqa) fiantrana izy, fa mandray kosa fanomezana.

Ary nankahala ny faharatsiana rehetra.

Ary Andriamanitra dia nanome azy fitondrantena mendrika tokoa, ka nilaza hoe:
«**Raiso ny famelana, ary mampirisiha ny olona amin'ny tsara, ka halaviro ireo olona minia tsy mahalala (an'Andriamanitra) »**(Al Al a'raf 7.199).
Ary niteny izy hoe : **«Hamafisina, fa Andriamanitra dia mibaiko amin'ny fanaovana ny rariny, ny fanaovan-tsoa, ary ny fanampiana ireo havana akaiky. Fa raràny kosa ny haratsiana, ny asa tsy mendrika, ary ny fikomiana »** (An-nahl 16.90).
Niteny ihany Izy hoe: **«ary zakao amim-paharetana izay mihatra aminao »** (Loqman 31.17)

Ary niteny Izy hoe : **« Koa tohero amin'ny tsara kokoa ny ratsy, dia indro fa lasa namanao**
**mahafatrapo ilay nifankahala taminao ».**(Foussilat 41.34).

ka rehefa nofenoin'Andriamanitra fatra ny toe-tenan'ny Mpaminany sy ny fitondrantenany dia niteny ny aminy (ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahian'Andriamanitra) Izy nanao hoe: **«Hamafisina, fa ianao dia ambony toetra tokoa »** (Al qalam 68.4).

## Ny Kor'any masina

Anisan'ny fahagagana lehibe ho an'Ilay Mpaminanin'ny finoana Islamo : ny Kor'any masina, ilay boky izay ventesina mandritra ny alina, sy fiantombohan'ny andro.

Majid : ahoana no maha fahagagana ny Kor'any ? ary inona no dikan'izany ?

Mohammad : tena marina ny Kor'any, dia tenin'Andriamanitra, fa tsy toy ny tononkalo..na ihany koa toy ny angolanteny ; ary nitroatra sy nanohitra noho ny fidinan'ny Kor'any ireo arabo, ireo mahay mandaha-teny sy mahay miresaka, nifanaiky izy ireo noho izany fa hanao lanonana sy fivoriana ny amin'izay tanjona izay. Ka ny tsirairay amin'izy ireo dia samy hitondra amboara tononkalo tsy manan-tsahala, na oha-pitenenana tsara rindra, ny hafa indray moa dia feno rehareha fatratra ; ary rehefa nidina moa ny Kor'any dia niantso azy ireo, hitondra mitovy amin'izany Kor'any izany, eny nanao fanamby tamin'ireo mpahay miteny sy mpandaha-dresaka tamin'ireo arabo ny Kor'any, kanefa tsy nahavita izany izy ireo, ary tsy nahita fomba hafa izy ireo afa-tsy ny famonoana, ary ny ady,

raha toa ny Kor'any ka tahaka ireo teny sy boky sisa rehetra, dia vitan'izy ireo no nitondra ny mitovy aminy.

Ka ny tsy fahavitan'izy ireo izany, nefa olon'ny fahaiza-miteny sy mandaha-teny izy ireo : dia porofo fa fahagagana avy amin'Andriamanitra Tsitoha ny Kor'any.

Majid : ary avy aiza no hanamarinantsika fa ny Mpaminany (ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahian'Andriamanitra) nanao fanamby tamin'izy ireo ny amin'ny Kor'any, fa tsy nahavita ?

Mohammad : marina tokoa, fa ny tantara rehetra dia maneho izany, ary manampy izany, ny Kor'any dia milaza miharihary ny amin'izany araka ny loharano maro, ary mibaribary eo anetrahan'ny mpino silamo sy ny hafa ankoatra izany, ary raha sanatria ka lainga moa ny antsony- hiaro izany anie Andriamanitra- dia hohitantsika eo amin'ireo tantara ny laingany, kanefa ny tantara dia manamafy fa tsy n'iza n'iza nitondra mitovy amin'ny Kor'any.

Ary izany dia ampy ho fanamarinana, ny maha fahagagana ny Kor'any, izay tsy vitan'ny olombelona ny mitondra ny toa azy.

Majid : toerana aiza ao amin'ny Kor'any no hahitanao izany ho an'ny olona ?

Mohammad : tena marina ny Kor'any dia miantso ny olona voalohany hitondra mitovy amin'ny Kor'any, manao hoe : raha toa ny antsoko (Izaho dia avy amin'Andriamanitra) lainga, dia mitondra ianareo ny mitovy ahy ! ka hilazany hoe : **« Fa na mitambatra aza ny olombelona sy ny djiny, mba hamorona mitovy amin'ity Kor'any ity, dia tsy hahavita velively mitovy amin'izany izy ireo, eny, fa na dia hifanohana aza »** (Al Isra 17.88).

Rehefa tsy nahavita nitondra mitovy amin'ny Kor'any izy ireo, ary niaiky izany tsy fahafahana izany, dia namela azy ireo, ary niangavy azy ireo indray hitondra toko folo mitovy aminy, raha niteny hoe:
**« Na koa miteny izy ireo hoe: "Noforoniny izany (Kor'any)", lazao hoe: "Mitondrà àry antokon-tsoratra folo mitovy amin'ity, noforonina avy aminareo, ary antsoy izay afaka hanampy anareo ankoatra an'Andriamanitra, raha mpilaza ny marina tokoa ianareo»** (Houd 11.13).

Ary rehefa tsy nahavita indray izy ireo, eny fa na dia ny fitondrana toko folo aza, ary fantatra anefa fa izany toko folo fohy izany dia tsy mitaky mihoatra ny pejy roa amin'ny taratasy akory, dia namela azy ireo indray ny Kor'any, ka nangataka tamin'izy ireo mba hitondra toko iray monja, mitovy ao amin'ny Kor'any, raha nilaza hoe: **«Fa raha misalasala ny amin'izay nampidininay tamin'ny Mpanomponay kosa ianareo, dia mba mamorona antokontsoratra mitovy aminy ary antsoy aty ireo vavolombelonareo (ireo sampy) izay tompoinareo ankoatra an'Andriamanitra, raha tena mpilaza ny marina tokoa ianareo»** (Al Baqara 2.23).

Nefa mbola tsy nahavita izany izy ireo..na dia fantatra aza fa ny toko iray fohy dia tsy mitaky mihoatra ny andalàna iray, toy ny hoe: **Lazao hoe: «Izy no Andriamanitra tokana. Andriamanitra Ilay hany ianteheran'ny rehetra, sady tsy niteraka Izy no tsy nateraka,- ary tsy misy na iray aza mitovy Aminy»** (Al Ikhlâs 112.1-4).

**« Efa nomenay anao tokoa ny fabetsaham-pahasoavana, koa tanteraho ny vavaka fanompoana ho an'ny Tomponao, ary manolora sorona, fa izay mankahala anao no tsy hanantaranaka »** (Al Kaouthar 108.1-3).

Kanefa ny Kor'any dia efa nanambara ny tsy fahavitan'izy ireo izany, ary nilaza amin'ireo andininy sisa manao fanamby amin'ny fitondrana toko iray : « **Fa raha tsy tanterakareo izany, nefa moa ianareo tsy hahatanteraka izany rahateo, dia aoka ianareo hatahotra ilay**

**afobe izay ny olombelona sy ny vato no ho fandrehitra ao aminy, afo izay voahomana sahady ho an'ireo tsy mpino »** (Al Baqara 2.24).

Ka moa tsy ampy ve izany ho fanamarinana ny maha fahagagana ny Kor'any, avy amin'Andriamanitra Tsitoha ?

## Mpanontany sy mpamaly

Ny mpanontany : nanao ahoana ny fihetsik'ireo arabo sy ny hafa ankoatrany nanoloana izany fanamby lehibe sy miharihary mikasika ny Kor'any izany?

Mpamaly : ny fihetsik'izy ireo tamin'izany, dia ny fandrabirabiana sy ny teny tsy mendrika, ary ny fanendrikendrehana ny Mpaminany (ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahian'Andriamanitra) ho mpandainga sy mpisikidy, ary mpanao majika sy ny mitovy amin'izany.

Niteny izy ireo, ho fialantsiny amin'ny tsy fahavitana, hoe:

« **Majika nolovaina ity»** (Al moudassir 74.24)

**«Majika maharitra izany»** (Al Qamar 54.2).

«**Izany rehetra izany dia lainga noforoniny (Mohammad) fotsiny ihany»** (Al fourqâne 25.4).

«**Anganon'ireo olona fahiny, izay nampanoratiny izany! » (**Al fourqâne 25.5).

«**Ny fonay efa mikatona»** (Al baqara 2.88- An-nissa 4.155)

«**ary marenina ny sofinay»** (foussilat 41.5)

**« Misy sakana manelanelana anay sy ianao »** (Foussilat 41.5).

**« Aza mihaino io Kor'any io ianareo, fa miresaha mafy »** (Foussilat 41.26).

Ary ny hafa ankoatra izany.

Ny mpanontany: Moa ve tsy teny arabo ny Kor'any, koa nahoana ireo mpanompo sampy tsy nahavita nitondra ny mitovy aminy?

Ny mpamaly : eny, ny Kor'any dia fitenin'ny arabo, ary taranja nisy teo aminy, ny voambolana samihafa, sy ny fehezanteny, ary ny mitovy amin'izany..saingy ny firafitry ny fehezanteny izay hita ao amin'ny Kor'any, dia tsy vitan'izy ireo mihitsy ny nanao azy. Ohatra : ny kojakoja ilaina amin'ny fanamboarana lapa goavana, mila biriky, feta, simenitra, vy, hazo, sy ny hafa ankoatra izany, nefa raha injeniera tsy manana traik'efa, na mpanao trano tsisy fahalalana, dia tsy afaka hanangana na hanorina lapa tsara sy lehibe, na dia eo aza ireo fitaovana.

## Tantara

1- Niteny Al Asmaiy : naheno ny resaky ny tovovavy iray aho, ka nahatalanjona ahy ny fahaizany miresaka ! Dia nilaza taminy aho : izany fahaizanao miteny ! Namaly izy : sa misy fahaiza-miteny ankoatra ity andininy ity : **« Dia nambaranay tamin'ny Renin'i Mosesy: « Ampinonoy izy, fa raha matahotra ny momba azy ianao, dia alefaso any amin'ny renirano izy. Ka aza matahotra sy malahelo intsony ianao, fa averinay aminao izy, ary hataonay isan'ireo Iraka »** (Al qasas 28.7).
Mitambatra ao anatin'io andininy io ny fandidiana roa, sy fandrarana roa, ary filazam-baovao roa sy vaovao mahafaly roa !!

2- Naheno andininy tamin'ny Mpaminany (ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahian'Andriamanitra) i Alwalid Ibn Al moughira, izay isan'ny fahavalo nanohitra tanteraka ny finoana Islamo, nilaza hoe : **« Hamafisina, fa Andriamanitra dia mibaiko amin'ny fanaovana ny rariny, ny fanaovan-tsoa, ary ny fanampiana ireo havana akaiky. Fa raràny kosa ny haratsiana, ny asa tsy**
**mendrika, ary ny fikomiana. Mananatra anareo Izy, mba hahatsiarovanareo tena »** (An-nahl 16.90).

Dia nilaza izy : eo anatrehan'Andriamanitra ! Tena marina, misy hamamiana izany teny izany ! malefaka izy, vonton-drano sesehena eo ambaniny, ary mamokatra ny eo amboniny, tsy tenin'olombelona izany !

3- Nivory tao Makka ny olona telo, hitondra mitovy amin'ny Kor'any ; ary nanapaka fa hitondra ampahatelon'ny Kor'any avy ny tsirairay hatramin'ny taona hoavy, mba ho tony hanalavitra ny finoana Islamo ; araka ny eritreritr'izy ireo.

Afaka herintaona,dia nivory indray, ka samy naneho ny fahakiviany ny tsirairay ny amin'ny tsy fahavitana izany !

Nilaza ilay voalohany : rehefa nahita ity andininy ity aho : **« Dia nambaranay tamin'ny Renin'i Mosesy: « Ampinonoy izy »** (Al qasas 28.7), dia fantatro fa tsy vitako mihitsy ny hitondra ny mitovy amin'izany.

Dia nilaza ilay faharoa : rehefa nahita ny tenini'Ilay Tsitoha aho : « **Ary toy izao no voalaza: "Ô ry tany! Tsetsefo ny rano eo aminao! Ary ianao ry lanitra, ajanony ny orana". Nihena ny rano, fa notanterahina ny baiko, ary nipetraka teo ambonin'ny Jodi (anarana tendrombohitra) ilay sambofiara, ka toy izao no voalaza: "Hanjavona anie, ireo olona mpanao ny tsy rariny"**

(Houd 11.44), dia kivy tanteraka aho ny amin'ny fitondrana ny mitovy aminy.

Ary nilaza indray ny fahatelo : rehefa nahita ny tenin'Ilay Tsitoha aho : **« Avy eo, nony very fanantenana (hitondra an'i Benjamina hody) izy ireo, dia nifampidinika mangina »** (Youssouf 12.80), dia fantatro tsara, fa tsy hahavita ny hitondra ny mitovy amin'izany aho.

Ary teo indrindra, dia nandalo teo amin'izy ireo ny Imamo (ho eo aminy anie ny fitahian'Andriamanitra) niventy tamin'izy ireo ny hoe **: « Dia lazao hoe: "Fa na mitambatra aza ny olombelona sy ny djiny, mba hamorona mitovy amin'ity Kor'any ity, dia tsy hahavita velively mitovy amin'izany izy ireo, eny, fa na dia hifanohana aza »** (Al Isra 17.88).
4- Nisy fomban'ny arabo nandalo talohan'ny finoana Islamo, fa izay mitondra amin'izy ireo teny tsara rindra indrindra, na amboaran-tononkalo mahafinaritra, ka nosoratany dia nitondra izany eo amin'ny Ka'aba, ary manantona izany eo aminy, fa misy iray mitondra ny tsara lavitra noho ny teo aloha, dia manongotra ilay voalohany ka mametraka indray ilay faharoa eo amin'ny toerany.

Eny fa dia tafavory ireo peta-drindrina fito fanta-daza, dia ireo amboaran-tononkalon'ireo mpandaha-teny sy mpahay miresaka arabo.

Ka rehefa nidina ity andininy manaraka ity : « **Ary toy izao no voalaza: "Ô ry tany! Tsetsefo ny rano eo aminao! »,** dia nesorin'izy ireo teo amin'ny Ka'aba ireo peta-drindrina, noho ny tahotra ny loza, ka nafenin'izy ireo izany.

5- Ary voalaza fa ireo mpanompo sampy, dia nivory ka naka ireo teny ao amin'ny Kor'any, izay heverin'izy ireo fa mavesatra sy manohitra amin'ny fahaiza-miteny, dia ny teny hoe : ( 'onjâb) mahagaga, sy (Koubbar) lehibe, ary (yastahzi-ou) mandrabiraby izy..avy eo nampiditra olana tamin'ny Mpaminany (ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahian'Andriamanitra) ny amin'ireo teny ireo!

Dia namaly azy ireo ny Mpaminany (ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahian'Andriamanitra): entonareo eto amiko àry ny tena mahay miteny aminareo, ka rehefa tonga sy nipetraka izany , dia nitsangana ho azy ny Mpaminany, ka rehefa nila hitsangana ilay olona, dia nipetraka ny Mpaminany, ka toy izany no nampitsanganany sy nampipetrahany ilay olona niverimberina.

Ka dia tezitra ity olona, ary niteny: ry Mohammad! Mandrabiraby ahy ve ianao, nefa izaho olon-dehibe, tena zava-mahagaga izany!!

Dia nifampijery ireo mpanompo sampy, satria efa noravain'ity mpahay miteny ity ny anton-javatra nahatongavan'izy ireo, hitsarana ny Mpaminany ny amin'ny olana nentin'izy ireo.
Moa ve ianao efa nieritreritra?

Efa nieritreritra ve ianao indray andro ny amin'ny Kor'any sy ny vanim-potoana ankehitriny?
Ary moa ve fantatrao fa ny Kor'any ankehitriny no nisolo ny toeran'ny loharanom-dalàna; tahaka ny efa nisoloany izany omaly?

Ahoana ny amin'izany?

Tena marina ny Kor'any, no boky tokana izay nireharehan'izao tontolo izao omaly, ary mbola izy ihany ilay boky tokana ireharehan'izao tontolo izao ankehitriny.

Fa raha tsy izany, nahoana no ventesina any amin'ny radio maro, izay tsy radion'ny mpino silamo akory ny Kor'any, eny fa na ireo radion'ny tsy mpino aza, mandritra ny alina sy ny fiantombohan'ny andro.

Ny radion'i Bagdad, sy Le Caire, Damas, Beyrouth, Jordanie, Hijaz, Teheran, Pakistan,..Londres, Berlin, Israely; ary Etazonia, sy ny hafa ankoatra izany dia mamaky ny Kor'any?

Satria izy ilay boky tokana, izay manamafy amin'izao tontolo izao fa boky voalohany sy farany, izay mety ho ventesina eo anatrehan'ireo tsy manam-pinoana sy ny ankoatrany, ary ny mpino silamo sy ny tsy mpino, ny taranaka tranainy, sy ireo taranaka vaovao.
Mety hisy olona hiteny hoe:

Ny radion'ny mpino silamo, dia mamaky ny Kor'any am-pitiavana sy am-panekena, na voatery sy noho ny fankahalana avy amin'ireo mafy loha ao anatin'ny finoana Islamo; ary tsy misy ny hafa!

Na ny radion'ny hafa kosa, dia mamaky ny Kor'any noho ny fitaka sy teti-dratsy, mba hanaovana teti-dratsy ny mpino silamo, sy hamitahana ireo mpino silamo amin'ny finoany. Ka hiheveran'izy ireo fa tia azy, ireo mpanjanatany, ary amin'ny alalan'izany no hiandrasan'izy ireo kendritohina hanenjehana ny mpino silamo.

Dia toy izany ny fiheveran'ireo olona sasany! Nefa raha ny marina dia variana izy ireo.

Raha toa ny mpino silamo mamaky ny Kor'any ao amin'ny radio am-pitiavana na am-pankahalana, fa nahoana ny kristianina no tsy mamaky ny Evanjeliny ao amin'ny radiony am-pitiavana na am-pankahalana ihany koa? Ary maninona ihany koa ny Jiosy tsy mamaky ny Taoratany ao amin'ny radiony am-pitiavana na am-pankahalana? Ary nahoana ihany koa ny Bodista, tsy mamaky ny bokiny (Konfochious) ao amin'ny radiony am-pitiavana na am-pankahalana?

Ary raha toa ny tsy mpino mamaky ny Kor'any mba hanjanahantany, nahoana i Londres no tsy mamaky ny Evanjeliny hanjanahana ireo kristianina sisa? Ary nahoana Etazonia no tsy mamaky ny Taoratan'ny Jiosy mba hanjanahana ny Jiosy maneran-tany? Ary nahoana ny radion'i Israely no mamaky ny Kor'any? Moa ve fitiavana? Sa voatery? Sa fanjanahantany?

Tsia! Tsy misy marina ireo fanadihadiana rehetra ireo! Tena marina ny Kor'any dia boky tokana, mety vakiana amin'izao tontolo izao, fa ny boky hafa ankoatrany tsy mety izany, eny fa dia heverina aza fa avy amin'ny faminaniana, toy ireo testamenta roa, sy ny Ousta ary ny Waida, sy ireo boky hafa ankoatrany!

Tena marina izy ireo, dia feno zavatra mifanohitra amin'ny saina sy ny lojika.
Ka ahoana no hamakianao azy?
Fa ny Kor'any kosa, izy no mametraka ny fototry ny fiaraha-monina marina, ary manazava ireo fitondrantena feno famendrehana, ary milaza ny amin'ny politika mahitsy sy mendrika..ary mampatsiahy ireo tantara marina, ampy ho lesona sy hisainana, manazava ihany koa ireo loharanon'ny fifampitondrana sy fifaneraserana ara-drariny, sy ny hafa rehetra toy izany.
Ka inona no manakana ny famakiana azy, mba hisainan'ireo mahay misaina!
Izy ilay hany boky tokana, voalohany sy farany!! Na dia nisy aza ireo boky telo alohany an'hetsiny maro, sy ireo boky taoriany aman'arivony maro!
Tena marina ireo boky sy filazana maro an-tsoratra, sy ny hafa ankoatra izany, dia mety raha alefa amin'ny radio anatin'ny fotoana manokana, sy andro voafetra, fa raha alefa kosa andro aman'alina, dia tsy mety. Fa ny Kor'any kosa tsy toy izany mihitsy, satria izy ilay boky manazava ny drafi-piainana manontolo, tsy voafatotry ny fotoana, na toerana, na taranaka, na faharetana!
Tena marina aho dia mahatoky, fa ny ankamaroan'ny mpino silamo dia mandefa ny Kor'any am-pitiavana sy am-panekena, ary ny ankamaroan'izy ireo ihany koa dia mandefa ny Kor'any, am-pankahalana sy am-pandeferana, noho ny fanirian'ireo manodidina mpiara-monina amin'ny mpino silamo.

Ary torak'izany koa, mahatoky aho, fa ny vondrona maron'ireo tsy mpino, dia mandefa ny Kor'any ihany koa ho fanambitambazana ny fon'ireo mpino silamo, na ihany koa famitahana azy ireo tsotra izao.

Kanefa, taorian'ny andaniny sy ny ankilany voalaza teo, dia miteny aho hoe: ahoana ny Kor'any no nanjary nahazo izany toerana izany, fa tsy ireo boky masina sisa hafa eny am-pelatanan'ireo mpanaraka azy?

Moa ve ohatra tsy mahafeno tsara  ireto fepetra roa ireto ny radion'ny Evanjely: tia azy ny Kristianina, ary voatambitamby tsara ny fon'izy ireo amin'ny alalany?

Koa nahoana no tsy mampiely?

Ny valiny: tsy ny Evanjely..na ny Taorata..na ny Waida..na ny Ousta..na ny hafa ankoatra azy ireo no tsy manaiky ny fampielezana akory.

Ary moa ve mampiely ireo zavatra tsy misy dikany, na mahamenatra izy ireo?

Ka moa ve aorian'izany rehetra izany tsy tokony hanaiky izao tontolo izao amin'ny fankatoavana, fa ny Kor'any no boky tokana iraisam-pirenena? Ary moa misy boky iraisam-pirenena mitovy aminy? Inona àry izany?

## Ao aminy ny zava-drehetra

Tena marina ny Kor'any dia ahitana ny zavatra rehetra, saingy tsy midika izany akory fa ny Kor'any dia misy ny  zavatra rehetra mibaribary sy miharihary tanteraka!

Noho izany, ny Kor'any: tsy boky mitondra takelaka zato mahery kely akory, fa boky mameno sy mahasahana ny vazan-tany manontolo.

Ny Kor'any: toy ireo fanafody izay soratan'ny mpitsabo ho an'ny marary, mety ve raha atambatry ny mpitsabo ho an'ny marary avokoa ny fanafody rehetra?

Ny Kor'any dia fanasitranana izay rehetra ao am-po, ary fanefitra ho an'ny fiaraha-monina, mizotra manaraka ny ara-boajanahary marina, tsy mivoana sy mivily làlana, ary efa ampy tsara ao anatin'ny Kor'any izay rehetra takiana amin'izany!

Tantara sy lesona.
Fanompoana sy fankatoavana.
Fifampitondrana
Fitsipi-dalàna sy rindran-damina.
Fiandohana sy fiafarana
Fanoharana sy fananarana.
Fitondrantena sy toetra.
Ny rehetra dia araka ny fatrany, sy ara-pahendrena, ary misy tombontsoa.
Moa ve tsy anisan'ny hadalana ny filazan'ny marary amin'ny mpitsabo hoe: nahoana no nataonao tamin'ity fanafody malefaka ity fa tsy nataonao tamin'ny fanafody hafa, na amin'ity fanafody ity ampahatelony amin'iry fanafody iry, na nahoana no nataonao tamin'iry sy nataonao tamin'ity?

Ary toy izany koa, izay mila ny tantaran'i Ylyas (Elia) amin'ny Kor'any manontolo, na ireo toetran'ny mpitsara, na hanisa ny isan'ireo fahamendrehana!!

Raha mila manazava ireo fitsipi-dalàna ny Kor'any, dia ny bokin'ny lalàna no ahitana izany!
Na hanazava ny amin'ny fototra ara-jeometria, dia ny bokin'ny jeometria no ampiasaina! Na hanisa ireo karazam-biby,dia ny boky mikasika ny biby no mameno izany! Na hanazava ny toetra mampiavaka ny zava-maniry dia ny boky mikasika ny zava-maniry no ilaina! Ary dia toy izany hatrany.

Fa tsy anjaran'ny Kor'any akory izany. Satria izy dia Kor'any.

Fa ny olona dia mitady zavatra hafa ankoatrany.

Ary inona marina moa no atao hoe: Kor'any?

Ny heviny: bokin'ny fiainana, bokin'ny tontolo, bokin'ny fiandohana, sy ny ankehitrio, ary ny hoavy.
Tena marina isika dia tsy manda ny tari-dalan'ny Kor'any amin'ny mombamomban'ireo tontolo ara-boajanahary sasany, fa misy fahasamihafana ny amin'ny boky izay miresaka izany manokana, sy amin'ny boky izay mifantoka amin'ny fandaminana ny fiainana, ka miresaka ny amin'ny fahalalana ho fitaovana sy fanohitra ihany.

Miteny ireo olona tsy mahafantatra sasantsasany:
Fa nahoana ny Kor'any no tsy mba milaza ny amin'ny fiaramanidina?
Ka dia mamaly izany ny sasany, fa milaza izany ny Kor'any:
**"An'Andriamanitra (ny mampiseho amin'ny alalan'ny Fahasoavany) ny làlana mahitsy, fa misy izay misintaka aminy"** (An-nahl 16.9)

Ka eto ny hevitry ny hoe: "izay misintaka aminy" dia manidina.

Miteny isika: ny Kor'any dia tsy boky natao hamboatra na hamorona, fa izy dia Kor'any: fa ny amin'ny valinteninao kosa ry mpamaly- tsy hijerena ny tsy fisian'ny fifandrifiana- inona no teninao: ny amin'ny fiaran-dalamby, ny sambo, ny fandraisam-peo, ny atôma, sy ny hafa ankoatra izany?

Ambarao: tena marina ny Kor'any, dia Kor'any, ary aoka ianao ho tony. Ary ahoana ianao no miezaka mandrindra ka mijanona eny amin'ny faran'ny sisiny?
Ny Kor'any dia boky nidina mba hanavotana ny olombelona, avy amin'ny haizina ho any amin'ny fahazavana, avy amin'ny habadoana ho any amin'ny fahalalana, avy amin'ny finoanoam-poana ho any amin'ny tena zava-misy, avy amin'ny aretina ho any amin'ny

fahasalamana, ary avy any amin'ny fifandirana ho any amin'ny fifankatiavana, ary efa natao izany, sy mbola hatao izay efa nahazo vahana teo amin'ny fiainana.

Fa ny amin'ny hoe manazava ny fiaramanidina sy ny atôma ny Kor'any, dia tsy anjaran'ny Kor'any izany, na dia hita ao aza ireo famantarana sasantsasany mifanandrify amin'izany.

Raha misy mangataka amin'ny Kor'any ny fanazavana ny famoronan-javatra, toy izay mila amin'ny Kor'any ny fanazavana ny fitsipi-dalàna mikasika ny fifampitondrana, na mikasika manokana ny fanompoana, na ny antsipirihan'ny fitsaboana, na ireo endrika ara-jeometria, na ny isan'ireo kintana; dia marina ve izany fangatahana izany?

**Ao anatin'ny Kor'any ny zava-drehetra.**

Ny zava-drehetra, dia mifamatotra amin'ny fiovan'ny fiaraha-monina, sy ny fisian'ny fandrefesana marina ho an'ny tanan-dehibe sy ny fivoarana, ary fanazavana ny fiandohana sy ny fiafarana, ary ahoana ny olombelona no tokony hiaina ambonin'ity planeta ity?

Fa ny amin'ny fiavahana, sy ireo toetra manokana, ny fanitarana, sy ny fandalinana, ary ny ankoatra izany, dia tsy anjara asan'ny Kor'any, ka ny fangatahana izany dia zava-poana sy adalana ihany!!!

## Ny mpino silamo sy ny Kor'any

Moa ve any ho any misy mahasamihafa ny mpino silamo ankehitriny sy ny mpino silamo omaly?

Eny: Fahasamihafana, fahasamihafana an'arivony.

Tena marina, ny mpino silamo taloha - ary tsy hoe tany am-piandohan'ny finoana Islamo ihany no tiako ambara, fa talohan'ny fanjanahantany; nandritra ny antsasaka taon-jato ihany koa- dia nahafantatra ny Kor'any araka ny toetrany, foto-drafi-piaina sy fampiharana, nizotra tamin'ny fahazavany tao anatin'ny kianjam-piainana manontolo:
Ny sehatry ny kolontsaina sy ny fahalalana, ny sehatry ny fambolena sy ny taozava-baventy, sehatry ny varotra sy ny fanjifana; ny sehatry ny fanambadiana sy ny fisarahana, sehatry ny fitsarana sy ny fijoroana vavolombelona, sehatry ny famaizana sy ny onitra, sehatry ny sakafo sy ny fisotro, sehatry ny foto-pinoana sy ny fanompoana ary ny ankoatra izany.

Nizotra tamin'ny fahazavan'ny Kor'any ny mpino silamo taloha, ary ny foto-drafi-piainany no mandrefy ireo asany sy ireo teniny.

Nanontaniana i Abou Zarr (hitahy azy anie Andriamanitra) ahoana ny amintsika?
Namaly izy: apetraho manoloana ny Kor'any ny tenanareo, ka raha hitanareo izy fa mifanaraka aminy, dia fantaro fa mahitsy izy; fa raha tsy izany…

Isika dia tsy manda ny fahasamihafana lehibe eo amin'ny rivo-doza, na eo amin'ny tsirairay , eny fa ny volana aza dia eo amboniny ny loko mena manompo mavo!! Fa ny loko iray amin'ny ankapobeny no ilaintsika.

Ny fiainan'izy ireo dia araka ny Kor'any tanteraka, tsisy toaka, na zanabola, na fanompoan-tsampy, na fivilian-dalana, na hafanam-po ara-piaviana sy ara-poko, na fitsipi-dalàna nafarana avy any ivelany, na fanompoana noforonina, dia toy izany..

Ka ny Kor'any teo amin'izy ireo -izay tsy asiana adi-hevitra ny amin'ny ohatra- dia toy ny mpitari-tafika mibaiko ka ankatoavina, eny fa hatramin'ny fahafatesaana.

Ka ny mpino silamo taloha, rehefa nidina ny andian-teny masina, tamin'ny fiantombohan'ny finona Islamo, na nahafantatra andininy tamin'ireo vanim-potoana sisa, dia nahita izany hoe sori-dàlana arahina, ka tsy azo ialana ny fampiharana azy, na ao anatin'ny fanompoana izany, na ao anatin'ny fifampitondrana, na amin'ny famaizana; na ny onitra, na ny hafa ankoatra izany.

Raha niteny ny boky hoe**:** « **fa ny aina solon'ny aina »** (Al Ma-idah 5.45)

Na niteny hoe: «**ny an'ny lahy mitovy fatra amin'ny anjaran'ny vavy anankiroa»** (An-nissa 4.11).

Na niteny hoe : **« Ary aoka tsy hitsikilo olona ianareo »** (Al houjrat 49.12).

Na niteny hoe : **« Fa nataon'Andriamanitra ho ara-dalàna ny varotra, ary nataony ho voarara kosa ny fanjanaham-bola »** (Al Baqara 2.275).

Na niteny hoe : **« Tanterahonareo ny vavaka fanompoana (soalat), avoahinareo ihany koa ny harena fiantrana (zakat) »** (Al baqara 2.43 ;83 ;110/ An-nissa 4.77/ Al mouzammilou 73.20).

Na niteny hoe..na niteny hoe..
Ka ny mpino silamo dia mahita ny tsy maintsy ampiharana ny famaizana, ary ny maha avo heny ny anjaran'ny lehilahy, sy ny maha voarara ny fitsikilovana ; ny maha ara-dalàna ny varotra, ary ny maha voarara ny fanjanaham-bola, ny tsy maintsy hanatanterahana ny vavaka fanompoana, sy ny fanomezana ny harena fiantrana.. ary dia toy izany.

Fa saingy amin'izao fotoana izao, ny Kor'any eo anatrehan'ny mpino silamo dia manana ny anjara asany hafa mihitsy!

Boky manana ny lanjany lehibe ny Kor'any, rindran-damina mifono fahendrena, fahagagana namarana ny hafatra avy any an-danitra, izay mirakitra ireo fahalalam-pomba maro, sy fitondrantena, ary ny hafa ankoatrany dia tsy ahitana izany.

Izany rehetra izany dia ekena avokoa.

Fa ny amin'ny fampiharana ny famaizana sy ny fitsipi-dalàna izay hita ao aminy, sy fanarahana ny sori-dalany, ary ny rindran-daminy, sy ny fanomezan-dalana ny ara-dalàna, ary ny fandrarana ny voarara, ny fandraisana ny fahalalam-pombany, sy fandalàna ny fitondrantenany.
Dia tsia..!

Ka noho izany, hitantsika fa ny lalànan'ny tandrefana, na ny tatsinanana no manjaka amin'ny tontolo!
Ary ny fanjanaham-bola sy ny fampiakaram-bidy ny fototsakafo amin'ny fotoana tsy mampisy azy, ary ny fanararaotana mihoa-pampana dia manjaka eo amin'ny toe-karena!
Ny famitahana, sy ny fisolokoana, ary ny fanendrikendrehana eo amin'ny fifandraisana iraisam-pirenena, dia torak'izany koa.

Ny vavaka fanompoana, ny harena fiantrana, ny ampahadimin-karena, dia natokana ho an'ny vondron'olona fa tsy ho an'ny rehetra!
Ny fifandraisana ara-pianakaviana, sy ara-piaraha-monina kosa dia tapaka. Dia toy izay sy toy izay.
Eny:
Ventesina ny Kor'any ho fahasoavana.! Hatolotra ho an'ny fanahin'ireo maty, eo am-pidirana sy eo amin'ny fasana! Hahantona eny amin'ireo ankizy mba ho fiaro! Apetaka eny amin'ny andrin'ny tranolay! Entina any amin'ny trano vaovao! Atao fanomezana ho an'ny mpanambady!
Soratana ho fampihaingoana ny rihana sy ireo lapa , ary ireo toeram-pivarotana! Vakiana amin'ny marary mba hahasitrana azy! Hakana fahasoavana ny fametrahana ny takelaka avy aminy ao anaty sakafo sy ny mitovy aminy! Ary ny ankoatra izany!

Fa ny rindram-piainana kosa, sy ny drafitr'asa, ary ny lalàm-piaraha-monina, sy ny lalàm-panjakana, ary ny bokim-bahoaka dia tsia!

Ary ny tena mahagaga: dia nanjary ho toy izany ilay boky, izay hitan'ny mpino silamo, sy ny tsy mpino silamo, fa fanohitra tsara indrindra, sy lalàm-piainana feno fahasambarana-araka ny heviteny tanteraka- bokim-balisoa sy fahasoavana ary ny hafa!

Ka moa azo andrasana avy aminy aorian'izany ny hanatsarany ny fiainana an-tany, na hitarihany any amin'ny fahatsarana?
Marina tokoa fa ny olona natanjaka sy nanam-pahalalana ary nanam-pahahefana tamin'ny fitantanan-javatra..raha atsipy ao anaty fonja, mitoka-monina miala amin'ny tontolo, dia tsy afaka ny hitantana sy handamina.

Ka moa ve azo antoka ny fizoran'ny fiainana ho any amin'ny fahasambarana sy ny fahatsarana, amin'ny alalan'ny boky miala misintaka tanteraka amin'ny fiaraha-monina?

Firifiry amin'ny mpino silamo, ankehitriny, no mahay mamaky ny Kor'any?
Ary firy amin'izy ireo no mamaky ny Kor'any, na dia indray mandeha isan-kerinandro aza?
Ary firy amin'izy ireo no mahafantatra ny famakafakana ny Kor'any sy ny heviny?
Ary firy amin'izy ireo no mampihatra ny fitsipi-dalàny, sy manaraka ny fampianarany?
Ary tsy mihevitra aho fa mieritreri-dratsy ny mpino silamo raha miteny:
Ny isan'iretsy voalohany, raha mihoatra amin'ny vondron'ny mpino silamo : dia iray mihoatra ny arivo.
Ny isan'iretsy faharoa mihoatra amin'ny mpino silamo rehetra : dia iray anatin'ny 10 000.
Ny isan'iretsy fahatelo mihoatra amin'ny mpino silamo rehetra : dia iray anatin'ny 100 000.

Ny isan'iretsy fahefatra mihoatra amin'ny mpino silamo rehetra : dia iray anatin'ny 250 000.
Ny isan'iretsy fahadimy mihoatra amin'ny mpino silamo rehetra : dia iray anatin'ny 500 000.
Ary tsy miresaka ireo izay mampihatra ny ampahany amin'ny fitsipi-dalàna aho, satria ny mpivavaka sy ny mpifehy, ary ny mpanome harena fiantrana, ny mpaniraka amin'ny fahatsarana, sy ny maro ankoatra azy ireo, izay maro tokoa. Fa ny tena tiana hahatongavana dia izay mampihatra ara-bakiteny ny Kor'any eo amin'ny fiainany.

Ohatra :firy ny hitanao fa mampihatra ity andian-teny ity : **« izay manetry tena ao amin'ny Fanompoany, fa manalavitra ireo zavatra tsy misy antony, ary manome ny harena fiantrana (zakat), ka miaro ny taovam-pananahany amin'ny firaisana (voarara), afa-tsy amin'ny vadiny, na ireo mpanompovavy izay eo amin'izy ireo, ary hamafisina, fa tsy azo kianina amin'izany izy ireo, fa ireo izay mitady izany, ivelan'ireny fetra ireny kosa, dia mpandika lalàna. Izay mitandrina tsara ireo zavatra nankinina taminy, sy izay manaja ny fampanantenana nomeny, ary izay manatanteraka an-tsakany sy an-davany ny vavaka fanompoany »** (Al mou'minouna)

**« fa ny aina solon'ny aina, ny maso solon'ny maso »** (Al ma-idah 5.45).

« **Ireo mpino, dia ireo izay mientana ny fony rahefa tsiahivina ny anaran'Andriamanitra. Ary rahefa tanisaina eo amin'izy ireo ny teny famantarany, dia mampitombo ny finoan'izy ireo izany »** (Al anfâl 8.2).

**« Ka lazao, fa raha toa ny rainareo, ny zanakareo, ny rahalahinareo, ny vadinareo sy ny havanareo, ireo harena izay efa azonareo, ny varotra izay atahoranareo hihena, ary ny fonenana izay mahafinaritra anareo no tianareo kokoa mihoatra an'Andriamanitra sy ilay Irany, ary ny fitolomana amin'ny làlany, dia andrasonareo àry, fa handefa aminareo ny baikony (saziny)**

**Andriamanitra. Fa tsy mitari-dàlana ireo olona ratsy fanahy Andriamanitra »** (At-taouba 9.24)

Ary hafa rehetra ankoatra izany.

Ka firy amin'ireo mpino silamo no manana ireo toetra ireo?
Manetry tena sy manam-pahatahorana ao anatin'ny vavaka fanompoany..
Sy mitandrina ny fitokisana napetraka taminy, ary ny fifanekena..
Ary rahefa tsiahivina ny anaran'Andriamanitra, dia mientana ny fony, rahefa tanisaina eo amin'izy ireo ny teny famantarany, dia mampitombo ny finoan'izy ireo izany.
Ary Andriamanitra sy ny irany, ary ny fitolomana amin'ny làlany no tiany kokoa mihoatra ny zava-drehetra am-po sy amin'ny asa, fa tsy imolotra sy antso fotsiny.

Moa ve amin'ny mpino silamo 600 tapitrisa, (mahatratra 2 lavitrisa ny mpino silamo ankehitriny) ahitanao 1200?

Tena marina izany teny izany, tsy hoe akory eritreri-dratsy atao amin'ny mpino silamo ! Fa eritreritra tsara tokoa amin'ny Kor'any.

Raha toa ny mpino silamo ka mampihatra an-tsakany sy an-davany tokoa ny Kor'any, eny fa na dia ireo isa vitsy monja amin'izy ireo aza, dia amin'ny toerana tsy tahaka ny hahitantsika azy no misy azy ireo amin'izao fotoana izao.

Marefo sy osa tokoa ireo olon'i Badr, nefa nanao ahoana ny vokatra?

## Ny Kor'any maharitra mandrakizay

Mety hifampanontany ny sasany: nahoana no maharitra mandrakizay ny Kor'any?

Ny valin'izany moa dia tsotra tokoa, tsy mila fandinihana lalina, sy fifantohana tanteraka mandreraka!

Ny Kor'any dia mirakitra fahamarinana amin'ny ankapobeny, ary ampahana sori-dàlana.
Ary ny fahamarinana, dia tsy miovaova, ny sori-dàlana dia mifanentana hatrany amin'ny vanim-potoana rehetra.

Koa nahoana no hihatra aminy ny fahatapahana?
Tena marina ny fahatapahana dia miseho amin'ny sarintsarim-pahamarinana, sy sori-dàlana voafetran'ny fotoana, ary tsy misy amin'ny Kor'any moa izany zavatra izany.

Fa ny fahamarinana raiketin'ny Kor'any:

a) Ny fiandohana: Andriamanitra, sy ireo toetrany, ary ny fahitsiany.
b) Ny hafatra: solontena sy mpanelanelana an'Andriamanitra sy ny zava-boahariny.
d) Ny fiafarana: fiverenan'ny olombelona aorian'ny fahafatesany any amin'ny Tompony, mba hamaliana ny asa izay nataony.
e) Ny tantaran'ireo vahoaka teo aloha: Houd, 'Aad, Thamoud, Fir'aona, Hâmân, Namroud, …Ibrahim, Adama, Moussa, Nouh, Younous, Lota, Issa (Jesosy), Ylyas, ary Mohammad (ho eo amin'izy rehetra ireo anie ny fitahian'Andriamanitra).
f) Ary ny hafa ankoatra izany.

Ka moa ve miova ireo fahamarinana ireo?

Ka hiaraka sy hitambatra amin'Andriamanitra ny hafa ankoatrany, na hiova ho tsy rariny ny fahitsiany? Tsia! Na hiova ho olontsotra ilay Mesia, Ilay Iraka (ho eo aminy anie ny fitahian'Andriamanitra)? Tsia! Na ho foana ny fiverenana? Tsia!

Ary toy izany no lazao, amin'ireo sisa mitovy amin'izany fahamarinana izany.

Fa ny amin'ny sori-dàlana kosa:

Ny marina, ny fanajam-pitokisana, ny fanatanterahana ny fanekena, ny fanetrentena ho an'Andriamanitra amin'ny vavaka fanompoana (salat) sy ny fivahinianana masina (hajj), ny fanampiana ny mahantra, ny fananganana ny tombontsoa iombonana ho an'ny rehetra amin'ny alalan'ny harena fiantrana (zakat) sy ny ampahadimin-karena (khoums), ny fanomezana, ny fampirisihana amin'ny tsara, ny fandrarana ny ratsy; ny fifanampiana, ny fifankatiavana, ny fiaraha-monina, ..ny fifandovana feno fandanjalanjana, ny fanambadiana sy ny fisarahana, ny rohim-pihavanana, ny famaizana sy ny onitra mifanaraka amin'ny zava-misy ankapobeny, ny varotra sy ny fifampitondrana marina, ny fanalavirana ny zava-doza sy manimba, toy ny toaka, ny fanjanaham-bola, ny filokana, ny fanompoan-tsampy.

Sy ny sisa hafa rehetra.
Moa ve rava izany sori-dàlana izany? Tsia!

Ny marina dia tsy nivadika ho fahambaniana, na ny famadihana ho fahamendrehana, na ny fanamboniantena amin'Ilay Mpahary sy Mpanome anjara masoandro ho fahatsarana, na ny fanampiana ireo mahantra sy ireo maty vady ho faharatsiana. Sy ny toy izany.

Izany no tsiambaratelo fa ny Kor'any sy ny zava-draiketiny amin'ny ankapobeny, dia tsy matahotra ny fahalalana, fa mitandro kosa ny fahalalana, ka isaky ny mandroso ny fahalalana, dia miseho mihamaro ny fahamarinana raiketin'ny Kor'any.
Miteny ny tompon'ny boky (Topimaso amin'ny Kor'any/ Cheikh Mohammad Al Ghazali): "ny faharetan'ny Kor'any ho mandrakizay dia miverina any amin'ny fahamarinana ankapobeny izay nampidinina taminy".
Marina tokoa, fa any ho any dia misy fahalalana, ahitana fahadisoana, sy fahamarinana, ka ny fisian'ny fiovana amin'izany dia mazava loatra, fa ny amin'izay mitombina kosa ny fahamarinany,

rehefa mandalo ireo andro dia tsy hahazoana na inona na inona intsony aminy.

Raha voamarina, fa ny zavatra roa mifanohitra dia tsy mety mitambatra, sy miara-miainga, na fahadisoana roa mifandanja, dia tsy afaka ny hihaona, ka izany fanamarinana izany dia tsy miavaka amin’ny fahasamihafan’ny alina sy andro, izay efa taon-jato folo lavitra tany, mitovy aminy taon-jato folo tany aloha.

Any ho any dia misy fitsipi-pahalalana maro, nahatratra io dingam-pahamarinana io, fa tsy ny fahanterany akory no tsy hijerena ny anjara toerany.

Ary ny fahalalana izay nentin’ny Kor’any, izy rehetra dia avy amin’izay endrika tsy maintsy nananany izay amin’ny fahamarinany, ka mitovy izany na ny namaritany ny voary, na ny nitantarany ireo tantara tany am-boalohany.

Na ny fototra sy ny lesona izay noraisiny ho fampandrosoana ireo vahoaka , sy ny naharendrika azy.

Ary izay rehetra nanaraka izany amin’ireo toro-hevitra tsy ankanavaka ho an’ny olombelona manontolo.

Izany fahamarinana izany..tahaka ny fiitaran’ny sehatra misy azy tamin’izay tonga tamin’ny Kor’any amin’ireo toetra sy vaovao, ny lalàna voatsoaka, dia mirakitra ihany koa ny fandidiana rehetra sy ny fandrarana, izay mamaritra tanteraka fitondrantena amin’ny ankapobeny sy ny fanitsiana azy amin’ny sori-dalana voafetra, satria ny fahitsiana dia tsy ho very ny iray aminy.

Ary tahaka ny fahamarinana tsy misaraka amin’ny fanambarana izay tonga tao amin’ny Kor’any masina, dia torak’izany koa tsy hisarahan’ny hitsiny sy ny hatsarana, ny tombontsoa manokana sy

iraisana, avy amin'ny ambin'ny fanambaran'Andriamanitra, miantona eo amin'ny asan'ireo mpanatanteraka izany.

Andriamanitra dia tsy nandidy zavatra iray ka azo atao ny miala aminy, na nandrara zavatra iray ka mety ny fanaovana azy!

Ary ny taon-jato taloha sy ny vaovao dia mitovy ao anatin'izany.

Ny olombelona dia mety manova ny teniny ; raha manao fahadisoavana izy anatin'ny tantara tantarainy, na nitranga taminy ny tsirambina tamin'ny lalàna navoakany na tonga taminy ny tsy fahaiza-mandanjalanja tamin'ny famoahany didy iray, ka raha afa-tsiny izy tamin'izany lesoka rehetra izany, nefa ny teny tsy mivoana amin'ny ilàna azy, ka nahoana no ovaina ny teny ? ary inona no tsininy?

Tena marina ny Kor'any masina mitoetra hatrany amin'ireo vanim-potoana rehetra, satria ny teny rehetra ao aminy dia tsy misy ireo lesoka ireo : **« Boky lavorary tokoa ity (Kor'any) amin'ny firafiny, sy ny heviny, avy amin'llay be Fahendrena sy Mpahalala tongalafatra »** (Houd 11.1).
Ary ny fanatentarahana ny heviny, araka ny fahamarinana, dia toy ny fisehoan'ny tara-pahazavana amin'ny hazavana, ary ny fahamarinana dia tsy miova sy tsy miala, ary izany no tsiambaratelon'ny faharetan'ny Kor'any ho mandrakizay.

Eny : ry zareo tandrefana dia manda ny fanazavana ireo zava-mihetsika ara-materialy.. ny fanahy sy ny djiny !
Ary mitsikera ny fahasamihafan'ny zon'ny vehivavy amin'ny an'ny lehilahy.
Nampiditra ny fomba fiheverin'i Darwin, ny amin'ny fiandohan'izao tontolo izao.
Nampisy ny fitsipika ara-bola kapitalisma sy marksisma !
Namorina ny lalàm-pitondrana mandala ny demokrasia tandrefana !
Saingy nanjavona anefa izany tamin'ny fanandramana voalohany !

Tena marina, ireo fiheverana ireo dia mifanipaka amin'ny Kor'any ; ary nanomboka nitsikera ny Kor'any ireo mpandrabiraby noho ny firaiketany ireo fahamarinana ireo, fahamarinana mifanohitra amin'ny fahalalana !!
Ary fahamarinana inona anefa izany ?

Avy eo anefa dia tsy naharitra izao tontolo izao fa nahafantatra ny fahamarinana, ka niverina any amin'ny tokony ho izy.

Tamin'ny taon-jato feno haizina faramparany dia nisy fahadisoam-panantenana - tsy tamin'ny taon-jato teo anelanelany ihany – ka tsy maintsy ho avy ny andro izay hilazan'ny Kor'any masina ny teniny farany :
**« mba hampandreseny azy manoloana ny finoana rehetra, na dia mankahala izany aza ireo mpampitambatra (mpanompo sampy) »** (At-taouba 9.33/ As-saff 61.9).

## Ny Islamo

'Adnân : inona moa ny Islamo ?
Mahdi : Ny Islamo dia manana andry telo :
1- Ny finoana am-po lalina.
2- Ny teny amin'ny lela.
3-Ny asa ataon'ny rantsam-batana (araka ny voatondron'ny hadisy : « niteny ny Mpaminany (ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahian'Andriamanitra) : ny finoana dia fanekena ao am-po, sy teny ataon'ny lela, ary asan'ny rantsam-batana » Bihâroul anhâr : v.74 p 160).
'Adnân : inona no tsy maintsy inoany ?
Mahdi : Ny finoana ireo fototra dimy.
'Adnân : Ka inona ireo fototra dimy ireo ?
Mahdi : Izy ireo dia :

a) Ny finoana an'i Allah (Andriamanitra), ary Izy no Mpahary sy Mpanome anjara masoandro, Mpamelona sy Mpamono, Mahalala sy Mahefa ny zava-drehetra.
b) Ny finoana fa Izy dia mahitsy, tsy manao ny tsy rariny.

d) Ny finoana fa dia Iraka nirahina ho an'ny zava-boahary rehetra, mba hamonjeny azy ireo avy amin'ny fijaliana rehetra mankany amin'ny fahasambarana.

e) Ny finoana fa ny Mpaminanin'ny Islamo Mohammad (ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahian'Andriamanitra) dia nanondro mpandimby 12 izay nifanarakaraka, mandray ny toerany. (avy amin'i Yiyas Ibn Salama Ibn Al ouqou'ou, niteny naheno an'i Abou Saiid aho niteny hoe : naheno ny Irak'Andriamanitra aho (ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fithian'Andriamanitra) niteny hoe : « ireo mpandimby aoriako dia 12 ; ny sivy avy amin'ny taranak'i Houssein, ary ny fahasivy no mpampijoro azy ireo, fiadanana ho an'ireo izay mitia azy ireo, ary loza ho an'ireo mankahala azy ireo » (Bihâroul Anhâr : v.36 p.292)

f) Ny finoana fa ny zava-boahary dia ho velona aorian'ny fahafatesana, mba handray ny valin'asany.
'Adnân : Ary inona no hevin'ny teny amin'ny lela ; izay anisan'ny fototry ny Islamo ?
Mahadi : ny teny amin'ny lela, dia ny fijoroana vavolombelona roa, izy roa ireo dia : mijoro vavolombelona aho fa tsy misy andriamanitra afa-tsy Allah (Andriamanitra), ary mijoro vavolombelona ihany koa aho fa i Mohammad dia irak'Andriamanitra.
'Adnân : inona ny asa ataon'ny rantsam-batana ?
Mahdi : ny asa ataon'ny rantsam-batana dia izay ataon'ireo taovam-pandre dimy :
1- Ny fahitana.
2- Ny fihainoana
3- Ny fandrenesana tsiro.
4- Ny fanamboloana.
5- Ny fitsapana.

Tanteraka ny tanjon'ny Islamo: fanatanterahana ireo didiny, ary fialana ireo fandrarany.
'Adnân : ary moa ve ny Islamo manana lalàna manokana ho an'ny olombelona ?

Mahdi : eny, ny Islamo dia mitsinjara ho hetsika, sy fahanginana, teny sy asa, ho any amin'ny fizarana dimy, ary ny mpino silamo dia ilay mpanaraka ny Islamo ao anatin'ireo fizarana dimy ireo.

'Adnân : inona ireo fizarana dimy ireo ?

Mahdi : izy ireo dia :

a) Al wâjibo, izay tsy maintsy tanterahana.

b) Al harâmo, izay tsy maintsy avela.

d) Al mostahabo, izay tokony atao.

e) Al makrouho, izay tokony ajanona.

f) Al moubâho, izay mitovy ny fanaovana sy ny famelana azy.

'Adnân: moa ve ny raharaha manontolon'ny olombelona dia voafehin'ny fitsipi-dalàn'ny Islamo?

Mahdi: eny, ny Islamo dia tsy namela ny zava-madinika sy ny lehibe indrindra mikasika ny fiainana, raha tsy nohazavainy, ary noferany ny fetrany.

'Adnân: hatramin'ny varotra, sy fanjifana, ny fihinanana sy ny fisotroana!

Mahdi: eny, fa na dia ny faran'ny bitika indrindra noho izany aza!

‘Adnân: ka ny amin’ireo trangan-javatra vaovao- toy ireo famoronana vaovao- ahoana no hanazavan’ny Islamo azy ireny?

Mahdi: ohatra hoe inona?

‘Adnân: toy ny fiara-manidina, ny telefaonina, ny fampotserana voasary, ny herin’aratra.

Mahdi: ka inona amin’ireo no vaovao ao anatin’ny fanazavan’ny Islamo?

‘Adnân: ary ahoana moa no tsy vaovao, nefa izy ireo zavatra vao nitranga, izay tsy nisy tamin’ny andron’ny Mpaminanin’ny Islamo, sy ireo mpitarika mpandimby azy, ka ahoana no nahafantaran’izy ireo izany mba hamoahany ny lalàny?

Mahdi: ny Islamo dia tsy toy lalàna napetraky ny zanak’olombelona, satria izy ireo tsy manana ny fahalalana ny hoavy..

Ny Islamo dia napetrak’Ilay Mpahary ny olombelona, ary Ilay Mpahary dia mahafantatra ny zava-drehetra: ny lasany..ny hoaviny..ary ny ankehitriny; ka noho izany mora aminy ny fametrahana lalàna hiantoka ny fanazavana trangan-javatra rehetra, na dia izay mbola ..hiseho afaka an-jato taonany sy an’arivony maro aza.

‘Adnân: ahoana no hanazavana ireo lalàn’ny trangan-javatra vaovao niforona?

Mahdi: hazavainy izany amin’ny ankapobeny, ohatra: **“Izy no Ilay Nahary ho anareo izay rehetra mieli-patrana maneran-tany”** (Al baqara 2.29).

“ny zava-drehetra dia azo atao avokoa, mandra-pahalalanao azy fa voarara” (wasa-il a-s shia v.12 p.1), sy ny mitovy amin’izany.

‘Adnân: ary raha manimba ny zavatra avy amin’ny famoronana; dia ahoana no hanomezan’ny Islamo alalana izany?
Mahdi: raha manimba ny zavatra iray, dia tsy manome alalana izany ny Islamo, fa mandrara izany izy.
‘Adnân: fa ahoana?
Mahdi: satria ny Islamo, dia nametra fa ny zava-drehetra manimba tanteraka dia voarara:
« **Ary aza mandefa ny tànanareo any amin’ny fahapotehana »** ‘Al baqara 2.195).

Ary « ny manimba rehetra dia ho an’ny vatana », ary « tsy misy fahasimbana ary tsy misy fanimbana »
(moustadrak al wsâ-il v.13 p.308). Sy mitovy amin’izany.

‘Adnân : miangavy anao mba hanazava ahy izany ?
Mahdi : tena marina ny Islamo dia nanazava fitsipi-dalàna rehetra, saingy nanambara izy fa izany dia mizara roa :

1- Nanazava izany izy amin’ny antsipirihany.. ohatra : ny tsy maintsy hanatanterahana ny vavaka fanompoana (salat).
Ny mahaha voarara ny toaka.
Sady tsy voarara ny rano, no tsy voatery.
Ny tokony hamoahana fanomezana.
Ny tsy maha tsara ny hakamoana.

2- Nanazava izany izy amin’ny ankapobeny..ohatra : ahazoana alalana ny tsara rehetra. Voarara izay rehetra manimba.
Tsara ny fanaovana izay rehetra mahatsara ny vatana sy fitafy, ankoatra izay voarara, ary dia toy izany.
‘Adnân : ny Islamo, araka izany, dia miditra an-tsehatra amin’ny lafim-piainana manontolo !

Mahdi : eny, miditra izy…amin'ny varotra sy fanjifana, ny fampanofana, ny fakana takalo ho sandan'ny trosa, ny fifampizarana amin'ny fambolena, ny voly notondrahana, sy voatondraky ny orana..

Ny amin'ny vavaka fanompoana (salat), sy ny fifehezana (syâm), ny fipetrahana sy fanokanantena anaty trano fivavahana anatin'ny volana ramadany, ny fandroana, fampirisihana amin'ny tsara, fandrarana amin'ny ratsy, ny fisaraham-panambadiana, ny fanambadiana, ny fampiasana harena, ny fanambadiana maro, ny fizarana ny andro iarahana amin'ireo vady, ny fanoheran'ny vehivavy ny vadiny.

Ny amin'ny fitsarana sy ny fijoroana vavolombelona, ny fampidirana am-ponja sy ny fikapohana, ny famonoana sy ny famantsihana.
Ny amin'ny fijangajangana, ny fandripahana, ny halatra, ny fakana an-keriny, ny fandratrana, sy ny fanapahana ireo taova sy rantsam-batana.
Ny amin'ny fanjanaham-bola, fanafenana ireo sakafo foto-pivelomana, ny fanararaotana sy fanjanahana, ny fampiasam-bola, ny fahaleovantena..
Ny amin'ny mpitondra sy ny ho entina, ny ministera sy ny fahefana, ny mpitondra sy ny vahoaka.
Ny amin'ny politika sy ny fiaraha-monina, ny kolontsaina sy ny toe-karena, ny fandriam-pahalemana sy ny ady.
Ny fifanekena iraisam-pirenena, ireo vitsy an'isa monina amin'ny tany iray, fampitsaharana ady sy fampihavanana.
Ny amin'ny fifandraisan'ny zanaka sy ray aman-dreny, ny mpianakavy akaiky sy mifanalavitra, ny mpifanolobodirindrina, sy ny mpinamana aman-tsakaiza..
Ny amin'ny velona sy ny maty, ny lova sy ny fananana navela, ny mpino silamo sy ny mpino..
Ny amin'ny zavatra, eny, ny amin'ny zavatra rehetra..

'Adnân: tena mahagaga tokoa izany! Efa naheno aho: fa ny Islamo dia finoanan'ny fanompoana, sy vavaka ary fifehezana, trano fivavahana ary fivahinianana masina..fa ny lafim-piainana

andavanandro kosa dia anjaran'ny fitsipi-dalàna avoakan'ny solom-bavambahoaka.
Mahdi: eny..tena marina fa izany zavatra faheno izany dia mipariaka tokoa, ary tsaho tsy marina, hanombohan'ny ady atao amin'ny firenena mpandala ny Islamo; efa ho antsasaka taon-jato izay, hatramin'ny vanim-potoana izay nidiran'ireo tsy mpino amin'ny raharahan'ny mpino silamo. Izy ireo dia mikendry ny hanasarahana ny Islamo amin'ny fiainana, mba hahazoan'izy ireo izay rehetra tadiaviny, ary dia nataony tokoa izany!!

## Moa ve mety?

Majid: moa ve mety ny fampiharana ny Islamo amin'ny fiainana arak'asa mihitsy?
Sadiq: fa nahoana moa no tsy mety?
Majid: satria sarotra tokoa izany.
Sadiq: mahagaga ny teninao!! Fa nahoana no sarotra ny fampiharana ny Islamo?
Majid: satria mifono zava-tsarotra izy, ka tsy mety ny fampiharana azy ankehitriny.
Sadiq: fa ahoana?
Majid: maro moa ireo ohatra amin'izany, ka handray ohatra isika ho fandresen-dahatra:
Tena marina ny Islamo dia mandrara ireo "Banky", nefa izy dia mitondra fanohitra lehibe amin'ny toe-karena, amin'izao fotoana izao, ka raha hakatona ireo banky dia hikorontana ny lamina ara-toe-karena.. ary iaraha-mahalala fa ny toe-karena dia isan'ny hery lehiben'ny fiainana sy manan-danja.

Sadiq: tsy misy lalàna sarotra na oviana na oviana ao anatin'ny Islamo; fa mifanohitra amin'izany, satria ny fitsipi-dalàn'ny Islamo dia

mora dia mora tokoa mihoatra ireo lalàna rehetra ankehitriny: na atsinanana izany na andrefana.
Ary izay ohatra notsiahivinao teo ny amin'ny mahasarotra ireo fitsipi-dalàna islamika dia midika ny tsy fandalinanao araka ny tokony ho izy ny Islamo; ary izany teninao izany dia ivelan'ny fetra.

Fa ny amin'ny ohatra nentinao kosa, dia iza no nilaza taminao fa ny banky dia voarara?
Tena marina ny banky dia ahitana zavatra telo:
1- Fampisamborana, sy fisamborana.
2- Manao raharaham-barotra.
3- Fanjanaham-bola.

Ary ny Islamo dia mampirisika ny fampisamborana: **"fa na iza na iza mampindrina an'Andriamanitra fampindramana tsara, dia haveriny aminy avo heny maro izany"** (Al baqara 2.245/ Al hadid 57.11) .
Tahaka ny nanomezany alalana ny varotra, ary miangavy izany mihitsy izy: **"raha tsy efa nisy fampiraharahana nifanekenareo"** (An-nissa 4.29).ary "izay mahazo dia sakaizan'Andriamanitra".

Eny: mandrara ny fanjanaham-bola ny Islamo noho ny vokadratsy lehibe misy ao aminy, voamarina amin'ny fahalalana ankehitriny, fa ny fandraran'ny Islamo ny fanjanaham-bola dia tsy midika ho fanakatonana ny banky akory, fa ny heviny dia ny fandidiany ny fanadiovana ny banky amin'izany zava-doza izany, izay isan'ny fototry ny kapitalisma, ary izany dia fanamorana fa tsy fanasarotana.

Ny banky izay tsy ahitana fanjanaham-bola dia mahasoa ny fiaraha-monina, mihoatra ny banky izay mampanjana-bola.

Majid : fa avy aiza no hanentsenan'ny banky ny vola laniny, ny karaman'ireo mpiasa ao aminy, sy ny hafa ankoatra izany ?

Sadiq : tsotra tokoa ny amin'izany, ny hanentsenany ny vola lany dia iray amin'ireto tranga ireto :

1- Amin'ny alalan'ny fakana tombony, ka ny fampisamborana sy ny fisamborana dia hakana ambony ampanga avokoa.

2- Ny fandoavan'ny fanjakana ny fampiasam-bolan'ny banky.

Majid : ary moa ve andraikitry ny fanjakana ny manao izany ?

Sadiq : eny, andraikiny izany, raha toa izy ka mitsangana ho tombontsoan'ny mpino silamo sy ho tombontsoan'izy ireo, satria ny ampahany amin'ny harena fiantrana (zakat) izay hetra araka ny finoana Islamo dia ampiasaina amin'ny làlan'Andriamanitra, ka izany dia isan'ny tombontsoa amin'ireo tombontsoa maro, tahaka izay hita ao amin'ny bokin'ny lalàna.

Majid : tena marina aho talohan'izay teninao izay dia tsy nahafantatra ny mikasika izany mihitsy.

Sadiq : izay indrindra no nilazako fa : tsy mbola nandalina araka ny tokony ho izy ny Islamo ianao.

Majid : nilaza ianao nandritra ny resakao : fa ny fitsipi-dalàna Islamo dia tsotra tokoa mihoatra amin'ny lalàna rehetra, moa ve ianao afaka mitondra ohatra amin'izany ?

Sadiq : izany dia mitaky fianarana miaraka amin'ny famakafakana ankapobeny, saingy hitondra ohatra ihany isika eto manaporofo ny fahamarinan'izay lazaintsika :

1- Ny hetra : Ny hetra araka ny finoana Islamo : dia ny harena fiantrana (zakat), ny ampahadimin-karena, hetran-tany, ny hetra alohan'ireo tsy mpino silamo monina eo amin'ny tany mandala ny finoana Islamo, izay ihany, fa hetra amin'izao fotoana izao kosa, dia misy hetra avokoa ny zava-drehetra, hatramin'ny vovoka sy ireo faty.

2- Ny tany : ny Islamo dia miteny hoe : izay mamelona ny tany efa maty, dia azy izany, nefa ny lalàna amin'izao fotoana izao dia miteny : tsy maintsy vidiana amin'ny fanjakana ny tany.

3- Ny varotra, ny Islamo dia manome alalana ny karazam-barotra rehetra, afa-tsy izay voarara, toy ny toaka, sy ny fanjanaham-bola, ary ny fanafenana ny foto-tsakafo avy eo fivarotana izany lafo dia lafo ; sy ny rehetra mitovy amin'izany.Saingy ny lalàna dia mametraka fetra ho an'ny varotra, ary maka aminy karazan-ketra, ary mandrara ny varotra sasany ihany koa amin'ny alalan'ny hoe varotra tsy ara-dalàna.

4- Ny fipetrahana amina toerana iray sy ny fandehanana ; ny Islamo dia manome alalana ny fipetrahana sy fandehanana tsy misy teritery sy fandrarana, ny lalàna anefa mahita fa tsy maintsy ilaina ny zo-pirenena sy karapanondrom-pirenena, ny tapakila, ny faharetan'ny fipetrahana, ary ny hafa ankoatra izany, ary dia maka sandany amin'izany rehetra izany, ary tsy azo atao ny mandeha sy mipetraka raha tsy mahazo alalana manokana.

5- Ny fiantohana ara-piaraha-monina, ny fanjakana dia tsy miantoka ny tsirairay raha tapaka amin'ny asa, noho ny fahanterana, na ny tsy fahafahana; na tsy fisian'ny asa, na hafa ankoatra izany, ianao kosa mahita fa ny Islamo dia miahy ny mahantra rehetra, eny fa na dia tsy ahitana mahantra aza amin'ny firenena islamika, fa ambonin'izany: "izay maty nitondra trosa , dia anjaran'ny fanjakana islamika no mandoa ny trosany".

6- Ny fanamorana, ny Islamo dia mametra ny mpikambana anaty sehatr'asa: ny mpitsara, ny mpitondra, ny tafika voafantina, nefa ny lalàna mamorona tafika marobe anaty sehatr'asa iray, izay tsy misy anjara asany akory afa-tsy fitondrana fahasarotana, ary mampisy

olana eo amin'ny tsirairay sy ny fiaraha-monina. Ary ny hafa ankoatra izany.

Moa ve izay tsy ampy ho porofo amin'ny mahatsotra ny fitsipi-dalàna Islamika mihoatra amin'ny lalàna sy fitsipika rehetra?

Majid : tena misaotra anao aho, tsy mbola naheno izany aho talohan'izao, ary tsy nahafantatra ny amin'ny Islamo aho afa-tsy ny hodiny ivelany fotsiny.

**Nihatra ve izy?**

Fanontaniana : moa ve nihatra ny Islamo tamin'ny vanim-potoana iray ; mba hanararaotanay ny fampiharana azy indray?

Valiny: eny; nihatra izy tamin'ny vanim-potoana rehetra, afa-tsy noho ny antony manokana, indrindra ny tapatapaky ny taon-jato faha 14.

Fanontaniana: ahoana no nampihatra azy, nefa ireo mpitondra sy mpitantana sasany sy ny hafa ankoatra azy ireo dia nanao faharatsiana maro?

Valiny: ny fampiharana ny lalàna dia tsy midika fa ny rehetra dia mampihatra izany avokoa, fa ny tiana ambara dia ny maha loko ankapobeny izany lalàna izany ho an'ny firenena.

Ary ny Islamo hatramin'izay niposahan'ny hazavany izay, ny nisiany tao Hijaz ka mandra-pirodan'ny firenena Islamika ho eo ampelatanan'ireo tsy mpino- talohan'ny antsasaka taon-jato- dia nihatra tamin'ny firenena islamika izay nipariaka tokoa, ireo mpitondra tamin'izany dia nitondra tamin'ny anaran'ny Islamo, ary ireo mpitsara dia nitsara araka ny lalàn'ny Islamo, ireo mpitantana dia nanatanteraka ny didin'ny Islamo, ary ny vahoaka nanaraka ny soridalan'ny Islamo.

Ka noho izany, tsy nisy tamin'ny firenena islamika ireo toeram-pivarotana toaka, toerana fanaovan-dratsy, na banky mampanjana-bola, na mpitsara mitsara araka ny lalàm-panjakana! Na sehatra mpanao lalàna ka ivelan'ny firenena islamika no hakana izany.

Fa ny fiverenana faratampony amin'ny trangan-javatra rehetra: dia ny boky masina Kor'any, sy ny fomba amam-panaon'ny Mpaminany, ary izany dia tsy manda: fa ny mpitondra indraindray dia mety nisotro toaka rehefa irery iny izy, na niloko niaraka tamin'ny namany, ratsy amin'ny tenany izy noho izany , sy ny maha irery azy, fa ny lokon'ny firenena kosa, ny mpitantana amin'ny endrika ivelany dia niaina ny Islamo, nandala ny fitsipi-dalàna araka ny Islamo.

Fa ny teny hoe: tsy nampiharina ny Islamo, dia avy any ivelany, ary fanampiny, lainga izany ary famoronana!!

Ary izany teny  izany dia mitovy amin'ny fitenenana hoe: tsy nampiharina ny foto-kevitra tamin'ireo foto-kevitra maro satria ny mpitondra faratampon'ny fanjakana dia tsy nankato izany foto-kevitra izany ara-bakiteny.

Fanontaniana: moa ve mety ny fampiharana ny Islamo ao anatin'izany tranga izany?

Valiny: mety izy, ary ambonin'ny mety aza, raha toa ka misy ambony ny mety!

Fanontaniana: fa ahoana?

Valiny: tena tsotra, raha mahafantatra ireo mpitondra firenena islamika izy, ilay Islamo marina, dia iza amin'izy ireo no tena akaikin'ny fampiharana ny Islamo?

Fanontaniana: any ho any dia misy olona, miteny hoe: izy ireo dia tsy mahavita mampihatra ny Islamo, noho ny antony roa:

1- satria  ireo tsy mpino dia tsy mamela azy ireo hanao ny andraikiny, rehefa nahafantatra ny´herin'ny Islamo sy ny mampitombina azy tanteraka.

2- rehefa te-hampiatra ny Islamo izy ireo dia lalaovin'ireo tsy mpino ny fitondran'izy ireo, ka  noho ny fahatahorana ny hionganan'izy ireo amin'ny sezany dia tsy miroso amin'izany zava-doza izany izy ireo, moa ve marina izany ?

Valiny : tsia ! tsy misy tara-pahamarinana mihitsy izany teny izany.

Ny amin'ireo tsy mpino tsy mamela azy ireo handray ny andraikiny kosa dia resaka tsy misy lanjany, satria ny firenena mandala ny Islamo dia manana tanjaka sy harena, miantoka ny fahombiazana amin'ny sehatra rehetra, ary indrindra indrindra sehatry ny Islamo izay tena tian'ny vahoaka.

Ny amin'ny tahotr'ireo mpitondra amin'ny filalaovan'ny tsy mpino ny toeran'izy ireo indray, rehefa mitady hampihatra ny Islamo izy ireo , dia ny mifanohitra amin'izany no misy, raha toa ka mandala tanteraka ny Islamo ny mpitondra, satria vao mainka hahazo hery izy, herin'ny finoana sy herin'ny vahoaka, fanampiny, ireo herim-panjakana rehetra eo am-pelatanany, ary ny vahoaka mazava loatra fa mankato, mifikitra amin'ny mpitondra mampihatra ny Islamo bebe kokoa ; ka izany dia isan'ny manampy hery azy, sy fiarovana, ary tanjaka sy fahefana.

## Ny mpitarika (Imamo)

Said **:** iza moa ny Imamo ?

‘Adil : ny Imamo dia ilay mpandimby ny Mpaminany Mohammad (ho eo aminy ny fianakaviany anie ny fitahian’Andriamanitra).

Said : iza no manendry azy : ny vahoaka ve, sa ny Mpaminany, sa Andriamanitra ?

‘Adil : Andriamanitra no manendry ny Imamo, ary ny Mpaminany no manambara izany amin’olona.

Said : moa ve ny Mpaminanin’ny Islamo (ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahian’Andriamanitra) dia nanendry mpandimby aoriany ?

‘Adil : eny, nanendry izy.

Said : iza no notendrin’ny Mpaminany (ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahian’Andriamanitra)?

‘Adil: nanendry mpandimby 12 izy, nifanesisesy.

Said: iza izy ireo?

‘Adil: izy ireo dia:

1- Imamo Mpitarika ny mpino Ali Ibn Abi Talib (ho eo aminy anie ny fitahiana).

2- Imamo Az zaki Al Hassan Ibn Ali (ho eo aminy anie ny fitahiana).

3- Imamo Abou Abdillahi Al Houssein Ibn Ali (ho eo aminy anie ny fitahiana).

4- Imamo Zainoul Abidine Ali Ibn Al Houssein (ho eo aminy anie ny fitahiana).

5- Imamo Al Baqir Mohammad Ibn Ali (ho eo aminy anie ny fitahiana).

6- Imamo As Sâdiq Ja'afar Ibn Mohammad (ho eo aminy anie ny fitahiana)

7- Imamo Al Kâzim Moussa Ibn Ja'afar (ho eo aminy anie ny fitahiana).

8- Imamo Ar Reza Ali Ibn Moussa (ho eo aminy anie ny fitahiana).

9- Imamo Al Jawwâd Mohammad Ibn Ali At taqi (ho eo aminy anie ny fitahiana).

10- Imamo Al Hâdi Ali Ibn Mohammad An naqi (ho eo aminy anie ny fitahiana).

11- Imamo Al Askari Hassan Ibn Ali (ho eo aminy anie ny fitahiana).

12- Imamo Al Mahdi Houjjatou Ibnoul Hassan (ho eo aminy anie ny fitahiana).

Said: iza no nanendry ireo Imamo ireo?

'Adil: Andriamanitra Ilay avo indrindra no nanendry azy ireo, ary nampahafantariny izany ny Mpaminany (ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahian'Andriamanitra), ary torak'izany koa, ny tsirairay teo aloha dia mampahalala izany ny aoriany, nanendry

an'ny Imamo Al mourtaza ny Mpaminany, dia nanendry an'i Hassan ny Mpitarika ny mpino, dia nanendry an'i Al Houssein i Al Hassan, dia nanendry an'i Ali i Al Houssein, dia nanendry an'i Mohammad i Ali, dia nanendry an'i Ja'afar i Mohammad, dia nanendry an'i Moussa i Ja'afar, dia nanendry an'i Ali i Moussa, dia nanendry an'i Mohamamd i Ali, dia nanendry an'i Ali i Mohammad, dia nanendry an'i Hassan i Ali, dia nanendry an'i Al Mahdi i Al Hassan (ho eo amin'izy ireo anie ny fitahiana).

Said: ary moa ve misy filazana avy amin'ny Mpaminany (ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahian'Andriamanitra) ny amin'izany, sy avy amin'ireo Imamo?

'Adil: eny, misy ny fanambarana maro voalaza amin'ny bokin'ny hadisy.

Said: inona no adidy tsy maintsy ataontsika manoloana ireo Imamo ireo?

'Adil: ny adidy tsy maintsy atao, dia ny fankatoavana azy ireo amin'izay nandidiany sy norarany, ka ny toerana misy azy ireo- amin'izay lafiny izay- dia tahaka ny Mpaminany (ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahian'Andriamanitra) satria ny tenin'izy ireo dia avy amin'ny teniny, ny baikon'izy ireo avy amin'ny baikony, ary ny fandraran'izy ireo avy amin'ny fandrarany.

Ary ny Mpaminany sy ny Imamo (ho eo amin'izy ireo anie ny fitahiana), tsy miteny avy amin'ny tenan'izy ireo fa avy amin'Andriamanitra Tsitoha. Ny fiafaran'ny baiko: ny Mpaminany dia manambara ny avy amin'Andriamanitra Tsitoha, tsy misy mpanelanelana, na amin'ny alalan'ny faminaniana, ary ny Imamo dia manambara ny avy amin'Andriamanitra Tsitoha, amin'ny alalan'Ilay

Iraka (ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahian'Andriamanitra).

Said: Inona no anjara asan'ny Mpaminany sy ny Imamo?

'Adil: fanaparitahana ny finoana.

Said: ary inona ny finoana?

'Adil: ny finoana dia ny Islamo, araka ny ao amin'ny andininy masina: **"hamafisina fa ny finoana voaray eo anatrehan'Andriamanitra dia ny finoana Islamo"** (Al Imrân 3.19).

Said: ary inona no tombontsoan'ny Islamo?

'Adil: ny tombontsoany dia mandrindra ny fiainana eto ambonin'ny tany izy, mba hiainan'ny zanak'olombelona eo ambany halokaloky ny fahalemana sy fahatoniana, fahanginana, filaminana, fahalalana, fahasalamana, ary fananan-karena, ary fanampin'izany, ny fanomezany ny zanak'olombelona ny fahasambarana any an-koatra.

Said: moa ve ny Islamo manome ireo zavatra ireo ho an'ny mpino silamo?

'Adil: eny.

Said: ka nahoana no mifanohitra amin'izany no hitantsika, misaratsaraka sy mizarazara ny mpino silamo, miely eo amin'izy ireo ny habadoana, sy ny fahaverezana; mahazo vahana eo amin'izy ireo ny aretina sy ny fahantrana, ary ny hafa?

'Adil: satria ny mpino silamo, ankehitriny, tsy manatanteraka lalàn'ny Islamo, araka ny tokony ho izy; moa ve hitanao ny fiaramanidina, izay manidina eny an-danitra, mitatira olona maro avy amin'ny

firenena iray mankany amin'ny firenena maro, raha misy fitaovana iray banga aminy, moa ve hanidina izy? Tsia, lasa vaingam-by fotsiny, tsy mahasoa afa-tsy anaovana singa sy kaopy ary ny mitovy amin'izany.

Dia toy izany koa ny finoana, ka izay mitondra ny olombelona ho any fahatsarana rehetra; dia izy no finoana feno; ary izany no irian'ny mpino silamo ny fisiany ankehitriny, ary efa teo am-pelatanan'ny mpino silamo ny Islamo, ka nametrahan'izy ireo fandrosoana goavana, izay fantatr'izao tontolo izao, tamin'ny andro izay nanatanterahan'izy ireo Ilay Islamo araka ny nampidinan'Andriamanitra azy.

Said: moa ve ny Imamo no manan-danja sa ny olona mpamorona?

'Adil: tsy azo ampitahana izy roa ireo raha ny marina, tahaka ny itenenanao hoe: moa ve ny vato no manankasina sa ny olombelona!

Tena marina ny Imamo, dia ilay manazava lalam-pahasambarana ho an'ny olombelona, fa ny olona mpamorona kosa dia ilay nahatsikaritra tsiambaratelo iray amin'ireo tsiambaratelon'ny tontolo, ary inona no lanjan'ny famoronana manoloana ny fahasambarana?

## Ilay porofo lehibe

Saleh: iza amin'ireo Imamo (ho eo amin'izy ireo ny fitahiana) no velona eto an-tany?

Jawwâd: tsy misy velona intsony ireo Imamo ireo afa-tsy Imamo faha 12: Al Houjja Al Mahdi (ho eo aminy anie ny fitahiana) .

Saleh: ary firy ny taonan'ilay manankaja?

Jawwâd: mihoatra ny arivo taona.

Saleh: nahoana izy no nijanona amin'izany fotoana lava izany?

Jawwâd: inona no manakana izany?

Saleh: ny taona ara-boajanahary mahazatra dia tsy lava manana fatram-paharetana toy izany.

Jawwâd: moa ve tsy mety ny hanalavana taona amin'ny alalan'ny fanafody sasany?

Saleh: eny, mety, ary efa napetraky ny fahalalana mandroso ankehitriny ny fanalahidin'izany, eo am-pelatanan'ireo mpitsabo, ary izy ireo dia miezaka manalava ny taonan'ny olombelona, ary efa nahita ampaham-pahombiazana, ary miandry ny hitomboan'izany fahombiazana izany,ho ambonimbony kokoa.

Jawwâd: noho izany, ny halavan-taoam-pahavelomana dia mitombina.

Ho fanampiny, raha toa isika tsy nahafantatra zavatra sasantsasany, ary tsy nahatsikaritra izany koa ny siansa hatramin'izao, dia tsy midika ny tsy fisiany akory izany. Moa ve tsy efa tafajanona ny vatan'i Faraona, any Ejypta hatramin'izao fotoana izao, efa an'arivo taonany maro izay, amin'ny alala'ny fanindronana azy karaza-menaka, izay anisan'ny tsy fantatry ny fahalalana mandraka ankehitriny?

Saleh: ary moa ve hitoetra hanjavona hatrany ny Imamo mandra-pahafatiny?

Jawwâd: tsia! Fa hiseho izy amin'ny fotoana farany, amin'ny alalan'ny baikon'Andriamanitra Ilay avo indrindra, mba hameno fahamarinana sy hitsiny ny tany, taorian'ny nahafeno tsy rariny sy faharatsiana azy.

Ary any ho any dia hanjaka ny rariny, ary handrakotra ny filaminana, hifarana amin'ny fahasambarana, araka ny hevitry ny teny, amin'ny olombelona.

## Ireo Imamo feno fahadiovana (a.s) **(ho eo amin'izy ireo anie ny fitahian'Andriamanitra)**

### 1- Imamo Mpitarika ny mpino (a.s) **(ho eo aminy anie ny fitahiana)**

Ny rainy: Abou Talib (ho eo aminy anie ny fitahiana).

Ny reniny: Fatima Bint Assad (ho eo aminy anie ny fitahiana)

Ny toerana nahaterahany: Ny Ka'aba masina, tao anatin'ny Ka'aba be voninahitra, 23 rajab taona 30 amin'ny taonan'ny elefanta.

Ny toerana nandevenana azy: maty maritiora tao amin'ny toeram-pivavahan'i Koufa ny 19 ramadany taona 40 hijra (19 ramadany izy no voakapoka ary maty maritiora afaka telo andro, 21 ramadany), ary nalevina tao Najaf Ashraf.

Ny faharetan'ny fitarihany: 29 taona.

## Saidatounâ Fatima Az zahara (a.s) **(ho eo amin'ny fitahiana)**

Ny rainy: ny Irak'Andriamanitra Mohammad (ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahian'Andriamanitra).

Ny reniny: As saida Khadija Bint Khowalid (ho eo aminy anie ny fitahiana)

Ny toerana nahaterahany: Makka be voninahitra, andro faha 20 Joumada-l-âkhira, dimy taona taorian'ny fifanekena nataon'ny Mpaminany tamin'ireo mpino silamo.

Ny toerana nandevenana azy: maty maritiora tsy ara-drariny izy andro faha 3 Joumad-l- âkhira, taona 11 hijra, ary nalevina tao Madina Mounawwara andro alina.

## 2- Imamo Al Hassan Ibn Ali (a.s) **(ho eo aminy anie ny fitahiana)**

Ny rainy: Imamo mpitarika ny mpino (ho eo aminy anie ny fitahiana)

Ny reniny: As saida Fatima Az zahara (ho eo aminy anie ny fitahiana)  zanakavavin'ny Irak'Andriamanitra (ho eo aminy ny fianakaviany anie ny fitahian'Andriamanitra).

Ny toerana nahaterahany: Madina Mounawwara, antsasaky ny volana ramadany taona 3 hijra.

Ny toerana nandevenana azy: maty maritiora vokatry ny poizina, 7 safar taona 49 hijra; nalevina tao Madina Mounawwara, ao amin'ny Al Baqiou'.

Faharetan'ny fitarihany: 9 taona teo ho eo.

### 3- Imamo Al Houssein Ibn Ali (a.s) **(ho eo aminy anie ny fitahiana)**

Ny rainy: Imamo mpitarika ny mpino (ho eo aminy anie ny fitahiana)

Ny reniny: As saida Fatima Az zahara (ho eo aminy anie ny fitahiana) zanakavavin'ny Irak'Andriamanitra (ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahian'Andriamanitra).

Ny toerana nahaterahany: Madina Mounawwara, andro faha 3 cha'aban, taona 4 hijra.

Ny toerana nandevenana azy: novonoina tsy ara-drariny sy tamim-pankahalana, andro faha 10 moharram taona 61 hijra, ary nalevina tao Karbala feno fahamasinina.

Ny faharetan'ny fitarihany: 12 taona teo ho eo.

### 4- Imamo Zainou-l-Abidine (a.s) **(ho eo aminy anie ny fitahiana)**

Ny rainy: Imamo Al Houssein Ibn Ali (ho eo aminy anie ny fitahiana).

Ny reniny: Sha Zanân, zanakavavin'ny mpanjaka Yzdajard.

Ny toerana nahaterahany: Madina Mounawwara, tapatapaky ny volana Joumada-l- Oula, taona 38 hijra.

Ny toerana nandevenana azy: maty nopoizinina, 25 moharram, taona 95 hijra, ary nalevina tao amin'ny

Al Baqiou, teo amin'ny dadatoany Imamo Al Hassan (ho eo aminy ny fitahiana).

Ny faharetan'ny fitarihany: 34 taona teo ho eo .

## 5- Imamo Mohammad Al Bâqir (a.s) **(ho eo aminy anie ny fitahiana)**

Ny rainy: Imamo Zainou-l- Abidine (ho eo aminy anie ny fitahian'Andriamanitra)

Ny reniny: Fatima zanakavavin'ny Imamo Al Hassan (ho eo aminy ny fitahiana)

Ny andro nahaterahany: 3 safar , na 1 rajab, taona 57 na 59 hijra.

Ny toerana nandevenana azy: maty nopoizinina; 7 zoul hijja, taona116 hijra, ary nalevina teo anilan'ny rainy tao Al Baqiou.

Ny faharetan'ny fitarihany: 21 taona teo ho eo.

## 6- Imamo Ja'afar Ibn Mohammad As Sadiq (a.s) **(ho eo aminy anie ny fitahiana)**

Ny rainy: Imamo Mohammad Al Bâqir (ho eo aminy anie ny fitahiana)

Ny reniny: Fatima, ilay antsoina hoe: "Oummou Farwa".

Ny andro nahaterahany: andro faha 7 rabioul awwal, taona 83 hijra, tao Madina Mounawwara.

Ny toerana nandevenana azy: maty nopoizinina, andro faha 25 shawwal; taona 148 hijra, ary nalevina miaraka amin'ny rainy tao amin'ny Al Baqiou.

Ny faharetan'ny fitarihany: 32 taona  teo ho eo.

## 7- Imamo Moussa Ibn Ja'afar Al Kâzim (a.s) **(ho eo aminy anie ny fitahiana)**

Ny rainy: Imamo As Sadiq (ho eo aminy anie ny fitahiana)

Ny reniny: Hamida Al Mousafat.

Ny toerana nahaterahany: Al Abwâ, toerana manelanelana any Makka sy Madina, 7 safar, taona 128 hijra.

Ny toerana nandevenana azy: maty nopoizinina; andro faha 25 rajab, taona 189 hijra, ary nalevina tao Al Kâzimiya.

Ny faharetan'ny fitarihany: 41 taona teo ho eo.

## 8- Imamo Ali Ibn Moussa Ar Ridha (a.s) **(ho eo aminy anie ny fitahiana)**

Ny rainy: Imamo Al Kâzim (ho eo aminy anie ny fitahiana).

Ny reniny: Najma.

Ny andro nahaterahany: 11 Zoul Qa'ada, taona 148 hijra, tao Madina Mounawwara.

Ny toerana nandevenana azy: maty nopoizinina, andro faran'ny safar, taona 202 hijra, ary nalevina tao Khourâssân.

Ny faharetan'ny fitarihany: 13 taona teo ho eo.

## 9- Imamo Mohammad Al Jawwâd (a.s) **(ho eo aminy ny fitahiana)**

Ny rainy: Imamo Ar Reza (ho eo aminy anie ny fitahiana)

Ny reniny: Sabika.

Ny andro nahaterahany: andro faha 10 rajab, taona 195 hijra, tao Madina Mounawwara.

Ny toerana nandevenana azy: maty nopoizinina; faran'ny volana Zoul qa'ada, taona 220 hijra, ary nalevina tao

Al Kazimiya teo amin'ny raibeny (ho eo aminy anie ny fitahiana) .

Ny faharetan'ny fitarihany: 18 taona teo ho eo.

## 10- Imamo Ali Al Hâdi (a.s) **(ho eo aminy anie ny fitahiana)**

Ny rainy: Imamo Al Jawwâd (ho eo aminy anie ny fitahiana)

Ny reniny: Samâna.

Ny andro nahaterahany: 15 zoul hijja, na 2 rajab taona 212 hijra, tao Madina Mounawwara.

Ny toerana nandevenana azy: maty nopoizinina; 3 rajab, taona 254 hijra, ary nalevina tao Sammara.

Ny faharetan'ny fitarihany: 34 taona teo ho eo.

## 11- Imamo Al Hassan Al ‘Askariy (a.s) **(ho eo aminy anie ny fitahiana)**

Ny rainy: Imamo Al Hâdi (ho eo aminy anie ny fitahiana)

Ny reniny: As saida (Jadda).

Ny andro nahaterahany: 10 rabiou’s sâni, taona 232 hijra.

Ny toerana nandevenana azy: maty nopoizinina, andro faha 8 rabioul awwal, taona 260 hijra, ary nalevina tao Sammara, anilan’ny rainy.

## 12- Imamoul-Houjja Al Mahdi (a.s) **(ho eo aminy anie ny fitahiana)**

Ny rainy: Imamo Al ‘Askariy (ho eo aminy anie ny fitahiana)

Ny reniny: As saida (Narjis).

Ny andro nahaterahany: tapaky ny volana Cha’aban, taona 255 hijra, tao Sammara.; ary izy dia mbola velona eto an-tany, tsy hita maso; mandra-panomezan’Andriamanitra alalana azy; ka hisehoany ary hamenoany rariny sy hitsiny ny tany taorian’ny nahafeno azy tsy rariny sy faharatsiana.

Izy ireo no taranaky ny Irak’Andriamanitra - Ahloul baiti - (ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahian’Andriamanitra), izay nolazain’Andriamanitra Tsitoha ny amin’izy ireo**: “Ny hanala ny fahalotoana aminareo no tadiavin’Andriamanitra, ry fianakavian’ny Mpaminany, ary ny hanadio anareo tanteraka”** (Al Ahzâb 33.33).
Ary nilaza ny amin’izy ireo koa ny Mpaminany (ho eo aminy ny fianakaviany anie ny fitahian’Andriamanitra): “ireo taranako dia toy

ny sambofiaran'i Nouh (Noa), ka izay mitaingina aminy dia avotra, ary izay mandao azy kosa dia rendrika". (Biâroul Anhâr v.23 p.121 fiz. 7 hadisy. 41)

Ary niteny ny Mpaminany (ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahian'Andriamanitra): " Marina tokoa fa namela eo aminareo zavatra roa manan-danja aho, ny bokin'Andriamanitra, ary ireo fianakaviako, ka raha mifikitra tanteraka amin'izy roa ireo ianareo dia tsy ho very na oviana na oviana". (Moustadrakoul wasâil v.7 p.255 fiz.47 hadisy.8181).

Ary izy no mpandimby ny Irak'Andriamanitra (ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahian'Andriamanitra), izay nolazainy hoe: "ireo mpandimby aoriako dia roa ambin'ny folo" . (Amâli as sheikh Saddouq: p.310 majlis 51 hadisy.7).

Ka adidy tsy maintsy raisin'ny mpino silamo tsirairay ny mifikitra amin'izy ireo, ary ny fankatoavana azy ireo, sy mitia azy ireo, ary mankahala ny fahavalon'izy ireo.

Voninahitra lehibe ho an'ny Tomponao Tompon'ny fahamboniana amin'izay hamaritan'izy ireo azy, ary fiadanana ho an'ireo iraka, voninahitra ho an'Andriamanitra Tompon'izao tontolo izao, ary Andriamanitra anie hitahy an'i Mohammad sy ny fianakaviany feno fahadiovana.

Karbala feho fahamasinana

(Mohammad Ibn Al Mahdi Al Housseini As shirazi)

## Ho tonga aminareo ny fotoana iray

Ampahany amin'ny toriten'ilay lehibetsika Mpitarika ny mpino Ali (ho eo aminy anie ny fitahiana) ny hoe: "Marina fa ho tonga aminareo ny fotoana iray aoriako, ka tsy hisy zavatra hiafina mihoatra ny

fahamarinana, ary tsy hisy zavatra hiharihary mihoatra ny fahadisoana, ary tsy misy maro mihoatra ny lainga atao amin'Andriamanitra sy ny Irany, ary amin'izany fotoana izany dia tsy hisy entana tsy misy mpandray mihoatra ny boky (Kor'any) rehefa ventesina ny tena famakiana azy, ary tsy misy mandany vola mihoatra ny fandaniambola aminy rehefa ovaina ny toerany (andininy); ary tsy misy zavatra ratsy mihoatra ny fahatsarana amin'ny firenana, ary zavatra tiana mihoatra ny faharatsiana, fantaronareo fa ianareo dia tsy ahafantatra ny fahitsiana, mandra-pahafantatrareo izay namela azy, ary tsy handray na oviana na oviana ny fifanekena ao amin'ny boky ianareo mandra-pahafantatrareo izay namadika izany, ary tsy hifikitra aminy na oviana na oviana ianareo mandra-pahafantatrareo izay nanda azy, koa tadiavinareo izany any amin'ny olony, fa izy ireo dia namelona ny fahalalana, ary namono ny habadoana, izy ireo no hanambara aminareo ny lalàn'izy ireo avy amin'ny fahalalan'izy ireo, ary ny fahanginan'izy ireo amin'ny fitenenan'izy ireo, ary ny ety ivelan'izy ireo amin'ny kobonin'izy ireo, tsy manohitra ny finoana izy ireo, na mifanditra ao anatin'izany, ary izy ireo no fanohitry ny Islamo sy fidirana any amin'ny fifikirana, amin'ny alalan'izy ireo no hiverenan'ny fahamarinana indray amin'ny niaviany, ary hihozongozonan'ny fahadisoana amin'ny toerany, hahatapahan'ny lela amin'ny fotony, nisaina ny finoana izy ireo tamin'ny saina feno fahalalana tanteraka sy fitandremana fatratra; fa tsy saina nihaino sy nitatitra fotsiny, ny mpitatitra fahalalana maro, fa ny mitandrina azy vitsy, izy dia vavolombelona teo amin'izy ireo, marina izy, ary nangina sy niteny". (Nahajoul balâgha khoutba 145 p.295/ tab'atoul a'alami).

## Tena marina Ali (a.s) sy ireo mpanaraka azy no mpandresy

Ibn Assâkir ao amin'ny filazana momba an'i Imamo Ali Ibn Abi Talib (ho eo aminy anie ny fitahiana) amin'ny tantaran'i Damas: araka ny fanohanany avy amin'i Abou Az zoubair, avy amin'i Jaber Ibn Abdillahi Al Ansâri niteny hoe: "tao amin'ny Mpaminany izahay (ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahian'Andriamanitra) dia tonga avy any i Ali Ibn Abi Tâlib, dia nilaza ny Mpaminany (ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahian'Andriamanitra): indro efa tonga eto aminareo ny rahalahiko, avy nitodika tany amin'ny Ka'aba izy, dia nokapohiny tamin'ny tanany ny Ka'aba, dia niteny izy: eo anatrehan'Ilay mitana ny aiko, tena marina ity olona ity, sy ny mpanaraka azy, izy ireo no mpandresy amin'ny andro fitsanganana, avy eo niteny izy: satria izy no voalohany taminareo nino niaraka tamiko,ary mpanatanteraka ny fifanekena tamin'Andriamanitra indrindra taminareo, mpanaja ny didin'Andriamanitra indrindra taminareo, ary marina indrindra taminareo tamin'ny andraikitra noraisina, mpitsinjara mitovy indrindra taminareo, be voninahitra miavaka indrindra aminareo eo anatrehan'Andriamanitra, dia niteny Jaber ary nilatsaka ny andininy: **"fa ireo nino sy nanao asa soa kosa, dia izy ireo no mendrika indrindra amin'ny zavaboahary"** (Al bayinah 98.7). (Târikh Ibn 'Assâkari: v.2 p.442 n° 958 miaraka amin'ny fanadihadian'i Al Mahmoudi)

Mbola Ibn 'Assâkari ihany: araka ny fanohanany, avy amin'i Mohammad Ibn Jahâda, avy amin'i As sha'abi, avy amin'i Ali (ho eo aminy anie ny fitahiana) niteny hoe: nilaza tamiko ny Irak'Andriamanitra (ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahian'Andriamanitra): "ianao sy ny mpanaraka anao any amin'ny paradisa". ( Ibn 'Assâkari:v.2 p.344 n°853 miaraka amin'ny fanadihadian'i Al Mahmoudi).

## Ny Boky sy ny fianakavian'ny Mpaminany.

Avy amin'i Abou Said Al Khoudri, avy amin'ny Mpaminany (ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahian'Andriamanitra) niteny hoe: "manahy aho ny ho antsoina ka dia mamaly, fa izaho dia mamela ho anareo zavatra roa lehibe: ny Bokin'Andriamanitra Mahery sy be voninahitra, ary ny fianakaviako, Bokin'Andriamanitra, tady mampifandray ny lanitra sy ny tany,ary ny fianakaviako, ary Ilay be fangorahana sy Mpahalala dia nanambara tamiko fa izy roa ireo dia tsy hisaraka na oviana na oviana, mandra-pitrangan'ny loharano amiko, ka jereonareo aho inona no hanoloanareo azy roa ireo aoriako".
(Mousnad Ahmad Ibn Hambal, hadisy n° 10707).

Avy amin'i Zaid ibn Thâbit, niteny: nilaza ny Irak'Andriamanitra (ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahian'Andriamanitra): "marina tokoa fa namela ho anareo mpandimby roa aho, Bokin'Andriamanitra sy ny fianakaviako, ary izy roa ireo dia tsy hisaraka na oviana na oviana mandra-pahatongan'ny loharano rehetra amiko"

(Mousnad Ahmad Ibn Hambal, hadisy n° 20667)

# Fizahan-takelaka

Teny fanolorana ..... 2
Fampidirana ..... 5
Moa te-hahafantatra ve ianao ? ..... 8
Moa ve hitanao? ..... 9
Inona no nohariany? ..... 10
Te-hahita an'Andriamanitra aho! ..... 12
Fanakorontanana ..... 13
Tsy misy fotoana izy. ..... 18
Tsy manana vatana Izy ..... 19
Anisan'ny famantarana ny tontolo ..... 21
1: Ny habakabaka ..... 21
2: Ny tany ..... 24
3: Ny zava-maniry. ..... 25
4:Ny biby ..... 27
5- Ny olombelona ..... 34
Ireo Mpaminany sy ireo Iraka ..... 39
Ny fanontaniana voalohany: ..... 40

Ny fanontaniana faharoa ....................................................................41
Ny fanontaniana fahatelo ..................................................................47
Tokana ny antso ..............................................................................49
Ny mpaminan'ny finoana Islamo (saws)...........................................53
Ireo fitondrantenan'Ilay Mpaminanin'ny finoana Islamo (saws) .....58
Ny Kor'any masina ............................................................................69
Mpanontany sy mpamaly ..................................................................72
Tantara .............................................................................................73
Ao aminy ny zava-drehetra ..............................................................79
Ny mpino silamo sy ny Kor'any ........................................................82
Ny Kor'any maharitra mandrakizay ...................................................88
Ny Islamo ..........................................................................................93
Moa ve mety? ....................................................................................99
Ny mpitarika (Imamo).......................................................................106
Ilay porofo lehibe..............................................................................110
Ireo Imamo feno fahadiovana (a.s) ..................................................112
1- Imamo Mpitarika ny mpino (a.s) ..................................................112
Saidatounâ Fatima Az zahara (a.s)...................................................113
2- Imamo Al Hassan Ibn Ali (a.s) ......................................................113
3- Imamo Al Houssein Ibn Ali (a.s)....................................................114
4- Imamo Zainou-l-Abidine (a.s) .......................................................114

5- Imamo Mohammad Al Bâqir (a.s) ............................................115
6- Imamo Ja'afar Ibn Mohammad As Sadiq (a.s)...........................115
7- Imamo Moussa Ibn Ja'afar Al Kâzim (a.s)..................................116
8- Imamo Ali Ibn Moussa Ar Ridha (a.s) .......................................116
9- Imamo Mohammad Al Jawwâd (a.s)........................................117
10- Imamo Ali Al Hâdi (a.s) ..........................................................117
11- Imamo Al Hassan Al 'Askariy (a.s) ..........................................118
12- Imamoul-Houjja Al Mahdi (a.s) ..............................................118
Ho tonga aminareo ny fotoana iray ..............................................119
Tena marina Ali (a.s) sy ireo mpanaraka azy no mpandresy..........121
Ny Boky sy ny fianakavian'ny Mpaminany. ...................................122